



CODE MUNICIPAL D'HYGIÈNE

DE LA COMMUNE URBAINE DE TOAMASINA



Avec l'appui technique et institutionnel de :

- Ministère de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène (MEAH)
- Ministère de l'Environnement et du Développement Durable (MEDD)

Avec l'appui technique et financier de :


- United States Agency for International Development (USAID)
- Programme des Nations Unies pour le Développement (PNUD)



Kaominina Ambonivohitra Toamasina

Araka ny DIDIM-PITONDRANA MONISIPALY laharana
168/25/CU/TOA ny 27 Aogositra 2025

Izay mametraka ny Fehezan-dalàna Monisipaly momba
ny Fidiovana ao amin'ny Kaominina Ambonivohitra
Toamasina



Commune Urbaine de Toamasina

ARRETE MUNICIPAL n°168/25/CU/TOA en date du 27 Août
2025

Portant mise en place du Code Municipal d'Hygiène de
la Commune Urbaine de Toamasina

FANOROAM-PEJY

TENY FANOLORANA1

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY6

BOKY SAVARANONANDO : IREO RAFITRA SY SAMPAN-DRAHARAH

MONISIPALY MIANDRAIKITRA NY FIDIOVANA 22

LOHATENY 1 : Ireo fepetra ankapobeny 22

LOHATENY 2 : Ireo rafitra monisipaly misahana ny fidiovana 32

LOHATENY 3 : Ireo sampan-draharaha monisipaly misahana ny fidiovana
..... 44

BOKY VOALOHANY : NY FIDIOVANA, NY FISOROHANA SY FIAROVANA,

NY ARA-PAHASALAMANA HO AN'NY BE SY NY MARO 54

LOHATENY 1 : Ny fahadiovana mahasahana ny lalam-bahoaka sy ny kianjam-
bahoaka 54

LOHATENY 2 : Ny fahadiovana mahasahana ny sakafo 72

BOKY FAHA-II. MIKASIKA NY FANADIOVANA AN-TANÀN-DEHIBE82

LOHATENY 1 : Ny fitantanana ny rano maloto sy ny fako 82

LOHATENY 2 : Ny fitantanana ny diky sy ny fako mivaingana an-tanàn-dehibe
..... 94

BOKY FAHA-III. MOMBA NY FISOROHANA NY FANAKORONTANANA NY

FILAMINAM-BAHOAKA SY NY FANDOTOANA 116

LOHATENY 1 : Ny fisorohana ny tabataba sy ny fandotoana isan-karazany
..... 116

LOHATENY 2 : Ny fisorohana ny fandotoana isan-karazany 120

BOKY FAHA-IV : MOMBA NY FEPETRA MIKASIKA NY FILAMINANA SY

NY FANDRIAM-PAHALEMAM-BAHOAKA 134

LOHATENY 1 : Momba ny filaminana sy ny fandriam- pahalemam-bahoaka
..... 134

LOHATENY 2 : Ny fisorohana ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola136

BOKY FAHA-V : MOMBA NY FANAMARINANA NY TSY FANARAHAN-

DALÀNA, NY FANASAZIANA NY TSY FANAJANA NY FIDIOVANA SY NY

FAHASALAMAM-BAHOAKA 140

TABLE DES MATIERES

MOT DU MAIRE	3
EXPOSÉ DES MOTIFS	7
LIVRE PRÉLIMINAIRE : DES ORGANES ET SERVICES MUNICIPAUX EN CHARGE D'HYGIENE.....	23
TITRE 1 : Des dispositions générales	23
TITRE 2 : Des organes municipaux en charge d'hygiène	33
TITRE 3: Des services municipaux d'hygiène	45
LIVRE I : DE L'HYGIENE, DE LA PRÉVENTION ET PROTECTION DE LA SALUBRITÉ PUBLIQUE	55
TITRE 1 : De l'hygiène des voies publiques.....	55
TITRE 2 : De l'hygiène alimentaire	73
LIVRE II : DE L'ASSAINISSEMENT URBAIN	83
TITRE 1 : De la gestion des eaux usées et des déchets.....	83
TITRE 2 : De la gestion des excréta et des déchets solides urbains ...	95
LIVRE III. DE LA PRÉVENTION DES TROUBLES A LA TRANQUILITÉ PUBLIQUE ET DES POLLUTIONS	117
TITRE 1 : De la prévention contre les nuisances et les pollutions diverses	117
TITRE 2 : De la lutte contre les pollutions diverses.....	121
LIVRE IV : DES MESURES RELATIVES A LA SÉCURITÉ, A LA SURETÉ PUBLIQUE	135
TITRE 1 : De la sécurité et sûreté publique.....	135
TITRE 2 : De la prévention en cas de vente des boissons alcooliques	137
LIVRE V : DE LA CONSTATATION ET REPRESSION DES ATTEINTES A L'HYGIENE ET A LA SALUBRITÉ.....	141



LOHATENY 1 : Ireo Sazy aloa vola _____ 140

**BOKY FAHA-VI : MOMBA NY FOMBA FANAO RAHA MISY FANDIKANA
NY FIDIOVANA SY NY FAHASALAMAM-BAHOAKA _____ 146**

LOHATENY 1 : Fepetra iraisana _____ 146

LOHATENY 2 : Momba ny fitaterana sy fitoriana ny fandikan-dalàna 146

LOHATENY 3 : Momba ny fanamarinana ny fandikan-dalàna _____ 148

**BOKY FAHA-VII : MOMBA NY TOROLÀLANA FAMPIHARANA SY
FANENJEHANA _____ 158**

BOKY FAHA-VIII : FEPETRA FAMARANANA _____ 182

TOVANA 1 : FIRAKETANA AN-TSORATRA NY ZAVA-MISY (1)

**TOVANA 2 : FIRAKETANA AN-TSORATRA NY ZAVA-MISY (SAKANA ENY
AN-DALANA) (2)**

TOVANA 3 : FAMPITANDREMANA

TOVANA 4 : TAKY (FAMPANALANA FIARA)

TOVANA 5 : FANERENA (DIDY FAMPANALANA SY SAZY)

**TOVANA 6 : TABILAO FAMINTINANA IREO FENITRY NY TRANO
FIVOAHANA ARAKA NY KARAZAN' ILAY TOERANA**

**TOVANA 7 : TABILAO FAMINTINANA NY HABEN'NY LAVAPIRINGA ISAKY
NY OLONA**

Titre 1 : Des sanctions pécuniaires.....	141
LIVRE VI : DE LA PROCÉDURE EN CAS D'ATTEINTES A L'HYGIENE ET A LA SALUBRITÉ.....	147
Titre 1 : Des dispositions communes	147
Titre 2 : Du signalement et dénonciation de l'infraction	147
Titre 3 : De la constatation de l'infraction	149
LIVRE VII : DU MANUEL DE PROCÉDURE ET DE MODE DE POURSUITE	159
LIVRE VIII : DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES	183
ANNEXE 1 : PROCÈS-VERBAL DE CONSTATATION (1)	
ANNEXE 2 : PROCÈS-VERBAL DE CONSTATATION (OBSTACLE SUR LA VOIE PUBLIQUE) (2)	
ANNEXE 3 : AVERTISSEMENT	
ANNEXE 4 : RÉQUISITION (ENLÈVEMENT DE VÉHICULE)	
ANNEXE 5 : INJONCTION (ENLÈVEMENT IMMÉDIAT ET AMENDE)	
ANNEXE 6: TABLEAU RÉCAPITULATIF DES NORMES WC PAR TYPE DE LIEU	
ANNEXE 7: TABLEAU RÉCAPITULATIF DU VOLUME DE FOSSE SELON LE NOMBRE DE PERSONNES	

TENY FANOLORANA

Miantoka ny fivoaran'ny kalitaom-piainantsika ny fananana tontolo iainana madio, milamina ary manaja ny tsirairay. Ho fiarovana sy ho fitazonana izany toe-piainana izany, izay sarobidy amintsika rehetra, dia novolavolaina ity Fehezan-dalàna Monisipaly misahana ny Fidiovana ity, ka tanjona iray no ijoroany: ny hiantohana ho an'ny mponina rehetra, tontolo iainana madio, milamina ary mendrika.

Ity Fehezan-dalàna ity dia manangona ireo fitsipika fototra ilaina amin'ny fitandroana ny fahadiovana ho an'ny be sy ny maro, ny fiarovana ny tontolo iainana, ary ny fampiroboroboana ny fiaramiaina am- pilaminana eo amin'ny samy mponina. Ny fikajiana an'i Toamasina dia midika ho fikajiana ny tenantsika sy ny hoavin'ny taranaka fara aman-dimby.

Tsy rafitra ara-dalàna fotsiny anefa ity Fehezan-dalàna ity, fa fanehoana mazava ny fanoloran-tena sy ny andraikitra iombonan'ny rehetra. Na eo amin'ny fitantanana ny fako, ny fikojakojana ny toerana fonenana sy ny manodidina azy, ny fisorohana ny fanelingelenana, na ny fiarovana ny fahasalamam- bahoaka, dia samy manana andraikitra ny tsirairay.

Ny fanajana ny fahadiovana ho an'ny be sy ny maro dia tsy miankina amin'ny manam-pahefana irery ihany, fa manomboka amin'ny fihetsika andavanandron'ny tsirairay: eo anoloan'ny trano, amin'ny fomba fanasokajiana sy fanariana ny fako, amin'ny fikajiana ny toerana ho an'ny daholobe, ary amin'ny fiarovana ny rano sy ny tany.
« Fihetsika kely averimberina maharitra dia mitondra fiovana lehibe ho an'ny rehetra ».

MOT DU MAIRE

***L**a qualité de vie au sein de notre commune repose sur un environnement propre, sain et respectueux de chacun. Afin de préserver ce cadre de vie qui nous est cher, ce Code Municipal d'Hygiène a été conçu pour répondre à un objectif simple : garantir à chaque habitant un environnement propre, sain et respecté.*

Ce document rassemble les règles essentielles permettant de garantir la salubrité publique, de protéger notre environnement et d'assurer une cohabitation harmonieuse entre tous. Prendre soin de Tamatave, c'est d'abord prendre soin de nous-mêmes et de nos générations.

Ce Code n'est pas seulement un cadre réglementaire : il est l'expression d'un engagement collectif. Qu'il s'agisse de la gestion des déchets, de l'entretien des espaces privés, de la lutte contre les nuisances ou encore de la protection de la santé publique, chacun de nous a un rôle à jouer.

*Le respect de l'hygiène publique ne dépend pas seulement des autorités, il commence devant nos maisons, dans nos gestes quotidiens, dans la manière de trier, de collecter, de traiter nos déchets, de protéger nos espaces publics et de préserver nos eaux et nos sols : « **Un petit geste répété produit un grand changement pour tous** ».*

Manantena sy matoky ny fahatsapan-tenanareo sy ny fandraisanareo anjara mavitrika aho, mba hahatonga ny kaominintsika ho toerana mbola mahafinaritra kokoa hatrany: tanàna madio, mandray vahiny ary ireharehantsika rehetra.

Koa andeha isika rehetra hiara-hifampientana hanaja sy hampanaja ity Fehezan-dalàna ity, ho fiarovana ny tombontsoa iombonan'ny be sy ny maro.

Mankasitraka sahadry ny fiaraha-miasa sy ny fitiavana asehonareo ho an'ity Kaominintsika ity aho.

Amim-panajana feno.

« Tamatave tanagnantsika, Mandroso, Mifankatia »

Ny Ben'ny Tanàna

ANDRIAFANOMEZANTSOA Alain

Je compte sur votre sens civique et votre participation active pour faire de notre commune un lieu toujours plus agréable à vivre : une ville propre et accueillante dont nous sommes fiers.

Ensemble, veillons à respecter et à faire respecter ces règles qui contribuent à notre bien-être commun.

Je vous remercie de votre collaboration et de votre attachement à notre commune.

Avec toute ma considération.

« Tamatave tanagnantsika, Mandroso, Mifankatia »

Le Maire

ANDRIAFANOMEZANTSOA Alain

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina, renivohitra faharoa lehibe eto Madagasikara, dia manana toerana ara-jeografika stratejika eo amin'ny morontsiraka atsinanana, misokatra mivantana amin'ny Ranomasimbe Indianina, ka mahatonga azy ho vavahady lehibe ho an'ny varotra iraisam-pirenena. Mitombo hatrany ny isan'ny mponina ao aminy : tombanana ho 554 082 izany, raha 33 794 monja tamin'ny taona 1950. Tamin'ny taon-dasa, nitombo 24 538 ny mponina eto Toamasina. Ireo tarehimarika ireo dia nalaina avy amin'ny fanavaozana farany nataon'ny Firenena Mikambana momba ny vinavinan'ny fanitarana ny tanàn-dehibe maneran-tany.

Amin'izao fotoana izao dia manana fokontany miisa 138 ny Kaominina ary miaina fivoarana haingana eo amin'ny tanàn-dehibe sy fitomboan'ny asa ara-toekarena. Na izany aza, miaraka amin'izany fivoarana izany dia miseho koa ireo olana lehibe eo amin'ny fahasalamam-bahoaka, ny fitantanana ny fako, ny fanadiovana, ary ny filaminam-bahoaka. Ny tsy fisian'ny rafitra ara-dalàna monisipaly manokana sy mahaleo tena momba ny fahadiovan'ny tanàn-dehibe dia mampihena ny fahafahan'ny Kaominina misoroka sy miatrika amin'ny fomba mahomby ireo loza ara-pahasalamana sy ara-tontolo iainana.

Noho izany, ny fametrahana ity Fehezan-dalàna monisipaly momba ny Fidiovana ity dia mamaly ireo filana lehibe maro :

- **Eo amin'ny lafiny fahasalamana**, mikendry ny hampihenana ny fihanaky ny areti-mifindra vokatry ny rano maloto, ny fitantanana tsy araka ny tokony ho izy ny fako, ny fandotoana ny tontolo iainana, ary ny fomba fanao tsy ara-pahasalamana eo anivon'ny fiarahamonina.

EXPOSÉ DES MOTIFS

La Commune Urbaine de Toamasina, deuxième agglomération de Madagascar, bénéficie d'une position géographique stratégique sur la côte Est, directement ouverte sur l'océan Indien, ce qui en fait une véritable porte d'entrée pour le commerce international. Sa population connaît une croissance démographique soutenue : elle est estimée à 554 082 habitants, contre seulement 33 794 en 1950. L'année dernière, Toamasina a enregistré une augmentation de 24 538 habitants. Ces chiffres proviennent de la dernière révision des perspectives d'urbanisation mondiale des Nations Unies.

Actuellement, la Commune compte 138 fokontany et connaît une urbanisation rapide ainsi qu'une intensification des activités économiques. Cependant, cette croissance s'accompagne de défis majeurs en matière de salubrité publique, de gestion des déchets, d'assainissement, de santé et de sécurité publique. L'absence d'un cadre juridique municipal autonome et spécifique en matière d'hygiène urbaine limite la capacité de la Commune à prévenir efficacement les risques sanitaires et environnementaux.

La mise en place du Code Municipal d'Hygiène répond à plusieurs enjeux essentiels :

- **Sur le plan sanitaire** : il vise à limiter la propagation des maladies transmissibles liées aux eaux usées, à la mauvaise gestion des déchets, à la pollution et aux pratiques insalubres de la population.

- **Eo amin'ny lafiny tontolo iainana**, mikendry ny hiady amin'ny fahasimban'ny tora-pasika, ny tsena, ny toerana iombonana ary ny fokontany, indrindra vokatry ny fitobian'ny fako sy ny rano mihandrana.
- **Eo amin'ny sehatra ara-toekarena**, manampy amin'ny fitandrovana ny hatsaran'ny tanàna sy ny mba hampanintona azy, izay ekena ho ivon'ny fizahan-tany ary manana seranan-tsambo lehibe indrindra eto amin'ny firenena.
- **Eo amin'ny lafiny ara-dalàna sy ara-tsôsialy**, tafiditra ao anatin'ny Lalàna laharana 2014-018 sy ireo didy fampiharana azy momba ny fitsinjaram-pahefana, izay manome andraikitra ny Kaominina amin'ny sehatry ny fahadiovana sy ny fidiovana. Manampy ihany koa amin'ny fanentanana ny olom-pirenena sy ny fampiroboroboana ny kolontsain'ny fanajana ny toerana iombonana, amin'ny alalan'ny fampahafantarana sy ny fanaparitahana ny votoatin'ity Fehezan-dalàna ity.

- **Sur le plan environnemental** : il contribue à lutter contre la dégradation des plages, des marchés, des espaces publics et des quartiers, notamment due à l'accumulation des ordures et des eaux stagnantes.
- **Sur le plan économique** : il permet de préserver l'attractivité de la ville, reconnue à la fois comme pôle touristique et principal port du pays.
- **Sur le plan juridique et socio-culturel** : ce code s'inscrit dans le cadre de la Loi n°2014-018 et de ses textes d'application relatifs à la décentralisation, qui attribuent aux Communes la compétence en matière d'hygiène et d'assainissement. Il participe également à la responsabilisation citoyenne et à la promotion d'une culture de respect de l'espace public, notamment à travers la vulgarisation des dispositions qu'il contient.



Ity Fehezan-dalàna Monisipaly misahana ny Fidiovana eto amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina ity dia ahitana andininy 140 ary mifototra amin'ireto tanjona lehibe manaraka ireto :

BOKY SAVARANONANDO : mametraka ny fepetra ankapobeny sy ny rafitra momba ny fitantanana ny fahadiovana sy ny fidiovana. Izy io dia mamaritra ny andraikitra ny rantsa-mangaika monisipaly (Ben'ny Tanàna, Filan-kevitra Monisipaly, Birao Monisipaly misahana ny Fidiovana na BMH, Komity Monisipaly misahana ny Fidiovana na CMH, Borigady misahana ny Fanadiovana sy ny Fidiovana (BAH) ary ny Fokontany). Mikendry ny hanamafy ny fandrindrana eo amin'ireo rafitra ireo izy, mba hiantohana ny fahasalamam-bahoaka sy ny fisorohana ny aretina.

BOKY VOALOHANY : mifehy ny fahadiovan'ny toerana iombonana sy ny fananana manokana ao amin'ny Kaominina. Mamaritra ny fitsipika momba ny lalana, tora-pasika, tsena, trano fonenana, ary ny fahadiovan'ny sakafo sy ny toerana misokatra ho an'ny daholobe.

BOKY FAHAROA : mikendry ny handamina ny fanadiovana antanàn-dehibe sy ny fitantanana ny rano maloto ary ny fako. Mametraka adidy ho an'ny mponina sy ny tompon'andraikitra amin'ny fananana rafitra fanariana mifanaraka amin'ny fenitra sy ny fanangonana sy fanodinana fako.

BOKY FAHATELO : mamaritra ny fepetra fisorohana ny fandotoana sy ny fanelingelenana ny filaminam-bahoaka. Mifehy ny tabataba, ny fandotoana rivotra, rano ary tany, ary miaro ny tontolo iainana sy ny fifandanan'ny fiarahamonina.

Le présent Code Municipal d'Hygiène de la Commune Urbaine de Toamasina comprend 140 articles, et est constitué des grands objectifs suivants :

LIVRE PRELIMINAIRE : il établit les dispositions générales et le cadre institutionnel de gestion de l'hygiène et de l'assainissement. Il définit les rôles et attributions des organes municipaux (Maire, Conseil Municipal, Bureau Municipal d'Hygiène, Comité Municipal d'Hygiène, Brigade d'Assainissement et Fokontany). Il vise à assurer la coordination entre ces institutions pour garantir la salubrité publique et la prévention sanitaire.

LIVRE I : Il encadre les règles relatives à l'hygiène des espaces publics et privés. Il réglemente notamment les voies publiques, plages, marchés, habitations, établissements recevant du public et l'hygiène alimentaire.

LIVRE II : Il traite de l'assainissement urbain et de la gestion des eaux usées et déchets. Il fixe les obligations relatives aux dispositifs d'évacuation et organise la collecte et le traitement des déchets.

LIVRE III : Il porte sur la prévention des pollutions et des troubles à la tranquillité publique. Il réglemente les nuisances sonores et les atteintes à l'air, à l'eau et au sol.

.

BOKY FAHEFATRA : mikasika ny filaminana sy fiarovana an-tanàndehibe. Mamaritra ny fepetra momba ny fibodoana toerana ho an'ny daholobe sy ny fifehezana ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola.

BOKY FAHADIMY : mamaritra ny fiandraiketana ny fandikan-dalàna sy ny rafitra famaizana mifandraika amin'ny fahadiovana sy fidiovana ary mametraka ireo sazy ara-bola sy fepetra arapitantanana azo ampiharina.

BOKY FAHENINA : Mamaritra ny fomba arahina amin'ny raharaha fandikan-dalàna, manomboka amin'ny fanamarinana ka hatramin'ny fanatanterahana ny sazy ary ahitana ny paika aradalàna sy ny taratasy ampiasaina amin'ny fampiharana azy.

BOKY FAHAFITO : mikasika ny fanatanterahana sy ny fampiharana ireo fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna ary mamaritra ny andraikitra ny tompon'andraikitra sy ny fepetra arahina amin'ny fampiharana azy.

BOKY FAHAVALO : mamaritra ny fepetra famaranana sy ny fidirankery ary ahitana ny fanoloana na fanafoanana ireo didy sy fitsipika teo aloha raha misy fifanoherana.

LIVRE IV : prévoit les mesures relatives à l'ordre et à la sécurité en milieu urbain et définit également les règles relatives à l'occupation de l'espace public et au contrôle de la vente des boissons alcoolisées.

LIVRE V : définit la constatation des infractions, prévoit les sanctions applicables en matière d'hygiène et d'assainissement et précise les amendes et les mesures administratives pouvant être appliquées.

LIVRE VI : précise la procédure applicable en cas d'atteinte à l'hygiène et à la salubrité et définit les modalités d'intervention et d'exécution des mesures prises.

LIVRE VII : détermine les modalités d'application et d'exécution des dispositions du Code et définit les responsabilités des autorités compétentes et les modalités de mise en œuvre.

LIVRE VIII : fixe les dispositions finales relatives à l'entrée en vigueur et prévoit également le remplacement ou l'abrogation des règlements et dispositions antérieurs en cas de contradiction.





KAOMININA AMBONIVOHITRA
TOAMASINA

DIDIM-PITONDRANA N°168/ 25
/CU/TOA NY 27 aogositra 2025
Izay mametraka ny Fehezan-dalàna
Monisipaly momba ny Fidiovana ao
amin'ny Kaominina Ambonivohitra
Toamasina

**NY BEN'NY TANÀNAN'NY KAOMININA AMBONIVOHITRA
TOAMASINA**

- Araka ny Lalàmpanorenana ;
- Araka ny Lalàna fehizoro laharana faha 2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fandaminana ary ny fomba fiasan'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ary koa ny fitantanana ny raharahany manokana ;
- Araka ny Lalàna laharana 2017-048 tamin'ny 8 febroary 2018, izay mifehy ny fiarovana ara-pahasalamana ny sakafo sy ny sakafom-biby ;
- Araka ny Lalàna laharana 2017-002 tamin'ny 6 jolay 2017, izay mifehy ny fifamoivoizana eto Madagasikara ;
- Araka ny Lalàna laharana 2015-052 tamin'ny 3 febroary 2016, momba ny fandrindrana ny tanàn-dehibe sy ny trano fonenana ;
- Araka ny Lalàna laharana 2015-014 tamin'ny 10 aogositra 2015, momba ny antoka sy ny fiarovana ny zon'ny mpanjifa ;
- Araka ny Lalàna laharana 2015-003 tamin'ny 19 febroary 2015, izay mametraka ny Sata mifehy ny tontolo iainana, nohavaozina tamin'ny 6 aprily 2015, izay manafonana ny fepetra voalazan'ny



COMMUNE URBAINE DE
TOAMASINA

ARRETE N°168/ 25 /CU/TOA DU 27
août 2025
Portant mise en application du
Code Municipal d'Hygiène de la
Commune Urbaine de Toamasina

LE MAIRE DE LA COMMUNE URBAINE DE TOAMASINA

- Vu la Constitution ;
- Vu la Loi organique n°2014-018 du 12 septembre 2014 régissant les compétences, l'organisation et le fonctionnement des Collectivités Territoriales Décentralisées ainsi que la gestion de leurs propres affaires ;
- Vu la Loi n° 2017-048 du 8 février 2018 régissant la sécurité sanitaire des denrées alimentaires et de l'alimentation animale ;
- Vu la Loi n° 2017-002 du 6 juillet 2017 portant Code de la route à Madagascar ;
- Vu la Loi n°2015-052 du 3 février 2016 relative à l'urbanisme et à l'habitat ;
- Vu la Loi n°2015-014 du 10 août 2015 sur les garanties et la protection des consommateurs ;
- Vu la Loi n° 2015-003 du 19 février 2015 portant Charte de l'environnement, actualisée le 6 avril 2015, abrogeant les dispositions de la Loi n°90.033 du 21 décembre 1990 relative à la Charte de l'Environnement Malagasy, n° 97-012 du 6 juin 1997 et n° 2004-015 du 19 août 2004., et ses modificatifs ;

Lalàna laharana faha-90-033 tamin'ny 21 desambra 1990 momba ny Sata mifehy ny tontolo iainana malagasy, ny Lalàna laharana faha-97-012 tamin'ny 6 jona 1997 ary ny Lalàna laharana faha-2004-015 tamin'ny 19 aogositra 2004, ary ireo fanitsiana manampy azy ;

- Araka ny Lalàna laharana 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 momba ny loharanon-karenan'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny fandaminan-draharaha sy ny andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy, izay nohitsina sy nofenoina tamin'ny Lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, laharana faha-2018-011 tamin'ny 11 Janoary 2018, laharana faha-2021-010 tamin'ny 5 aogositra 2021 ary laharana faha-2023-023 tamin'ny 31 Janoary 2024 ;
- Araka ny Lalàna laharana 2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014, mahakasika ny fisoloantenam-panjakana ;
- Araka ny Lalàna laharana 2011-002 tamin'ny 15 jolay 2011, mametraka ny Fehezan-dalàna mahakasika ny fahasalamam-bahoaka ;
- Araka ny Lalàna laharana 2003-011 tamin'ny 03 septambra 2003 mitondra ny Sata ankapoben'ny mpiasam-panjakana ;
- Araka ny Lalàna laharana 99-021 tamin'ny 19 aogositra 1999, momba ny politika momba ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny fandotoana avy amin'ny indostria ;
- Araka ny Lalàna laharana 98-029 tamin'ny 20 janoary 1999, mametraka ny Fehezan-dalàna momba ny Rano ;
- Araka ny Lalàna laharana 66-003 tamin'ny 2 jolay 1966, mametraka ny foto-kevitra ny adidy ankapobeny ;
- Araka ny Fehezan-dalàna famaizana Malagasy, nasimpanavaozana tamin'ny 28 febroary 2017 ;
- Araka ny Didy hitsivolana laharana faha-62-041 tamin'ny 19 septambra 1962 mifehy ny fepetra ankapobeny momba ny lalàna anatiny sy ny lalàna iraisam-pirenena tsy miankina ;

- Vu la Loi n°2014-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées ainsi qu'à l'organisation et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par les Lois n°2015-008 du 1er avril 2015, n°2018-011 du 11 janvier 2018, n°2021-010 du 5 août 2021 et n°2023-023 du 31 janvier 2024 ;
- Vu la Loi n°2014-021 du 12 septembre 2014 sur la représentation de l'État ;
- Vu la Loi n° 2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la santé ;
- Vu la Loi n°2003-011 du 03 septembre 2003 portant Statut Général des Fonctionnaires ;
- Vu la Loi n°99-021 du 19 août 1999 portant politique de gestion et de contrôle des pollutions d'origine industrielle ;
- Vu la Loi n°98-029 du 20 janvier 1999 portant Code de l'Eau ;
- Vu la Loi n° 66-003 du 2 juillet 1966 relative à la théorie générale des obligations ;
- Vu le Code pénal malagasy mis à jour au 28 février 2017 ;
- Vu l'Ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé ;

- Araka ny Didim-panjakana laharana 2025-080 tamin'ny 28 Janoary 2025, mametraka ny fitsipika sy ny fomba fiasa momba ny Fanombanana ny Tontolo Iainana sy ny Sosialy, ho fampifanarahana ny fampiasam-bola amin'ny Tontolo Iainana (MECIE) ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2015/960 tamin'ny 16 jona 2015, mifehy ny anjara andraikitry ny Lehiben'ny Mpanatanteraka eo anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014, izay mametraka ny fepetra fampiharana ireo andininy sasany ao amin'ny Lalàna laharana 2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014, mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2009-890 tamin'ny 2 jolay 2009, mametraka ny fitsipika momba ny fandaminana, ny fampandehanana ary ny andraikitry ny Fokontany ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2003-945 tamin'ny 9 septambra 2003, momba ny fandaminana ara-pitantanana ny raharaha momba ny rano sy ny famindrana andraikitra eo amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2003-943 tamin'ny 9 septambra 2003, mikasika ny fivoahana, ny fikorianan'ny rano, ny fandatsahana mivantana na ankolaka amin'ny rano ambonin'ny tany ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 96-898 tamin'ny 25 septambra 1996, izay mametraka ny fahefan'ny Ben'ny Tanàna ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 95-291 tamin'ny 18 aprily 1995, mandrindra ny fampidirana any ambalantsazy, izay novaina sy nofenoina tamin'ny Didim-panjakana laharana 96-583 tamin'ny 17 jolay 1997 ;
- Araka ny Didim-pitondrana iraisan'ny ministera laharana faha-29.511/2013 tamin'ny 3 oktobra 2013 ;

- Vu le Décret n°2025-080 du 28 janvier 2025 fixant les règles et procédures de l'évaluation environnementale et sociale pour la Mise en compatibilité des Investissements avec l'Environnement (MECIE) ;
- Vu le Décret n°2015/960 du 16 juin 2015 fixant les attributions du Chef de l'Exécutif des Collectivités Territoriales Décentralisées ;
- Vu le Décret n°2014-1929 du 23 septembre 2014 fixant les modalités d'application de certaines dispositions de la Loi n°2014-021 du 12 septembre 2014 relative à la représentation de l'Etat ;
- Vu le Décret n°2009-890 du 2 juillet 2009 fixant les règles relatives à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions des Fokontany ;
- Vu le Décret n°2003-945 du 09 septembre 2003 relatif à l'organisation administrative de l'Eau et au transfert de compétences entre les Collectivités Territoriales Décentralisées ;
- Vu le Décret n°2003-943 du 09 septembre 2003 relatif aux déversements, écoulements, rejets ou dépôts directs ou indirects dans les eaux superficielles ;
- Vu le Décret n°96-898 du 25 septembre 1996 fixant les attributions du Maire ;
- Vu le Décret n°95-291 du 18 avril 1995, modifié par le Décret n°96-583 du 17 juillet 1997, portant organisation de la fourrière ;
- Vu l'Arrêté interministériel n° 29.511/2013 du 3 octobre 2013 ;

- Araka ny Didim-pitondrana monisipaly laharana 168/25/CU/TOA tamin'ny 27 aogositra 2025 ;
- Araka ny Didim-pitondrana iraisan'ny ministera laharana faha 24.657/2004, mikasika ny fanaraha-maso ny fahadiovana sy ny kalitaon'ny vokatry ary ny sakafo avy amin'ny biby any amin'ny Kaominina ;
- Araka ny Didim-pitondrana laharana 8333/2001 tamin'ny 30 jolay 2001, mahakasika ny fandaminana ny fepetra momba ny fahadiovana izay mihatra amin'ny toeram-pikarakarana, fanodinana, famonosana, fitehirizana na fizarana ny sakafo avy amin'ny biby ho an'ny tsena anatin'ny ;
- Araka ny Didim-pitondrana laharana 1238-SAN tamin'ny 16 jolay 1960, izay mametraka ny fepetra fiasan'ny sampan-draharahan'ny Polisy misahana ny Fidiovana eny amin'ireo Kaominina ;
- Araka ny Didim-pitondrana laharana faha 001 tamin'ny 22 janoary 2025, mahakasika ny fanambarana ofisialy ny voka-pifidianana ny Ben'ny Tanàna sy ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Monisipaly natao ny 11 desambra 2024 ;
- Araka ny Fanapahan-kevitra laharana 25/25/CU/PCM/TOA tamin'ny 13 jona 2025, izay manaiky ny Fehezan-dalàna momba ny Fahadiovana ho an'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina ;
- Araka ny filàn'ny sampan-draharaha.

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA :

- Vu l'Arrêté municipal n° 168/25/CU/TOA du 27 août 2025 ;
- Vu l'Arrêté interministériel n° 24.657/2004 relatif au contrôle de la salubrité et de la qualité des produits et denrées alimentaires d'origine animale dans les Communes ;
- Vu l'Arrêté n° 8333/2001 du 30 juillet 2001 portant réglementation des conditions d'hygiène applicables aux établissements de préparation, transformation, conditionnement, entreposage ou distribution des denrées alimentaires d'origine animale destinées au marché local ;
- Vu l'Arrêté n°1238-SAN du 16 juillet 1960 fixant les conditions de fonctionnement du service de Police Sanitaire Générale dans les Communes ;
- Vu le jugement n° 001 du Tribunal administratif de Toamasina en date du 22 janvier 2025 portant proclamation officielle des résultats des élections des Maires et des membres des Conseils du 11 décembre 2024 ;
- Vu la Délibération n° 25/25/CU/PCM/TOA du 13 juin 2025 portant approbation du Code Municipal d'Hygiène de la Commune Urbaine de Toamasina ;
- Vu la nécessité de service.

ARRETE :

BOKY SAVARANONANDO : IREO RAFITRA SY SAMPAN-DRAHARAHA MONISIPALY MIANDRAIKITRA NY FIDIOVANA

LOHATENY 1 : Ireo fepetra ankapobeny

Andininy voalohany.- Araka ny hevitr'ity didim-pitondrana ity, ireo voambolana sy fiteny ampiasaina etsy ambany dia manana ny heviny toy izao manaraka izao :

Fahadiovana : araka ny voalazan'ny andininy faha-19 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Rano, dia “ny fepetra rehetra natao hanesorana ny antony mahatonga ny fahalotoana sy ny tsy fahadiovana, mba hiarovana ny famatsian-drano, ny filaminan'ny manodidina, ny fahasalamana sy ny fiarovana ny mponina, ny fanadiovana iombonana, ny fambolena, ny fiarovana ny natiora sy ny tontolo iainana, ary ny fitandrovana ireo toerana sy ny vakoka”. Ny fanadiovana an-tanàn-dehibe, araka io Fehezan-dalàna io ihany, dia mikendry “ny fanaraha-maso ny fivoahan'ny ranonorana sy ny rano maloto ary ny fandefasana azy ireo any amin'ny lakan-drano voajanahary mifanaraka amin'ny filan'ny fahasalamam-bahoaka”.

Ny rafitra mpanara-maso ny tolotra iombonana amin'ny famatsiana rano fisotro madio dia mety hotendrena ho tompon'andraikitra amin'ny fanaraha-maso ny fanadiovana iombonana ny rano maloto avy amin'ny tokantrano.

Fahadiovana an-tanàn-dehibe: asa rehetra mikasika ny fanangonana, fanodinana ary famoahana ny rano maloto sy ny ranonorana (fanangonana mialoha, fitaterana, fikarakarana na fanariana, ary fanesorana ireo fako an-tokantrano sy ireo mitovitovy aminy), ny fanodinana ny fotaka avy amin'ny famoahana ireo maloto rehetra (fotaka maloto), ary koa ny fitantanana ny loto avy amin'ny orinasa mpanodina.

LIVRE PRÉLIMINAIRE : DES ORGANES ET SERVICES MUNICIPAUX EN CHARGE D'HYGIENE

TITRE 1 : Des dispositions générales

Article premier.- Au sens du présent code, les termes et expressions ci-après ont la signification suivante :

Assainissement : selon les dispositions de l'article 19 du Code de l'eau, « toute mesure destinée à faire disparaître les causes d'insalubrité de manière à satisfaire, à la protection de la ressource en eau, la commodité du voisinage, la santé et la sécurité des populations, la salubrité publique, l'agriculture, à la protection de la nature et de l'environnement, à la conservation des sites et des monuments ». L'assainissement des agglomérations, selon ledit Code, « a pour objet d'assurer l'évacuation des eaux pluviales et usées ainsi que leur rejet dans les exutoires naturels sous des modes compatibles avec les exigences de la santé publique ».

L'Organisme Régulateur du service public de l'alimentation en eau potable peut être chargé de réguler l'assainissement collectif des eaux usées domestiques.

Assainissement urbain : désigne l'ensemble des opérations d'évacuation, de traitement et de rejet des eaux usées domestiques et pluviales (pré-collecte, collecte, ramassage, traitement ou valorisation, et élimination des déchets ménagers et assimilés), du traitement et du rejet des boues de vidange ainsi que de la gestion de la pollution industrielle.

Fahadiovana iombonana ho an'ny be sy ny maro : fitantanana iombonana ny rano maloto avy amin'ny tokantrano, ny fako avy amin'ny trano fivoahana sy fivalanana, ary ny ranonorana, izay tantanan'ny Fanjakana na ny Kaominina tompon'andraikitra.

Fahadiovan'ny tsirairay : fitantanana ao an-tokantrano ny rano maloto, ny ranonorana, ny fako avy amin'ny trano fivoahana sy fivalanana, ary ny fotaka avy amin'ny famoahana ireo maloto rehetra, izay fehezin'ny mpampiasa ao anatin'ny faritra misy azy.

Fotaka avy amin'ny famoahana ireo maloto rehetra : loto mifangaro amin'ny ranon-javatra sy zavatra mivaingana vokatry ny fanadiovana lavapiringa, trano fivoahana, lavaka tatatra na dobo fanadiovana. Izy ireo dia ahitana rano maloto mivangongo, akora organika ary indraindray fako mivaingana.

Fako : araka ny andininy faha-14 ao amin'ny Lalàna mifehy ny rano, ny fako dia “ireo sisa tavela avy amin'ny asa famokarana, fanodinana na fampiasana, na akora, fitaovana, vokatry, na entana amin'ny ankapobeny, izay kasain'ny tompony hariana”.

Fako ranon-javatra : rano maloto avy amin'ny tokantrano, ny orinasa mpanodina na ny fambolena, izay ahitana rano maloto, fotaka, menaka efa nampiasaina ary ranon-javatra hafa mety hanimba ny tany na ny rano ambonin'ny tany sy anaty tany. Misy sokajy roa izany: ny rano maloto avy amin'ny tokantrano sy ny rano maloto avy amin'ny orinasa mpanodina (vokatry ny fizotran'ny famokarana).

Assainissement collectif : désigne la gestion collective des eaux usées, des excréta et des eaux pluviales, assurée par l'État ou ses démembrements, en l'occurrence la Commune concernée.

Assainissement individuel : désigne la gestion domiciliaire des eaux usées domestiques, des eaux pluviales, des excréta et des boues de vidange par l'utilisateur à l'intérieur de sa concession.

Boues de vidange : désignent les résidus solides et liquides issus de la vidange des fosses septiques, latrines, puisards ou bassins d'épuration. Elles contiennent des eaux usées concentrées, des matières organiques et parfois des déchets solides.

Déchets : selon les dispositions de l'article 14 du Code de l'eau, « tout résidu d'un processus de production, de transformation ou d'utilisation, toute substance, matériau, produit ou plus généralement tout bien meuble abandonné ou que son détenteur destine à l'abandon »

Déchets liquides : désignent les effluents d'origine domestique, industrielle ou agricole comprenant les eaux usées, les boues, les huiles usagées et autres rejets liquides susceptibles de polluer les sols ou les eaux de surface et souterraines. On distingue les eaux usées domestiques (issues des ménages : cuisine, toilette, lavage) et les eaux usées industrielles (issues des procédés de production).

.

Fako rehetra avy amin'ny orinasa mpanodina sy mampidi-doza

: fako rehetra avy amin'ny asa fanodinana, asa tanana, fitrandrahana na fambolena, izay ahitana akora mampidi-doza, mipoaka, mandoro, manimba na mandoto, ka mety hanimba ny fahasalamam-bahoaka, ny filaminam-bahoaka ary ny tontolo iainana.

Fako mivaingana : ireo fako sisa tavela avy any an-tokantrano, avy amin'ny asa fivarotana, avy amin'ny orinasa mpanodina na andrim-panjakana, izay tsy ranon-javatra na etona. Anisan'izany ny fako an-tokantrano, plastika, taratasy, baoritra, vy, vera, fako maitso ary korontam-bato.

Fako voatokana : ireo fako mety hampidi-doza noho ny poizina, ny fahamaizan-tena, ny fanimbana, ny fihetsiketsehana simika na ny fandotoana. Anisan'ny karazana fako voatokana ireto :

- Fitaovana elektronika sy elektrika (solosaina, finday, milina fampiasa ao an-tokantrano, takamoha, vatoaratra azo ariana,sns) ;
- Fitaovana ara-pahasalamana sy kojakoja amin'ny trano fidiovana (trano fivoahana,...) ;
- Fako avy amin'ny zaridaina (sampan-kazo na tapa-kazo) ;
- Fitaovana isan-karazany ao an-trano (latabatra, seza na kojakoja hafa) ;
- Fatim-biby izay tsy maintsy ampahafantarina ny BMH ary ariana amin'ny alalan'ny fandorana (incinération) ;
- Fiarakodia simba sy sisan'ny fiara simba.

Fanariana : midika ny fidiran'ny ventin-javatra, ranon-javatra na etona ao amin'ny rano ambonin'ny tany, anaty tany na an-dranomasina, an-tsitrapo na tsy nahy, izay mety hiteraka fahalotoana. Tafiditra amin'izany ny fanariana rano maloto, ny fiparitahan'ny vokatry simika, ary ny fanariana avy amin'ny orinasa mpanodina tsy

Déchets industriels et dangereux : désignent tous les déchets provenant d'activités industrielles, artisanales, minières ou agricoles contenant des substances toxiques, explosives, corrosives, inflammables ou polluantes, susceptibles de porter atteinte à la santé humaine, à la sécurité publique ou à l'environnement.

Déchets solides : désignent tout résidu d'activité domestique, commerciale, industrielle ou institutionnelle qui n'est ni liquide ni gazeux. Ils comprennent notamment les ordures ménagères, plastiques, papiers, cartons, métaux, verres, déchets verts et gravats.

Déchets spéciaux : ce sont des déchets pouvant présenter un danger en raison de leur toxicité, de leur inflammabilité, de leur caractère corrosif, de leurs réactions chimiques ou de leur pouvoir polluant. Relèvent de la catégorie des déchets spécifiques :

- Les équipements électriques et électroniques (ordinateurs, téléphones, tablettes, appareils électroménagers, ampoules, piles usagées, etc) ;
- Les équipements sanitaires et éléments liés aux installations sanitaires (toilettes, lavabos) ;
- Les déchets issus du jardinage (branches ou morceaux de bois) ;
- Les équipements et mobiliers domestiques divers (tables, chaises ou autres objets) ;
- Les carcasses ou cadavres d'animaux domestiques, qui doivent obligatoirement être déclarés au BMH et éliminés par incinération ;
- Les véhicules hors d'usage et les épaves automobiles.

Déversements : désignent toute introduction directe ou indirecte de substances solides, liquides ou gazeuses dans les eaux de surface, souterraines ou maritimes, volontaire ou accidentelle,

mifanaraka amin'ny fenitra (araka ny andininy faha-3 sy faha-36 ao amin'ny Lalàna mifehy ny rano).

Rano avy amin'ny tokantrano : sokajy amin'ny rano maloto vokarin'ny tokantrano.

Rano avy amin'ny orinasa mpanodina : ny ranon-javatra vokarin'ny asa fanodinana, asa tanana na asa fivarotana.

Ranonorana : rano avy amin'ny orana sy ny riaka.

Rano fisotro madio : araka ny andininy faha-38 ao amin'ny Lalàna mifehy ny rano, dia “rano azon'ny olona sotroina ka na amin'ny alalan'ny fanadiovana na amin'ny toetra voajanahary, dia mahafeno ny fepetra ara-tsakafo, ara-bakteriôlôjika ary ara-biôlôjika, araka ny fitsipika mivoaka amin'ny didim- panjakana”.

Rano maloto : rano ariana rehefa avy nampiasaina, izay mety ahitana loto ara-bakteria, ara-tsimia na hita maso mivaingana.

Fako avy amin'ny trano fivoahana sy fivalanana : ny maloto mivoaka amin'ny vatan'ny olombelona amin'ny endrika ranon-javatra sy mivaingana (amany sy fivalanana).

Fidiovana : fitambaran'ny fitsipika, fanao ary fepetra natao hiarovana ny fahasalaman'ny olona, hisorohana ny aretina ary hitazonana ny fahadiovan'ny tena, ny toeram-ponenana, ny toerana iombonana ary ny tontolo iainana.

Tondradrano : fiparitahan'ny ranonorana, ny riaka, ny renirano, ny farihy na ny ranomasina, izay mandrakotra vetivety ny tany sy ny fananana ary mety hiteraka fahavoazana ho an'ny olona, ny fotodrafitrasa na ny tontolo iainana (araka ny andininy faha-2 sy faha-3 ao amin'ny Lalàna mifehy ny rano).

susceptible d'entraîner une pollution. Cela inclut les rejets d'eaux usées, les fuites accidentelles de produits chimiques et tout déversement industriel non conforme. (Selon les dispositions des articles 3 et 36 du Code de l'eau).

Eaux domestiques : désignent les sous-catégories d'eaux usées produites par les ménages.

Eau industrielle : désignent les effluents liquides provenant des activités industrielles, artisanales ou commerciales.

Eaux pluviales : désignent les eaux issues des précipitations (pluie, ruissellement).

Eau potable : selon les dispositions de l'article 38 du Code de l'eau, « une eau destinée à la consommation humaine qui, par traitement ou naturellement, répond à des normes organoleptiques, physico-chimiques, bactériologiques et biologiques fixées par décret ».

Eaux usées : désignent les eaux rejetées après usage, pouvant contenir des polluants biologiques, chimiques ou physiques.

Excréta : désignent les excréctions humaines solides et liquides issus du corps (urines, selles, matières fécales).

Hygiène : ensemble des règles, pratiques et mesures visant à préserver la santé humaine, à prévenir les maladies et à maintenir la propreté du corps, des lieux de vie, des espaces publics et de l'environnement.

Inondation : désigne le débordement exceptionnel ou prolongé des eaux de pluie, de ruissellement, de rivières, de lacs ou de la mer, entraînant une submersion temporaire des sols et des biens et pouvant causer des dommages aux personnes, aux infrastructures ou à l'environnement. (Selon les dispositions des articles 2 et 3 du Code de l'eau).

Tompon-draharaha : manondro ny manam-pahefana tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny tolotra ho an'ny daholobe momba ny rano sy ny fanadiovana ao anatin'ny faritra iray voafaritra. Ny Kaominina ambanivohitra sy an-tanàn-dehibe no tompon'andraikitra amin'ny rafitra famatsiana rano fisotro madio sy ny rafitra fanadiovana ny rano maloto avy any an-tokantrano ao amin'ny faritra misy azy tsirairay avy. Ireo andraikitra ireo dia tanterahiny amin'ny alalan'ny Filankevitry ny Kaominina.

Fitsipika “mpandoto manonitra”: araka ny voalazan'ny andininy faha-10 ao amin'ny Dinan'ny tontolo iainana nohavaozina, dia “ny vola lany amin'ny fepetra fisorohana, ny fampihenana ny fandotoana, ny ady amin'izany ary ny fanonerana azy dia tokony haloan'ny mpandoto”.

Fandotoana : araka ny Lalàna laharana 98-029 tamin'ny 20 janoary 1999 momba ny Lalàna mifehy ny rano, dia “fandrarahana, fanariana na fametrahana mivantana na ankolaka ireo akora isan-karazany, ary amin'ny ankapobeny ny tranga rehetra mety hiteraka na hampitombo ny fahaloton'ny rano, amin'ny fiovan'ny toetrany ara-tsimia, ara-biôlôjika, ara-bakteriôlôjika na ara-radioaktifa, na amin'ny rano ambonin'ny tany na anaty tany”.

Akora mandoto : akora na anton-javatra mety hanimba ny tontolo iainana ka tsy hahafahana mampiasa azy amin'ny fomba tokony ho izy intsony.

Andininy faha-2.- Ity Didim-pitondrana ity no mametraka ny Fehezan-dalàna misahana ny Fahadiovana ho an'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina. Ny tanjony dia ny hamaritana ireo fepetra ara-dalàna momba ny fisorohana, ny famerenana amin'ny laoniny ny fahasalamam-bahoaka ary ny fanadiovana an-tanàn-dehibe, mifanaraka amin'ny zava-misy ankehitriny amin'ny fiainana andavanandron'ny mponina ao amin'ny Kaominina.

Maitre d'ouvrage : désigne l'autorité publique responsable, vis-à-vis des usagers, du service public de l'eau et de l'assainissement sur une aire géographique donnée. Les Communes Rurales et Urbaines sont maîtresses d'ouvrage des systèmes d'approvisionnement en eau potable et d'assainissement collectif des eaux usées domestiques situés sur leur territoire respectif. Elles exercent ces attributions par l'intermédiaire du conseil municipal.

Principe de pollueur payeur : selon les dispositions de l'article 10 de la Charte de l'environnement malagasy actualisée, « les frais résultants des mesures de prévention, de réduction de la pollution, de lutte et de compensation contre celle-ci doivent être supportés par le pollueur ».

Pollution : selon les dispositions de la Loi 98-029 du 20 janvier 1999 portant Code de l'eau, « tous déversements, écoulements, rejets, dépôts directs ou indirects de matières de toute nature et plus généralement tout fait susceptible de provoquer ou d'accroître la dégradation des eaux, en modifiant leurs caractéristiques physiques, chimiques, biologiques, bactériologiques ou radioactives, qu'il s'agisse d'eaux de surface ou souterraines ».

Polluant : désigne toute substance ou toute cause susceptible d'altérer le milieu ambiant de telle sorte qu'il ne puisse plus convenir aux utilisations auxquelles il est normalement destiné.

Article 2.- Le présent code constitue le Code Municipal d'Hygiène pour la Commune Urbaine de Toamasina. Il a pour objet de déterminer la réglementation de la prévention, du rétablissement de la salubrité publique et de l'assainissement urbain, suivant la situation actuelle de la vie quotidienne des habitants de la ville dans le territoire de ladite Commune.

LOHATENY 2 : Ireo rafitra monisipaly misahana ny fidiovana

Toko voalohany : Ireo fahefana manandrify ny Ben'ny Tanàna momba ny fidioavana

Andininy faha-3.- Araka ny fepetra voarakitra ao amin'ny andininy faha-20 ao amin'ny Didim- panjakana laharana 2015-960 tamin'ny 16 jona 2015, dia “ny Ben'ny Tanàna no tompon'andraikitra voalohany amin'ny filaminam-bahoaka, ny fahadiovana, ny fiarovana ary ny fahamendrehana ara- pitondran-tena eo anivon'ny Kaominina tantanany”.

Amin'ny fanatanterahana ny fahefany sy ao anatin'ny fanajana ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery, ny Ben'ny Tanàna dia afaka, araka ny tolo-kevitra ny Fokontany ary rehefa avy nangataka hevitra tamin'ny Filan-kevitra Monisipaly, mandray didim-pitondrana monisipaly ilaina amin'ny fampiharana ity Fehezan-dalàna ity sy ho fiarovana ny fahasalaman'ny be sy ny maro ao anatin'ny faritra iadidian'ny Kaominina.

Araka izany, mba ho fanamafisana ny filaminam-bahoaka, ny fiarovana ny olona ary ny fahadiovana iombonana, dia manan-jo ny Ben'ny Tanàna handray fepetra mifanaraka amin'ny fitandroana ny filaminana, amin'ireto sehatra manaraka ireto :

1. Fiarovana sy fahafahan'ny olona mivezivezy eny amin'ny arabe, ny tokotany, ny kianja ary ny lalam-bahoaka, anisan'izany ny fandrinrana ny varotra an-dalambe, ny fivorivorianana na ny hetsika rehetra mety hanakana ny fifamoivoizana ;
2. Famoretana atao amin'ny fanohintohinana ny -bahoaka toy ny ady, ny fifandirana, ny korontana na ny fivoriana amin'ny alina ;
3. Fitandroana ny filaminana mandritra ny tsenabe, ny lanonana na fety sy ny fampisehoana ampahibemaso, ary amin'ny toerana fivoriana rehetra ;

TITRE 2 : Des organes municipaux en charge d'hygiène

Chapitre 1 : Les compétences du Maire en matière d'hygiène

Article 3.- Selon les dispositions de l'article 20 du Décret n°2015-960 du 16 juin 2015, « le Maire est le premier responsable de la sûreté, de la tranquillité, de la salubrité ainsi que de la protection de la moralité publique au niveau de sa Commune ».

Dans l'exercice de ses attributions et dans le respect des lois et règlements en vigueur, le Maire peut, sur proposition des Fokontany et après avis du Conseil Municipal, prendre des arrêtés municipaux nécessaires à l'application du présent Code et à la protection de la santé publique dans les limites du territoire communal.

Ainsi, en vue d'assurer le bon ordre, la sûreté, la sécurité de proximité et la salubrité publique, le Maire est habilité à prendre des mesures de police notamment dans les domaines suivants :

1. La sûreté et la commodité du passage dans les rues, quais, places et voies publiques notamment la réglementation du commerce ambulant, des attroupements et toutes les activités de nature à entraver la circulation ;
2. La répression des atteintes à la tranquillité publique telles que les rixes, disputes, émeutes, ou rassemblements nocturnes ;
3. Le maintien de l'ordre dans les foires, marchés, réjouissances et cérémonies publiques, spectacles et autres lieux publics ;

4. Fanamarinana ny taratasy ara-dalàna ho an'ny milina fandanjana sy fandrefesana mifanaraka amin'ny fenitra, ary ny fanaraha-maso ny fahadiovan'ny sakafo amidy eny an-tseny ;
5. Fepetra fanaraha-maso sy fitsirihana ny famonoana biby hoanina, ny toerana ivarotana sy ny fitaterana hena (araka ny didim-pitondrana iraisan'ny minisitera laharana 24-657/2004 momba ny fahadiovana sy ny kalitaon'ny vokatra ara-tsakafo avy amin'ny biby) ;
6. Fepetra raisina manoloana ireo olona mirenireny sy ireo marary saina izay mety hanohintohina ny filaminam-bahoaka, ny fiarovana ny olona sy ny fananany, ary fikarohana ny havany na, raha tsy izany, fanaovana tatitra sy fanolorana ireo olona voakasika any amin'ny manam-pahefana ara-pahasalamana mahefa;
7. Fizarana fanampiana amin'ireo tra-doza sy ireo tra-boina ;
8. Fiarovana ny mponina amin'ny fiparitahan'ireo biby mampidi-doza, indrindra amin'ny famongorana ireo alika mirenireny ary ny fanatanterahana fepetra famongorana voalavo, sns.

Toko faha-2 : Ny filan-kevitra monisipaly momba ny fidiovana

Andininy faha-4.- Araka ny andininy faha-212 sy faha-234 ao amin'ny Lalàna laharana 2014-020 tamin'ny 27 Septambra 2014, dia voalaza fa “an'ny Filan-kevitra Monisipaly ny raharaha rehetra mikasika ny Kaominina”. Araka izany, ny Filan-kevitra Monisipaly dia manatanteraka indrindra ireto andraikitra manaraka ireto :

1. Mamaritra ny sarany aloa ho takalon'ny tolotra omen'ny Kaominina ;
2. Mamaritra ny saram-panangonana fako, ny fanodinana fako ary ny saram-panariana rano maloto isan-taona ;
3. Mijery ary mampahafantatra ireo tranga tsy fahadiovana na loza ara-pahasalamana araka ny tatitra avy amin'ny Birao

4. La vérification du certificat de conformité des matériels de pesage et de mesures aux normes requises et l'inspection sur la salubrité des comestibles exposés en vente ;
5. Les mesures d'inspection et de contrôle de l'abattage, des lieux de ventes et du transport de la viande (arrêté interministériel n°24-657/2004 relatif à la salubrité et de la qualité des produits et denrées alimentaires d'origine animale) ;
6. Les mesures contre les vagabonds et aliénés dont l'état pourrait compromettre la morale publique, la sécurité des personnes ou la conservation des propriétés et notamment la recherche des proches ou à défaut signaler et orienter les personnes concernées vers les autorités sanitaires compétentes. ;
7. La distribution des secours nécessaires en cas d'accidents et de fléaux calamiteux ;
8. La protection de la population contre la divagation d'animaux dangereux notamment par l'élimination des chiens errants et la mise en œuvre de mesures de dératisation, etc.

Chapitre 2 : Des attributions du conseil municipal en matière d'hygiène

Article 4.- Selon les dispositions des articles 212 et 234 de la Loi n°2014-020 du 27 Septembre 2014, « relèvent de la compétence du Conseil municipal les affaires de la Commune ». À ce titre, le Conseil municipal exerce notamment les attributions suivantes :

1. Fixer les redevances à percevoir à l'occasion des services rendus par la Commune ;
2. Fixer le montant annuel de la redevance de collecte, de traitement des déchets et d'évacuation des eaux usées ;
3. Constater et signaler les situations d'insalubrité ou les risques sanitaires relevés à la suite des rapports du Bureau Municipal d'Hygiène ou du Comité Municipal d'Hygiène ;

Monisipaly misahana ny Fidiovana na ny Komity Monisipaly misahana ny Fidiovana ;

4. Mandidy ny fanatanterahana ireo asa fanadiovana sy fanatsarana rehefa hita fa mihoatra ny tokony ho izy ny tahan'ny fahafatesana ao amin'ny Kaominina ;
5. Mametraka sampan-draharaha na rafitra misahana ny fitantanana ny fanangonana fako ary manome fankatoavana ireo fifanarahana famindrana asa aman-draharam-panjakana ;
6. Mamorona ivon-toerana fanodinana sy famotehana fako, ary foibe fitehirizana izany ;
7. Mamaritra ny saran'ny fitsidihana sy ny fanaraha-maso rehefa angatahan'ny olona na fikambanan izany.

Andininy faha-5.- Ho fampiharana ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-14 sy faha-15 ao amin'ny Lalàna laharana faha-2014-020 ary araka ny fenitra momba ny fitantanana-draharaha malalaka voalaza ao amin'ny andininy faha-144 ao amin'ny Lalàm-panorenana. Ny Filan-kevitra no mandray fanapahan-kevitra amin'ireto sehatra manaraka ireto:

1. Mifampidinika mikasika ny tetibola sy ny tatitra ara-bola izay arosen'ny tompon'andraikitra voalohany ao amin'ny Birao mpanatanteraka isan-taona ;
2. Ny fananganana sampan-draharaha, rafitra sy ivon-toerana ifotony; ary ireo rafi-draharaha modely azo hampiharina isa-tsokajy sy isak'ambaratongan'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
3. Ny fahazoana, famindrana ary fametrahana antoka amin'ny fananan'ny Vondrom-bahoakam-paritra; ny fametrahana na fanafoanana ny haba amin'ny tany sy trano; fiantohana ireo fananana mifaka sy tsy mifaka isam-paritany, isam-paritra

4. Ordonner l'exécution de travaux d'assainissement et d'amélioration lorsque le taux de mortalité constaté dans la Commune dépasse la moyenne ;
5. Instituer un service ou une régie chargée de la gestion de la collecte des déchets et approuver les contrats de délégation de service public ;
6. Créer des unités de valorisation, de traitement ou d'élimination des déchets ainsi que des centres de stockage ;
7. Déterminer les droits de visite et de contrôle lorsque ceux-ci sont effectués à la demande des personnes physiques ou morales.

Article 5.- En application des dispositions des articles 14 et 15 de la Loi n° 2014-020 et du principe de libre administration défini à l'article 144 de la Constitution, le Conseil délibère notamment dans les domaines suivants :

1. Il délibère sur le budget et le compte administratif qui lui sont annuellement présentés par le Premier responsable du Bureau exécutif ;
2. La création de services, d'organismes et d'établissements locaux ; les organigrammes types applicables par catégorie et par niveau de Collectivité Territoriale Décentralisée ;
3. L'acquisition, l'aliénation et le nantissement des biens de la Collectivité, la constitution et la suppression de droits immobiliers ; l'assurance des mobiliers et immobiliers provinciaux, régionaux ou locaux, les conditions de baux à terme ou à loyer ; ainsi que le partage des biens que la Collectivité possède par indivis avec d'autres propriétaires ;

ary eo an-toerana ; ny fepetra mikasika ny fifanaraham-panofana voafaritra na misy hofan-trano; ary koa ny fizarana ireo fananan'ny Vondrom-bahoakam-paritra iombonany amin'ny olon-kafa;

4. Ireo findramam-bola ;
5. Ny tetikasa fanorenana na fanarenana, ary koa fanamboarana goavana sy fandravana ireo trano an'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
6. Ny fanokafana sy fanamboarana ireo lalana sy arabe isankarazany izay eo ambany andraikiny araka ny didy aman-dalàna manan-kery, ary koa ny drafitra fanitsiana mifanaraka amin'izany;
7. Ny fanekena handray fanomezana sy tolotra;
8. Ny fanafoanana ny fanoratana tany natao antoka ho an'ny tombontsoan'ny Vondrom-bahoakam-paritra sy ny fialana amin'ireo fombafomba momba ny antoka ;
9. Ny fanekena hiombona antoka ;
10. Ny famaritana, raha misy, ireo fombafomba amin'ny fandraisan'anjaran'ny Vondrom-bahoakam-paritra amin'ny lahasa iaraha-manao amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana hafa ;
11. Ny fanomezana alalana na fanofana ireo tolotra ho an'ny daholobe natsangan'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana tenany;
12. Ny fandaminana ny fandraisan'anjaran'ny Vondrom-bahoakam-paritra amin'ny fiarovana-tena sy amin'ny fandriampahalemana eo amin'ny faritra misy azy ;
13. Ny fanapahan-kevitra hanangana na hanohana fitoriana eny amin'ny fitsarana amin'ny anaran'ny Vondrom-bahoakam-paritra ;
14. Ireo dinan'asa ;

4. Les emprunts ;
5. Les projets de construction ou de reconstruction, ainsi que les grosses réparations et démolitions d'immeubles des Collectivités Territoriales Décentralisées ;
6. L'ouverture et la modification des voies et réseaux divers relevant de ses responsabilités au regard des lois et règlements en vigueur, ainsi que leurs plans d'alignement ;
7. L'acceptation des dons et legs ;
8. La radiation des inscriptions hypothécaires prises au profit de la Collectivité et le désistement des formalités de purge des hypothèques ;
9. Les engagements de garantie ;
10. La détermination, le cas échéant, des modalités de la participation de sa Collectivité aux travaux entrepris en commun avec d'autres Collectivités Territoriales Décentralisées ;
11. La concession ou l'affermage des services publics créés par la Collectivité elle-même ;
12. L'organisation de la participation de sa Collectivité à la défense et à la sécurité du territoire ;
13. La décision d'intenter ou de soutenir des actions en justice au nom de sa Collectivité ;
14. Les « dinan'asa » ;

15. Ny famaritana ny tahan'ny fandoavana sy haba manokana isan-karazany ;
16. Ny fidirana amin'ny fikambanana na fiombonana iraisan'ny Vondrom-bahoakam-paritra eto an-toerana, ary koa ny fiaraha-miasa amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra avy any ivelany.

Toko faha-3 : Ny komity monisipaly misahana ny fidiovana

Andininy faha-6.- Araka ny voalazan'ny Lalàna laharana 2011-002 ao amin'ny Fehezan-dalàna mifehy ny fahasalamam-bahoaka, dia “ny Komity Monisipaly misahana ny Fidiovana ao amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina dia ahitana” :

- Ny Ben'ny Tanàna na ny lefiny, Filoha ;
- Ny Filohan'ny Filan-kevitra Monisipaly na ny solontenany ;
- Ny Sekretera Jeneralin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina;
- Ny Talen'ny Jiro, ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fahadiovana ;
- Ny Talen'ny Fandrindrana ny Tanàn-dehibe sy ny Fitantanana ny tanim-panjakana tsy azo amidy ;
- Ny Talen'ny Filaminana sy ny Fandriampahalemana ;
- Ny Tale Teknika ;
- Ny Talen'ny Tontolo Iainana ;
- Ny Lehiben'ny Dokotera ao amin'ny Birao Monisipaly misahana ny Fidiovana (BMH) ;
- Ny Solontenan'ny Faritra Atsinanana ;
- Ny Solontenan'ny Prefektioran'i Toamasina ;
- Ny Solontenan'ny Fitaleavam-paritry ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana ao amin'ny Faritra Atsinanana (DREAH) ;

15. La fixation du taux des prélèvements et taxes spécifiques divers;
16. L'adhésion à toute association ou organisme inter Collectivités ainsi que la participation à la coopération décentralisée.

Chapitre 3 : Du comité municipal en matière d'hygiène

Article 6.- Selon les dispositions de la Loi n°2011-002 portant Code de la santé, « le Comité Municipal d'Hygiène de la Commune Urbaine de Toamasina est composé de » :

- Le Maire ou son Adjoint, Président ;
- Le Président du Conseil Municipal ou son Représentant ;
- Le Secrétaire Général de la Commune Urbaine de Toamasina ;
- Le Directeur de l'Electricité, Eau, Assainissement et d'Hygiène ;
- Le Directeur de l'Aménagement Urbain et Gestion du Domaine Public ;
- Le Directeur de la Sureté et de la Sécurité ;
- Le Directeur Technique ;
- Le Directeur de l'Environnement ;
- Le Médecin Chef du Bureau Municipal d'Hygiène ;
- Un Représentant de la Région Antsinanana ;
- Un Représentant de la Préfecture de Toamasina ;
- Un Représentant de la Direction Régionale de l'Eau, l'Assainissement et l'Hygiène Antsinanana (DREAH) ;

- Ny Solontenan'ny Fitaleavam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra ao amin'ny Faritra Atsinanana (DREDD) ;
- Ny Solontenan'ny Fitaleavam-paritry ny Fiompiana ;
- Ny Solontenan'ny Fitaleavam-paritry ny Fahasalamana ao amin'ny Faritra Atsinanana (DRS) ;
- Ny Solontenan'ny Fitaleavam-paritry ny Indostria sy ny Varotra (DIC) ;
- Ny Solontenan'ny Sehatra Fifampidinihana eo anivon'ny Rafitra Ifotony (SLC).

Andininy faha-7.- Ny Komity Monisipaly misahana ny Fidiovana dia tsy maintsy mivory farafahakeliny indray mandeha isaky ny telo volana, araka ny andro voatendrin'ny Filoha, ary afaka miantso fivoriana manokana isaky ny ilaina izany, eo anelanelan'ny fivoriana ara-potoana.

Andininy faha-8.- Ny Komity Monisipaly misahana ny Fidiovana dia tsy maintsy angatahana hevitra mikasika ireo fehezan-dalàna monisipaly mifehy ny fidiovana ao amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina. Tsy maintsy angatahana ihany koa ny heviny amin'ny olana rehetra mikasika ny fahasalamam-bahoaka.

Noho izany, ny Komity Monisipaly misahana ny Fidiovana dia afaka manome hevitra sy soso-kevitra ho an'ny Ben'ny Tanàna ho fiarovana ny fahasalamam-bahoaka sy ny fahadiovana ho an'ny daholobe eo anivon'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.

- Un Représentant de la Direction Régionale de l'Environnement et du Développement Durable Antsinanana (DREDD)
- Un Représentant du Directeur Régional de l'élevage
- Un Représentant de la Direction Régionale de la Santé Antsinanana (DRS)
- Un Représentant de la Direction Régionale de l'Industrialisation et du Commerce (DIC)
- Un Représentant de la Structure Local de Concertation (SLC)

Article 7.- Le Comité municipal d'hygiène se réunit obligatoirement au moins une fois par trimestre, à la date fixée par le président et à tout moment, lorsque les circonstances l'exigent dans l'intervalle des réunions périodiques.

Article 8.- Le Comité municipal d'hygiène est obligatoirement consulté sur tous les règlements municipaux intéressant l'hygiène et l'assainissement de la Commune. Son avis est requis sur toutes les questions d'ordre sanitaire.

Par conséquent il peut émettre des avis et recommandations à l'attention du Maire dans l'intérêt de la santé publique et de la salubrité publique au niveau du territoire de la Commune de Toamasina.

LOHATENY 3 : Ireo sampan-draharaha misahana ny Fidiovana

Toko voalohany : Ny Birao Monisipaly misahana ny Fidiovana (BMH)

Andininy faha-9.- Araka ny voalazan'ny Lalàna laharana 2011-002 momba ny Fehezan-dalàna mifehy ny fahasalamam-bahoaka, dia “ny Birao Monisipaly misahana ny Fidiovana (BMH) dia manatanteraka ny asa fanaraha-maso ny fahasalamana sy ny fahadiovana eo ambany fahefan'ny Ben'ny Tanàna. Izy io dia mifamatotra amin'ny sampan-draharaha misahana ny rano sy ny jiro ao amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.”

Ny BMH dia apetraka eo ambany fahefan'ny Ben'ny Tanàna na raha misy solontena, ny iray amin'ireo lefiny, ary eo ambany fitarihan'ny lehiben'ny mpitsabo. Ny mpikambana ao aminy dia teknisianina momba ny fahasalamana sy ny fahadiovana.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-3 ao amin'ny Didim-panjakana laharana 1238-SAN tamin'ny 16 jolay 1960, mamaritra ny fepetra iasan'ny sampan-draharahan'ny polisy misahana ny fahasalamana ao amin'ny Kaominina dia “toy izao ny andraikitra ny Birao Monisipaly misahana ny Fidiovana (BMH)” :

TITRE 3: Des services municipaux d'hygiène

Chapitre 1 : Du Bureau Municipal d'Hygiène (BMH)

Article 9.- Selon les dispositions de la Loi n°2011-002 portant Code de la santé, « le Bureau Municipal d'Hygiène (BMH) exerce des fonctions de contrôle sanitaire et d'hygiène sous l'autorité du Maire». Il est rattaché à la Direction en charge de l'électricité, eau, assainissement et hygiène de la Commune Urbaine de Toamasina.

Le BMH est placé sous l'autorité du Maire ou, en cas de délégation, de l'un de ses adjoints, et sous la direction du médecin-chef. Ses membres sont des techniciens en matière de santé et d'hygiène.

Selon les dispositions de l'article 3 de l'arrêté n°1238-SAN du 16 juillet 1960 fixant les conditions de fonctionnement du service de police sanitaire générale dans les Communes, « les attributions du Bureau Municipal d'Hygiène sont les suivantes » :



Ny lehiben'ny mpitsabo ao amin'ny BMH dia tompon'andraikitra:

1. Amin'ny fanamarinana ny fahafatesana alohan'ny hanomezana fahazoan-dàlana handevina izay ataon'ny mpirakitra ny sata sivily;
2. Amin'ny fiantohana ny fanaovana vaksiny sy famerenana vaksiny tsy maintsy atao ary koa ireo vaksiny hafa rehetra miady amin'ny areti-mifindra ;
3. Amin'ny fandraisana ny tatitra momba ireo aretina mitaky fampahafantarana, ny firaketana an-tsoratra izany, ary ny fampitana izany avy hatrany amin'ny minisitera misahana ny fahasalamam-bahoaka ;
4. Amin'ny fiantohana ny fanarahana ny fepetra takin'ny sampan-draharaha miady amin'ny tazomoka ;
5. Amin'ny fanangonana santionany amin'ireo akora ilaina amin'ny fitiliana any amin'ny laboratoara, raha sendra misy fahafatesana mampiahiahy, ary ny fandefasana izany any amin'ny talen'ny « *Institut Pasteur de Madagascar* » na laboratoara hafa voatendry hanaovana izany fitiliana izany;
6. Amin'ny fiantohana ny fitaterana ireo mararin'ny areti-mifindra sy ny fanokanana azy ireo any amin'ny hôpitaly na ny toerana manokana, ary mandidy, raha ilaina, ny fihibohana an- trano ;
7. Amin'ny fandaminana ny fanadiovana ireo trano sy fiara nampiasain'ireo mararin'ny areti-mifindra ;
8. Amin'ny fiantohana ny fanaraha-maso ara-pahasalamana ireo tranom-panjakana sy ireo trano manan-tompo rehetra, na efa naorina na tsia, na misy mipetraka na tsia, ary indrindra ireo hôtely rehetra ;
9. Amin'ny fanatanterahana ny famongorana voalavo, ny fanadiovana ifotony ary ny famonoana bibikely amin'ireo toerana sy trano rehetra mitaky ireo fepetra fanadiovana ireo

Le médecin-chef du BMH est notamment chargé :

1. De vérifier les décès avant la délivrance du permis d'inhumer par l'officier d'état civil ;
2. D'assurer les vaccinations et revaccinations obligatoires et de toutes autres vaccinations contre les maladies épidémiques ;
3. De recevoir les déclarations des maladies dont la déclaration est obligatoire, de les enregistrer et de les porter sans délai à la connaissance du ministère chargé de la santé publique ;
4. De veiller à l'observation des prescriptions des services antipaludiques ;
5. De procéder aux prélèvements de matières nécessaires aux examens de laboratoire en cas de décès suspect et de les transmettre au directeur de l'institut pasteur ou autres laboratoires désignés pour ces examens ;
6. D'assurer le transport des malades contagieux et leur isolement à l'hôpital ou au lazaret ; de prescrire, s'il y a lieu, l'isolement à domicile ;
7. De faire opérer la désinfection des immeubles et véhicules occupés par les malades contagieux ;
8. D'assurer la surveillance sanitaire des tous immeubles publics ou privés, bâtis ou non bâtis, occupés ou non occupés et notamment de tous hôtels ;
9. De faire procéder à la dératisation, à la désinfection et à la désinsectisation de tous lieux et immeubles nécessitant ces mesures d'assainissement, de saisir la commission des immeubles insalubres de toutes propositions de condamnation, de démolition ou d'expropriation ;

ary amin'ny fampandrenesana ny rafitra misahana ireo trano tsy manara-penitra mahakasika ny hanatsaharana, handravana na hanesorana amin'ny tompony;

10. Amin'ny fiantohana ny fahadiovan'ireo trano natao honenana ary amin'izany, ny fanomezana fankatoavana ny fahazoandalana hanorina sy hipetraka ;
11. Amin'ny fiantohana ny fahadiovan'ny lalana ho an'ny daholobe sy ny lalana manan-tompo, ny fikojakojana ny tatatra, ny fanesorana ireo fako sy rano maloto, ary ny fanatanterahana ny tolotra fanangonana fako sy fanadiovana tatatra;
12. Amin'ny fiantohana ny fahadiovan'ny tsena sy ny manodidina azy, ary fandrarana ny fivarotana sakafo simba na maloto mety hankarary, afa-tsy ireo vokatra avy amin'ny biby ;
13. Amin'ny fanatanterahana fanaraha-maso ara-pahasalamana tsy tapaka amin'ireo sekolim-panjakana sy tsy miankina, raha tsy misy ny sampan-draharaha misahana ny fanaraha-maso ara-pahasalamana eny an-tsekoly;
14. Amin'ny fanaovana fitsirihana ara-pahasalamana ireo olona manao asa fivarotan-tena;
15. Amin'ny fanatanterahana ny andraikitry ny dokotera mpanaramaso raha toa ka tsy manana dokotera mpanaramaso nahazo alalana ny sampan-draharaha mpanaramaso;
16. Ary amin'ny ankapobeny, fiantohana ny fanatanterahana ireo fepetra rehetra, na mahazatra na tsy mahazatra, araka izay voafaritry ny fitsipika ara-pahasalamana.

10. D'assurer l'hygiène des constructions destinées à l'habitation et de viser, à cet effet, le permis de construire et d'habiter ;
11. De veiller à l'hygiène des voies publiques ou privées, à l'entretien des égouts, à l'évacuation des matières usées, à l'exécution du service des ordures et des vidanges ;
12. De veiller à l'hygiène des halles, marchés et de leurs abords et d'y interdire la vente de denrées corrompues ou souillées, nuisibles à la santé publique, à l'exception des denrées d'origine animale ;
13. De procéder périodiquement à l'inspection sanitaire des établissements scolaires officiels et privés, en l'absence du service contrôle sanitaire scolaire ;
14. De procéder au contrôle médical des prostituées ;
15. De remplir les fonctions de médecin-inspecteur de travail dans le cas où l'inspection générale du travail n'aura pas de médecin habilité ;
16. Et, d'une manière générale, d'assurer l'exécution de toutes mesures ordinaires ou extraordinaires qui sont prescrites par les règlements sanitaires.

Toko faha-2 : Ny Borigady misahana ny Fanadiovana sy ny Fidiovana (BAH)

Andininy faha-10.- Araka ny fepetra voalazan'ny Lalàna laharana 2003-011 tamin'ny 03 septambra 2003 mitondra ny Sata ankapobeny ny mpiasam-panjakana, ny mpiasan'ny Borigady misahana ny Fanadiovana sy ny Fidiovana (BAH) dia mpiasan'ny Kaominina efa eo am-perinasa ary manana sata maha mpiasam-panjakana.

Ny Borigady misahana ny Fanadiovana sy ny Fidiovana (BAH) dia rafitra iray eo anivon'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina, miankina amin'ny Fitaleavana misahana ny Filaminana sy ny Fiarovana, ary tarihin'ny tompon'andraikitra nanao fianianana, araka ny rafitra fandaminana an'ny Kaominina.

Ny andraikiny dia ny miantoka ny fampiharana ny fepetra ara-pahasalamana noraisin'ny Kaominina amin'ny alalan'ity Fehezan-dalàna ity.

Ny lehiben'ny borigady sy ireo mpiasa ao aminy dia manao fianianana eo anatrehan'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany ao Toamasina. Eo ambany fahefana ara-pitantanan'ny Ben'ny Tanàna izy ireo ary miara-miasa amin'ny manamboninahitra mpanao fanadihadiana ara-pitsarana raha misy fandikan-dalàna.

Ireo mpiasa dia manampy ny lehiben'ny borigady ary manatanteraka fitsirihana tsy tapaka na tampoka amin'ireo faritra fonenana sy toerana ho an'ny daholobe ao amin'ny faritry ny Kaominina, araka ny fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity.

Chapitre 2 : Du Brigade d'Assainissement et d'Hygiène (BAH)

Article 10.- Selon les dispositions de la Loi n°2003-011 du 03 septembre 2003 portant Statut Général des Fonctionnaires, les agents de la Brigade de l'Assainissement et de l'Hygiène (BAH) sont des agents communaux déjà en fonction et ont le statut de fonctionnaire.

La Brigade de l'Assainissement et de l'Hygiène (BAH) est une structure au sein de la Commune Urbaine de Toamasina, rattachée à la Direction de la Sûreté et de la Sécurité et dirigée par un responsable assermenté, conformément à l'organigramme de la Commune.

Elle est chargée d'assurer la mise en œuvre des mesures de police sanitaire adoptées par la Commune à travers le présent Code.

Le Chef de brigade et les agents prêtent serment devant le Tribunal de Première Instance de Toamasina. Ils sont placés sous l'autorité hiérarchique du Maire et collaborent avec l'Officier de Police Judiciaire en cas d'infraction.

Les agents assistent le Chef de brigade et effectuent des inspections périodiques ou inopinées dans les zones d'habitation et les espaces publics du territoire communal, conformément aux dispositions du présent Code.

Toko faha-3: Ny fari-piadidiana manakaiky ny vahoaka: ny Fokontany

Andininy faha-11.- Araka ny voalazan'ny Didim-panjakana laharana 2009-890, mamaritra ny fandaminana, ny fandehan'ny asa ary ny andraikitra ny Fokontany, ny sefo Fokontany dia manatanteraka indrindra ireto asa manaraka ireto :

1. Mamolavola, miaraka amin'ny mponina, vina ho an'ny fampandrosoana ny Fokontany ;
2. Mitarika, mitondra fiovana ary mamporisika hanana toe-tsaina mandray andraikitra amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa fampandrosoana ny Fokontany ;
3. Manatanteraka ireo andraikitra manokana izay ampanaovin' ny Ben'ny Tanàna.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-152 amin'ny Lalàmpanorenana, “ny Fokonolona, voalamina ao anaty Fokontany, no fototry ny fampandrosoana sy ny firaisan-kina ara-tsosialy, ara-kolontsaina ary ara-tontolo iainana”.

Chapitre 3 : La circonscription de proximité : Fokontany

Article 11.- Selon les dispositions du Décret n°2009-890 fixant l'organisation, le fonctionnement et les attributions du Fokontany, le Chef de Fokontany exerce notamment les activités suivantes :

1. Elaborer, avec la communauté, une vision pour le développement du Fokontany ;
2. Apporter le leadership, le changement et l'esprit d'initiative dans la conduite des projets de développement du Fokontany;
3. Assurer les attributions d'ordre particulier qui lui sont confiées par le Maire.

Aux termes de l'article 152 de la Constitution, « le Fokonolona, organisé en Fokontany, constitue la base du développement et de la cohésion socio-culturelle et environnementale.



BOKY VOALOHANY : NY FAHADIOVANA, NY FISOROHANA SY NY FIAROVANA NY ARA- PAHASALAMANA HO AN'NY BE SY NY MARO

LOHATENY 1 : Ny fahadiovana mahasahana ny lalam- bahoaka sy ny kianjam-bahoaka

Toko voalohany : Ireo fepetra ankapobeny

*Sokajy 1 : Momba ny fahadiovana mahasahana ny lalam-
bahoaka*

Andininy faha-12.- Ireo andraikitra ny Kaominina momba ny fahadiovana :

1. Andraikitra ny Kaominina ny miantoka ny fahadiovan'ny lalana, ny toerana iombonana, ny tsena, ny tora-pasika, ireo toerana ho an'ny daholobe amin'ny ankapobeny sy ny manodidina azy, mba hadio lalandava.
2. Andraikitra ny Kaominina ny manatanteraka, mametraka ary mikojakoja, amin'ireo toerana rehetra heverina fa ilaina izany, ireo fotodrafitrasa sy fitaovana iombonana natao hiantohana ny fahadiovana sy ny fahasalaman'ny be sy ny maro, indrindra ny efitrano fidiovana, ny efitrano fivoahana, ny dabam-pako ary ireo fitaovana hafa momba ny fanadiovana ;
3. Ireo fitaovana fanariam-pako natokana ho an'ny be sy ny maro, toy ny fitoeram-pako, ny dabam-pako na vata fanariam-pako iombonana, dia tsy maintsy esorina tsy tapaka ny fako ao anatin'ny mba tsy hitobaka sy tsy hiparitaka, ary diovana matetika araka ny fepetra ilaina ara-pahasalamana.

Andininy faha-13.- Ireo rehetra mampiasa ny lalana sy ny mponina manodidina dia tsy maintsy misoroka ny fandotoana ireo lalana. Ny fanajana sy ny fanaraha-maso ny fahadiovana dia andraikitra sy adidin'ny tsirairay .

LIVRE I : DE L'HYGIENE, DE LA PRÉVENTION ET PROTECTION DE LA SALUBRITÉ PUBLIQUE

TITRE 1 : De l'hygiène des voies publiques

Chapitre 1 : Des dispositions générales

Section 1 : De l'Hygiène des voies publiques

Article 12.- Des obligations de la Commune en matière d'hygiène :

1. Il incombe à la Commune de veiller à ce que les voies, places, marchés, plages et, de manière générale, l'ensemble des espaces publics ainsi que leurs abords immédiats soient maintenus en état constant de propreté.
2. La Commune a l'obligation de réaliser, d'installer et d'entretenir, en tous lieux jugés nécessaires, les infrastructures et équipements collectifs destinés à garantir l'hygiène et la salubrité publique, notamment les douches, les cabinets d'aisance, les urinoirs, les poubelles et les autres dispositifs d'assainissement ;
3. Les récipients mis à la disposition des usagers pour la collecte des déchets ménagers et assimilés tels que poubelles, bacs à ordures ou corbeilles publiques, doivent être vidés régulièrement afin de prévenir tout débordement et maintenu en état de propreté par des opérations de nettoyage effectuées aussi fréquemment que l'exige la situation sanitaire.

Article 13.- Tous les usagers de la voie et les occupants des propriétés riveraines sont tenus d'éviter toute cause de souillure des dites voies. Le respect et le maintien de la propreté des dites voies est un devoir et une obligation de tout un chacun.

Voarara tanteraka eny amin'ny toerana ho an'ny daholobe, lalam-bahoaka, tsena, sisin-dalana, zaridaina ho an'ny daholobe, lavarangana, ary ireo toerana iombonana hafa :

1. Ny fametrahana na fanariana karazan-javatra toy ny fonosana isan-karazany, kapoaka, tavoahangy, plastika, potipoti-javatra samihafa, ary karazan-javatra efa simba izay mety hiteraka loto;
2. Ny fanorenana na izay asa rehetra mety hanakana ny fikorianan'ny rano na ny fidirana amin'ireo fotodrafitrasa fidiovana, fefy, trano fatoriana na trano fonenana ;
3. Ny fivalanana eny ankalamanjana na fihetsika rehetra manohintohina ny fahasalaman'ny be sy ny maro ;
4. Ny fandrorana eny ankalamanjana, ary ny fifohana sigara amin'ny toerana voatondro ho tsy azo ifohana.

Sokajy 2 : Ny fahadiovan'ny tora-pasika

Andininy faha-14.- Voarara tanteraka eny amin'ny tora-pasika :

1. Ny mivalan-drano, mivalana na ny manary maloto eny amin'ny tora-pasika.
2. Ny mpandraharaha mpivarotra eny amin'ny tora-pasika dia tsy maintsy miantoka ny fahadiovan'ny toerana fivarotany sy ny manodidina azy ;
3. Ny fandevenana fatim-biby na zavatra lo isan-karazany ary fako hafa eny amin'ny tora-pasika na any an-dranomasina.
4. Tsy azo atao ny milomano raha tsy eny amin'ny faritra tsy maloto, ary voaaro amin'ny fandotoana na ny fanaparitahana loto avy amin'ny indostria sy ny tanàn-dehibe.

Il est interdit, sur les places publiques, les voies publiques, les marchés, les trottoirs, les jardins publics, les vérandas, et les autres espaces communs :

1. Le dépôt, jet de tous objets, en l'occurrence des emballages de toutes natures, des boîtes de conserve, des bouteilles en verre, des objets en matière plastique, des détritux ou des épaves de toutes sortes, susceptibles d'en altérer la propreté ;
2. La construction ou toute activité pouvant entraver la circulation des eaux ou l'accès aux infrastructures d'assainissement, de barrières, de dortoirs ou habitations ;
3. La défécation à l'air libre ou tout acte portant atteinte à la salubrité publique ;
4. De cracher à l'air libre, de fumer dans les lieux expressément désignés comme « non-fumeurs. »

Section 2 : De l'Hygiène des plages

Article 14.- Il est interdit sur les plages :

1. Tout fait d'uriner, de déféquer ou de jeter des matières fécales sur la plage ;
2. Tout exploitant de commerce sur la plage doit assurer la propreté de son exploitation et de ses abords ;
3. D'enfouir des dépouilles de toutes natures et des ordures ménagères sur la plage ou dans la mer ;
4. Les baignades ne peuvent être faites que dans les zones non polluées, et qui, notamment, sont à l'abri des souillures et contaminations urbaines et industrielles.

Andininy faha-15.- Ny fiarovana sy ny fitazonana ny fahadiovan'ny tora-pasika dia andraikitra ny Kaominina, ny olom-pirenena, ny mpandraharaha ara-barotra sy ara-toekarena, ny mpizaha tany ary ny mpitsidika.

Andininy faha-16.- Ireo mpandraharaha amin'ny trano fandraisam-bahiny, trano fisakafoana madinika, trano fisotroana, toeram-pialam-boly amoron-dranomasina dia tsy maintsy manana fitaovana fanangonana sy fanariam-pako. Adidiny ny mikarakara sy mitazona izany ho madio mandrakariva mba hiantohana ny fahadiovan'ny be sy ny maro.

Tsy maintsy manana kifafa sy dabam-pako manokana izy ireo, izay ametrhany ny fako rehetra ateraky ny asa ataony.

Toko faha-2 : Ny fahadiovana mahasahana ny trano fonenana sy ny toeram- piasana

Sokajy 1 : Ny fahadiovan'ny trano ampiasain'ny be sy ny maro

Andininy faha- 17.- Ny fotodrafitrasa ampiasain'ny be sy ny maro, toy ny fiangonana, hôpitaly, sekoly, trano fandraisam-bahiny, banky, trano fisakafoana, toeram-pialam-boly isankarazany, dobo filomanosana na ireo toerana hafa misokatra ho an'ny daholobe dia tsy maintsy iharan'ny fanaraha-maso ara-pahasalamana isan-taona. Ny tompony na ny mpitantana no manefa ny sarany lany amin'izany. Ny tompony na ny mpitantana dia tompon'andraikitra amin'ny fanadiovana ny trano sy ny manodidina azy.

Andininy faha-18.- Ny Birao Monisipaly misahana ny Fidiovana (BMH) dia manatanteraka ny fanadiovana mikraoba sy famongorana bibikely indroa isan-taona, ary ny fandania mifandraika amin'izany dia aloan'ny tompony na ny mpitantana. Raha ilaina, dia afaka manampy amin'ny fanaraha-maso ny Komity Monisipaly misahana ny Fidiovana (CMH).

Article 15.- La préservation de l'hygiène des plages et la voie publique est une responsabilité conjointe de la Commune, des citoyens, des commerçants, des exploitants économiques et des touristes ainsi que les autres visiteurs.

Article 16.- Les exploitants d'établissement hôteliers, restaurants, gargotes, karaoké, bar, lounge, installés à proximité des plages, doivent disposer de dispositifs de collecte des déchets. Ils sont tenus de les nettoyer et de les garder toujours propres afin de maintenir la salubrité publique.

Ils doivent posséder un balai et une poubelle individuelle dans laquelle ils doivent déposer tous les déchets provenant de l'exercice de son métier.

Chapitre 2 : De l'hygiène des habitations et des établissements divers

Section 1 : De l'Hygiène et des Etablissements Publics et Etablissements Recevant du Public (ERP)

Article 17.- L'ensemble des constructions et d'installation destinées à l'usage collectif, qu'ils s'agissent notamment des lieux de culte, hôpitaux, établissement scolaire, hôtels, banques, bars, restaurants, les installations récréatives diverses, églises, édifices gouvernementaux, salles des fêtes, les piscines..., ou autres édifices ouverts au public, sont soumis au contrôle sanitaire annuel obligatoire. Les frais afférents sont supportés par les propriétaires ou gestionnaires des dits immeubles. Le maintien en état de propreté des bâtiments ainsi que de leurs abords incombe au gestionnaire et aux usagers.

Article 18.- Le Bureau Municipal d'Hygiène (BMH) procède obligatoirement à une désinfection et à une désinsectisation

Andininy faha-19.- Ny isan'ny toeram-pivoahana dia faritan'ny sampan-draharaham-panjakana ao anatin'ny fahazoan-dàlana hanorina, arakaraka ny isan'ny olona hampiasa izany. Ny fanorenana trano fivoahana tsy mifanaraka amin'izany fahazoan-dàlana izany dia iharan'ny sazy.

Andininy faha-20.- Ny trano ivezivezen'ny be sy ny maro dia tsy maintsy manana dabam-pako sy trano fidiovana ampy, araka ny fepetra ao amin'ny Fehezan-dalàna monisipaly momba ny fahadiovana. Ny tompony na ny mpampiasa dia tompon'andraikitra amin'ny fanariana sy ny fanadiovana azy.

Andininy faha-21.- Ny toeram-pivavahana tsirairay dia tsy maintsy manana trano fidiovana iray farafahakeliny (WC) ho an'ny mpivavaka dimampolo sy roanjato (250), araka ny fahafahany mandray olona.

Andininy faha-22.- Ny sekolim-panjakana rehetra sy ny sekoly tsy miankina dia tsy maintsy diovina alohan'ny fanombohan'ny taom-pampianarana. Ny talen'ny sekoly na ny tompon'andraikitra dia mandefa fangatahana any amin'ny Birao Monisipaly misahana ny Fidiovana (BMH).

Andininy faha-23.- Ny toerana fialam-boly sy ny valan-javaboahary dia tsy maintsy manana dabam-pako ampy, mifanaraka amin'ny isan'ny mpitsidika, ary diovina matetika.

Sokajy 2 : Ny fahadioavan'ny trano fonenana

Andininy faha-24.- Ny toerana rehetra, ny trano fonenana, na fanorenana, na trano lehibe, na tanàna, na vohitra, na Fokontany, izay natao ho fonenana, dia tsy maintsy manana fotodrafitrasa

semestrielle, financées par le propriétaire ou le gérant. En cas de nécessité, le comité d'hygiène peut être saisi pour appui.

Article 19.- Le nombre de latrines et urinoirs est déterminé par l'administration dans le permis de construire en tenant compte du nombre de personnes appelées à faire usage de ces latrines ou urinoirs. La construction de toilette non conforme à cette autorisation est passible de sanction.

Article 20.- Tout bâtiment collectif doit être pourvu de récipients à ordures et de sanitaires en nombre suffisant, conformément aux prescriptions du présent code. L'évacuation des déchets relève de la responsabilité du propriétaire ou du gestionnaire.

Article 21.- Chaque lieu de culte doit disposer d'au minimum une installation sanitaire (toilette) pour chaque tranche de deux cent cinquante (250) fidèles, proportionnellement à sa capacité d'accueil.

Article 22.- Les établissements scolaires, public ou privés, doivent être désinfectés avant chaque rentrée académique. A cet effet, le directeur adresse une demande préalable au Bureaux Municipal d'Hygiène. (BMH).

Article 23.- Les gestionnaires de parcs de jeux et de centres de loisirs doivent garantir la propreté des lieux par l'installation des bacs à ordures en quantité et capacité adaptés à la fréquentation.

Section 2 : De l'Hygiène des habitations

Article 24.- Tous les lieux, constructions, immeubles, agglomérations, villages et quartiers en milieu rural ayant pour objet de servir d'habitation et, à cet effet, devant être pourvus des équipements collectifs, des infrastructures sanitaires et

ara-pahasalamana ampiasain'ny be sy ny maro, mifanaraka amin'ny fepetra sy fitsipika momba ny fahadiovan'ny trano fonenana.

Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-14 ao amin'ny Lalàna laharana 2015-052 tamin'ny 3 febroary 2016, mifehy ny tanàndehibe, dia “ny Ben'ny Tanàna no manome fahazoan-dàlana hanorina, hanamboatra na handrava trano, amin'ny alalan'ny fampiharana ny fepetra takin'ny lalàna na ireo fepetra manokana mihatra amin'ny faritra na sehatra manokana”.

Andininy faha-25.- Ny tompon-trano tsirairay na ny mponina ao amin'ny trano iray dia tsy maintsy mampifandray ny trano amin'ny rafitra fanariana rano maloto mifanaraka amin'izany.

Raha trano fidiovana iombonana iray no ampiasain'ny efitra na trano maromaro, dia tokony hofaritana mifanaraka amin'ny isan'ny mpampiasa ny isan'izany, ka iray (1) ho an'ny olona folo (10) farafahakeliny.

Ny trano fidiovana tsirairay dia tsy maintsy apetraka amin'ny haavo mitsangana tsy mihoatra ny rihana iray, ary tsy mihoatra ny telopolo (30) metatra mitsivalana miala amin'ny trano iraisany.

Andininy faha-26.- Ho fampiharana ny andininy faha-53, faha-54 ary faha-55 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Fahasalamana, nefa tsy manaisotra ny fampiharana ny Fehezan-dalàna momba ny Fanajariana ny Tanàndehibe sy ny Toeram-ponenana mikasika ny fitsipika ara-pahasalamana sy fiarovana amin'ny fanorenana :

Raha misy trano, na vita na tsia, manamorona na tsy manamorona ny lalàm-bahoaka, ka noho izy tenany na noho ny fomba ipetrhana ao anatin'ny dia miteraka loza ho an'ny fahasalaman'ny mipetraka ao na ny mpifanolo-bodirindrina, ny Ben'ny tanàna na, raha tsy eo izy, ny manam-pahefana mpiahy, rehefa voaray ny tatitra voamarina sy mitombina

d'assainissement respectant les prescriptions relatives à l'hygiène de l'habitat.

Selon les dispositions de l'article 14 de la Loi n°2015-052 du 3 février 2016 relative à l'urbanisme et à l'habitat, « c'est le Maire qui délivre le permis de construire, le permis de lotir et/ou de démolir en utilisant le règlement national d'urbanisme sans préjudice de l'application des prescriptions nationales et des prescriptions particulières régissant certaines parties du territoire et certains secteurs d'activités ».

Article 25.- Il fait obligation à tout propriétaire ou occupant de logement de doter celui-ci d'un système conforme d'évacuation des eaux usées.

Dans le cas où plusieurs logements ou pièces isolées sont desservis par des cabinets d'aisances communs, leur nombre est déterminé en proportion des usagers, à raison d'un (1) cabinet pour dix (10) occupants au minimum.

Tout cabinet d'aisance doit être situé à une distance maximale d'un étage vertical et à trente (30) mètres en projection horizontale des locaux qu'il dessert.

Article 26.- En application des dispositions des articles 53, 54 et 55 du Code de la Santé, sans préjudice des dispositions du Code de l'Urbanisme et de l'Habitat relatives aux règles sanitaires et de sécurité applicables aux constructions, lorsqu'un immeuble, bâti ou non, attenant ou non à la voie publique, constitue, soit par lui-même, soit par les conditions dans lesquelles il est occupé, une menace ou un danger pour la santé des occupants ou des voisins, le Maire ou, à défaut, l'autorité de tutelle, saisi d'un rapport motivé de l'autorité sanitaire ou du BMH concluant au danger présenté ou à l'insalubrité de tout ou partie de l'immeuble, est tenu d'inviter

avy amin'ny manam-pahefana ara-pahasalamana na avy amin'ny Birao Monisipaly momba ny Fahadiovana izay manambara ny loza na ny fahalotoana amin'ny ampahany na ny trano manontolo, dia tsy maintsy mangataka ny hevitra ny Komity Monisipaly momba ny Fahadiovana sy ny Fahasalamana ao anatin'ny roa (2) volana mikasika :

1. Ny fisian'ny fahalotoana sy ny antony mahatonga izany ;
2. Ny fepetra sahaza hanitsiana izany.

Andininy faha-27.- Raha voamarina ny fisian'ny loza na fahalotoana ary tsy azo ahitsy izany, ny Ben'ny tanàna na, raha tsy eo izy, ny manam-pahefana mpiahy dia tsy maintsy mamoka Didim-pitondrana ao anatin'ny iray (1) volana mandrara tanteraka ny fipetrahana ao amin'ilay trano.

Ny Didim-pitondrana dia manambara raha mihatra avy hatrany ny fandrana na raha manan-kery aorian'ny fahataperan'ny fepetoana voafaritra omena ireo mipetraka hialana amin'ny toerana.

Andininy faha-28.- Raha voamarina fa azo ahitsy na esorina ny loza na fahalotoana, ny Ben'ny tanàna na, raha tsy eo izy, ny manam-pahefana mpiahy dia tsy maintsy mamoka Didim-pitondrana ao anatin'ny iray (1) volana manondro ny fepetra tokony horaisina sy ny fepetoana hanatanterahana izany.

Azo ambara ihany koa ny fandrana vonjimaika ny fipetrahana ao amin'ilay trano.

Hifarana izany raha vantany vao voaporofa fa tanteraka ireo fepetra nandidian'ny Ben'ny tanàna na ny manam-pahefana ara-pahasalamana.

Andininy faha-29.- Izay olona mipetraka ao amin'ny trano nambara ho maloto ka namoahana Didim-pitondrana mandrara

le Comité Municipal d'Hygiène et de Santé compétent à émettre son avis dans un délai de deux (02) mois :

1. Sur la réalité et les causes de l'insalubrité ;
2. Sur les mesures propres à y remédier.

Article 27.- Lorsque la réalité du danger ou de l'insalubrité ainsi que l'impossibilité d'y remédier ont été constatées, le Maire ou, à défaut, l'autorité de tutelle, est tenu, dans un délai d'un (1) mois, de prononcer par Arrêté l'interdiction définitive d'habiter.

L' Arrêté précise si l'interdiction est d'application immédiate ou si elle prend effet à l'expiration d'un délai déterminé laissé aux occupants pour quitter les lieux.

Article 28.- Lorsque la possibilité de remédier au danger ou à l'insalubrité a été constatée, le Maire ou, à défaut, l'autorité de tutelle, est tenu, dans un délai d'un (1) mois, de prescrire par Arrêté les mesures appropriées à prendre ainsi que le délai imparti pour leur exécution.

Une interdiction temporaire d'habiter peut-être prononcée par l'autorité compétente.

Elle prend fin dès qu'il est constaté que les mesures prescrites par le Maire ou l'autorité sanitaire ont été exécutées.

Article 29.- Tout occupant d'un immeuble déclaré insalubre ayant fait l'objet d'un Arrêté d'interdiction définitive ou temporaire d'habiter et ne s'étant pas conformé audit Arrêté peut faire l'objet d'une expulsion prononcée, à la requête de l'autorité visée à l'article 53, par Ordonnance du juge des référés.

tanteraka na vonjimaika ny fipetrahana, nefa tsy manaraka izany, dia azo roahina amin'ny alalan'ny Didy avoakan'ny mpitsara ady maika, araka ny fangatahan'ny manam-pahefana voalaza ao amin'ny andininy faha-53.

Raha misy fahamehana na loza lehibe, ary aorian'ny tatitra ataon'ny manam-pahaizana momba ny toetry ny trano, ny manam-pahefana voalaza ao amin'ny andininy faha-53 dia afaka mampanatanteraka avy hatrany ireo fepetra ilaina hiarovana ny fahasalamam-bahoaka, ka ny tompon-trano na ny mpanofa no manefa izay lany amin'izany .

Sokajy 3 : Ny momba ny fahadiovan'ny tsena

Andininy faha-30.- Voarara tanteraka ny fanaovana varotra amin'ny endriny rehetra ivelan'ny toerana natokana hanaovana izany, toy ny eny amin'ny sisin-dalana, eny anoloan'ny toeram-pivarotana, eny amin'ny toeram-piantsonan'ny fiara, ary koa eny anoloana sy manodidina ny toeram-pitsaboana ary ny sekoly.

1. Ny mpamokatra sy ny mpivarotra rehetra dia tsy maintsy mitazona ny fahadiovana tanteraka eny amin'ny fari-pivarotan'izy ireo, ary koa amin'ny lalan-kely sy faritra manodidina ny toeram-pivarotana ;
2. Ao anatin'ny tsena dia voarara ny fivarotana amin'ny tany. Ny entana amidy dia tsy maintsy apetraka amin'ny latabatra fivarotana manana haavo farafahakeliny fitopolo (70) santimetatra miala amin'ny tany, ary tsy maintsy arovan'ny tompony amin'ny vovoka sy ny loto rehetra ;
3. Ny mpivarotra rehetra, na inona na inona karazana entana amidiny, dia tsy maintsy manana kifafa sy dabam-pako manokana, izay ametrahany ireo loto sy fako avy amin'ny asany.

En cas d'urgence ou de péril grave, et après rapport d'un homme de l'art sur l'état de l'immeuble, l'autorité visée à l'article 53 peut faire exécuter d'office, aux frais du propriétaire et, le cas échéant, du locataire défaillant, les mesures indispensables à la sauvegarde de la salubrité publique.

Section 3 : De l'Hygiène des marchés

Article 30.- Il est interdit toute vente de quelque nature que ce soit en dehors des lieux réservés à cet effet, notamment sur les trottoirs, sur les devantures des magasins, dans les parkings, devant et aux alentours des hôpitaux et établissements scolaires.

1. Tous les producteurs et marchands doivent tenir en parfait état de propreté : les emplacements, les pavillons, les stands ou les parcelles de vente qui leur sont attribués ainsi que les passages réservés à la circulation, situés devant et autour de leur étal ou pavillon.
2. À l'intérieur des marchés, la vente des marchandises sur le sol est interdite. Les denrées doivent être présentées sur un étal d'au moins 70 cm au-dessus du sol et mises à l'abri des poussières.
3. Tout commerçant, quelle que soit la nature de ses marchandises doit posséder un balai et une poubelle individuelle dans laquelle il doit déposer tous les déchets provenant de l'exercice de son activité. Le déversement de ces ordures et déchets dans les bacs à ordures doit être effectué par les marchands eux-mêmes.

Izy ireo ihany no tompon'andraikitra amin'ny fanariana ireo fako ireo ao anatin'ny dabam-pako iombonana natokana ho amin'izany ;

4. Ny fivarotana sakafo masaka toy ny mofomamy dia tsy maintsy atao ao anaty vitrinina mba hisorohana ny loto sy ny vovoka ;
5. Voarara tanteraka ny famokarana, fanodinana ary fizarana sakafo tsy nahazoana alalana avy amin'ny manam-pahefana misahana izany. Raha tsy izany dia hosaziana araka ity Fehezan-dalàna ity.

Andininy faha-31.- Izay tsy manaja ny fepetra voalazan'ity Toko ity dia hampiharana sazy vonjimaika araka ny voalazan'ity Fehezan-dalàna ity.

Ny sazy vonjimaika ara-bola dia ampiharina rehefa tsy nahomby ny fampitandremana voalohany, ny fanesorana na fanangonana ny entana amidy eny an-toerana.

Sokajy 4 : Ny momba ny fahadiovan'ireo toeram-pantsakana sy toeram-pivoahana iombonana, ary ireo mifanaraka amin'izany

Andininy faha-32.- Ny toeram-pantsakana ho an'ny be sy ny maro sy ny toeram-pivoahana iombonana dia ao anatin'ny andraikitry ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina, izay miantoka ny fikojakojana sy ny fanaraha-maso ara-pahasalamana azy ireo.

Na izany aza, dia azon'ny olon-tsotra tantanana na fikambanana manana fahazoan-dalana avy amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina ireo fotodrafitrasa ireo, amin'ny alalan'ny fifanarahana ara-dalàna manan-kery eo amin'ny Kaominina sy ilay olona na fikambanana tompon'andraikitra amin'ny fitantanana.

4. La vente des denrées alimentaires telles que les gâteaux préparés et autres, doit se faire à l'abri d'une vitrine
5. Il est interdit toute production, transformation et distribution d'aliments sans autorisation, sous peine de sanction pénale et administrative prévue du présent Code.

Article 31.- Le non-respect des dispositions du présent chapitre expose son auteur à des sanctions administratives édictées par le présent arrêté.

Les sanctions administratives pécuniaires prévues par le présent arrêté sont applicables après un avertissement sans effet et sans préjudice du ramassage des marchandises.

Section 4 : De l'Hygiène des bornes fontaines, blocs sanitaires et assimilés

Article 32.- Les bornes fontaines publiques et blocs sanitaires collectifs, relèvent de la responsabilité de la Commune, qui en assure l'entretien, la surveillance et le contrôle sanitaire.

Néanmoins, la gestion des bornes fontaines, bassins, lavoirs, blocs sanitaires publics, peut être assurée par les personnes physiques ou morales dûment autorisées par la Commune Urbaine de Toamasina et titulaires d'une convention de gestion valable et établie entre l'entité et la Commune Urbaine de Toamasina.

Andininy faha-33.- Ny toeram-pantsakana ho an'ny be sy ny maro dia natokana ho an'ny fizarana rano fisotro madio. Voarara tanteraka ny fampiasana hafa rehetra (fanasan-damba, fanasana fiara, sns.) izay mety hanimba ny fahadiovan'ny rano ho azo sotroina.

Andininy faha-34.- Ny fanomezana alalana amin'ny fitantanana dia tapitra ho azy rehefa tapitra ny fifanarahana. Ny mpitantana no tompon'andraikitra amin'ny fandraisana ny fepetra ilaina any amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina ho an'ny fanavaozana ny fifanarahana.

Raha toa ka tsy mahavita izany ny mpitantana ka tsy mametraka fangatahana fanavaozana ara-dalàna alohan'ny fahataperan'ny fepotoana voafaritry ny fifanarahana, dia azo saizana araka ny lamina napetraky ny Kaominina sy/na araka ny fepetran'ny fifanarahana fitantanana.

Andininy faha-35.- Ny mpitantana dia voatery mandray ny fepetra rehetra ilaina amin'ny fiarovana sy fikojakojana ny fotodrafitrasa tantanany, araka ny fepetra voalazan'ny bokin'andraikitra.

Izy ihany koa no tompon'andraikitra amin'ny fandoavana ny saran'ny asa sy ny fandaniana rehetra mifandraika amin'ny fampandehanana ny fotodrafitrasa, indrindra ny herinaratra sy ny rano. Raha misy fahatapahan'ny asa noho ny tsy fandoavana ireo sarany ireo, dia esorina amin'ny andraikiny amin'ny maha mpitantana azy izy.

Andininy faha-36.- Ny olona na orinasa manana fahazoan-dalana amin'ny fizarana rano fisotro dia voatery manaraka ny fitsipika ara-pahasalamana sy ireo fepetra voasoratra ao amin'ny bokin'andraikitra.

Article 33.- Les bornes fontaines publiques sont exclusivement destinées à la distribution d'eau potable. Tous les autres usages (lessives, lavages, etc...) pouvant porter atteinte à la salubrité ou la potabilité de la source d'eau sont interdits.

Article 34.- L'autorisation de gestion s'éteint de plein droit à l'échéance de durée de la convention. Le gestionnaire des installations a la charge d'assurer les démarches nécessaires auprès de la Commune Urbaine de Toamasina, en vue du renouvellement de la convention. En cas d'omission de sa part et en l'absence d'une demande de renouvellement dûment soumis avant la date de la fin de la convention de gestion, le gestionnaire peut être sanctionné suivant les modalités fixées par la Commune et/ou suivant les termes de la convention de gestion.

Article 35.- Le gestionnaire des installations a l'obligation de prendre toutes les mesures utiles et nécessaires à la préservation et la maintenance des ouvrages dont il a la charge et cela en conformité avec le cahier des charges de gestion.

Le gestionnaire a l'obligation d'assurer le règlement des coûts inhérents à l'exploitation de l'infrastructure dont il a la charge et plus particulièrement les charges en électricité et en alimentation en eau du site. Toute interruption de service, en raison du non-paiement de ces charges, entraîne de plein droit la déchéance du gestionnaire.

Article 36.- Tout concessionnaire d'une distribution d'eau potable a l'obligation de moyens, de respect des règlements sanitaires ou des prescriptions d'un cahier de charges dans la livraison d'une eau de boisson.

LOHATENY 2 : Ny fahadiovana mahasahana ny sakafo

Toko voalohany : Ny momba ny fahadiovana mahasahana ny fivarotana hani-masaka sy sakafo

Sokajy 1 : Fepetra ankapobeny

Andininy faha-37.- Ny mpamokatra sy ny mpivarotra dia manana adidy tsy hivarotra afa-tsy ireo entam-barotra sy vokatra fihinana ara-pahasalamana sy azo amidy. Raha misy ny tsy fanarahana izany, dia esorina avy hatrany eny an-toerana ary potehina ireo vokatry tsy manaraka ny fepetra, araka ny fomba fanao ara-dalàna.

Andininy faha-38. Voarara tanteraka ny fivarotana voankazo manta eny amin'ny faritra manakaiky ny sekoly ao anatin'ny fari-piadian'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.

Andininy faha-39.- Voarara avokoa ny fivarotana trondro lena sy sakafo manta ivelan'ny toerana nahazoan-dalana.

Andininy faha-40.- Ny toerana rehetra natokana ho tsena dia tsy maintsy diovina ary atao fanadiovana sy famonoana bibikely isambolana, eo ambany fanaraha-mason'ny Birao Monisipaly misahana ny Fidiovana (BMH).

Sokajy 2: Ireo fepetra momba ny fahadiovana misahana ny toeram-panomanana, fanodinana, famonosana, fitehirizana, na fizarana sakafo avy amin'ny biby ho an'ny tsena anatin'ny

Andininy faha-41.- Araka ny voalazan'ny didy laharana 8333/2001, ny fepetra momba ny fahadiovana dia fehezina ao amin'ireo toeram-panomanana, fanodinana, famonosana, fitehirizana na fizarana sakafo avy amin'ny biby na manana fiaviana avy amin'ny biby, natokana ho an'ny tsena anatin'ny.

TITRE 2 : De l'hygiène alimentaire

Chapitre 1 De l'hygiène alimentaire dans les marchés

Section 1 : Dispositions générales

Article 37.- Les producteurs et les vendeurs ont l'obligation de ne vendre que des marchandises et des denrées de qualité saine et marchande sous peine de ramassage et de destruction sans aucune formalité.

Article 38.- La vente des fruits verts (pas mûres) à proximité des écoles sur le territoire de la Commune est interdite.

Article 39.- La vente des poissons et aliments frais en dehors des places autorisées est interdite.

Article 40.- Tous les lieux réservés au marché sont soumis mensuellement au balayage général, à la désinfection et à la désinsectisation par le Bureau Municipal d'Hygiène (BMH).

Section 2 : Conditions d'hygiène applicables aux établissements de préparation, transformation, conditionnement, entreposage ou distribution des denrées alimentaires animales ou d'origine animale destinées au marché local

Article 41.- Selon les dispositions de l'arrêté n°8333/2001, les conditions d'hygiène sont réglementées dans les établissements où les denrées alimentaires animales ou d'origine animale sont préparées, transformées, conditionnées, entreposées ou distribuées pour le marché local.

Ireto avy ny toerana takina fahazoan-dalana manokana :

- Toerana famonoana biby sy toerana fanodinana hena : toerana famonoana tsotra, toerana fanapahana hena, toerana fanomanana hena, toerana fanodinana ho an'ny hena avy amin'ny karazana biby rehetra ;
- Toerana fikarakarana, fanodinana ary famonosana vokatra avy amin'ny jono;
- Toerana fanodinana sy famonosana vokatra avy amin'ny ronono;
- Toerana fanodinana sy famonosana atody sy vokatra azo avy aminy ;
- Toerana fanodinana sy famonosana tantely ;
- Trano fitehirizana mangatsiaka na tsy mangatsiaka, izay itehirizana sakafo avy amin'ny biby.

Ny fanafoanana ny fahazoan-dalana dia atao mitovy ny tamin'ny fanomezana azy, ary tsy maintsy arahina fanazavana mazava avy amin'ny Ben'ny Tanàna.

Andininy faha-42.- Ireo fitaovana rehetra mifandray amin'ny sakafo dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny fepetra arapahasalamana, mba tsy hampidi-doza ho an'ny fahasalamana.

Ny toerana anaovana, ikirakirana, itehirizana na ivarotana sakafo dia tsy maintsy tazonina ho madio tanteraka, voaaro amin'ny voalavo, bibikely ary ireo biby rehetra mety hitondra mikraoba mampidi-doza.

Ny tompony na ny mpitantana dia tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra ilaina hisorohana ny fidiran'ny lalitra, bibikely, vorona, voalavo ary biby hafa. Raha ilaina, dia manao famonoana bibikely sy voalavo izy ireo, nefa tsy mampidi-doza amin'ny sakafo.

Les établissements assujettis à l'agrément sont les suivants :

- Abattoirs et ateliers de transformation de la viande : abattoirs et tueries, ateliers de découpe de viande, ateliers de préparation de viandes, établissements de transformation pour les viandes de toutes espèces ;
- Unités de préparation, transformation et conditionnement des produits de pêche ;
- Unités de transformation et de conditionnement des produits laitiers ;
- Unités de transformation et de conditionnement des œufs et produits dérivés ;
- Unités de transformation et de conditionnement du miel.
- Entrepôts frigorifiques ou non où sont entreposées les denrées alimentaires d'origine animale.

Sous peine d'illégalité, le retrait de l'agrément se fait selon les mêmes modalités que son octroi et doit être dûment motivé par le Maire.

Article 42.- Tous matériaux en contact avec les aliments doivent être conformes aux exigences relatives à la sécurité sanitaire afin de ne pas constituer un danger pour la santé.

Les emplacements où sont fabriquées, manipulées, entreposées ou mises en vente des denrées alimentaires doivent être tenus dans un parfait état de propreté à l'abri des rongeurs, des insectes et de tous animaux vecteurs de germes pathogènes.

Les propriétaires ou gérants doivent prendre toutes mesures pour éviter la pénétration des mouches et autres insectes, oiseaux, rongeurs et autres animaux, et faire procéder si nécessaire aux opérations de désinsectisation et de dératisation, en évitant toutes contaminations des denrées alimentaires.

Ny orinasa rehetra izay mamokatra, manodina na mivarotra sakafo dia tsy maintsy manaraka ny fepetra rehetra mikasika ny fahadiovana sy ny ara-pahasalamana, manomboka amin'ny famokarana, fanodinana, fitehirizana, fitaterana, hatramin'ny fivarotana.

Toko faha-2 : Ny momba ny fidiovana misahana ny asa fivarotana hani-masaka

Sokajy 1 : Ireo fepetra iraisana

Andininy faha-43.- Ny trano fivarotana hani-masaka, ny trano fisakafoana ary ny toeram-pisotroana dia tsy maintsy misy rivotra miditra sy mivoaka tsara, ary ampy fitaovana fiarovana amin'ny masoandro, orana ary loto isan-karazany.

1. Ny fivarotana sakafo azo hanina avy hatrany (toy ny lasopy, paty, mofomamy, sns.), na mandehandeha na amin'ny toerana iray, dia tsy maintsy arovana tsara amin'ny masoandro, orana, vovoka, lalitra ary bibikely mitondra aretina. Tsy maintsy mampiasa fonon-tanana na fitaovana manokana (toy ny sotro na sotro rovitra.) rehefa mikasika hani-masaka hamidy ;
2. Ny trano fisakafoana, fivarotana ary toeram-pihinanana rehetra dia tsy maintsy tazonina ho madio tanteraka. Ny vera, lovia, antsy, sotro ary fitaovana fisakafoana hafa dia tsy maintsy sasana amin'ny rano misy savony isaky ny avy ampiasana. Ny latabatra dia tsy maintsy rakofana fitaovana tsy tanteraky ny rano sy malama mba hahafahana manadio azy moramora kokoa sy matetika;
3. Ny fivarotana mandehandeha zava-pisotro, gilasy ary vokatra avy amin'ny ronono dia tsy maintsy atao amin'ny alalan'ny vata fitehirizana atsiaka na fiara (na misy motera na tsia) izay namboarina hiaro ny vokatra amin'ny loto na fahasimbana.

Toute entreprise qui produit, transforme ou commercialise des denrées alimentaires est tenue de respecter l'ensemble des prescriptions relatives à l'hygiène et à la sécurité sanitaire, depuis la production, la transformation, le stockage et le transport jusqu'à la mise en vente.

Chapitre 2 : De l'hygiène des activités de commerce alimentaire

Section 1 : Dispositions communes

Article 43.- Les magasins d'alimentation, restaurants et débits de boissons doivent être aérés, ventilés et correctement éclairés. Ils doivent être équipés de dispositifs appropriés de manière à protéger les denrées du soleil, des intempéries et des pollutions de toute nature.

1. La vente de denrées immédiatement consommables (bouillies, pâtes, brochettes, gâteaux et autres), ambulante ou sur site, doit être protégée de manière adéquate contre le soleil et les intempéries ainsi que les poussières, les mouches et autres insectes vecteurs de maladies. L'utilisation de gants ou à défaut d'une pièce spéciale (pince, fourchette, ...) servant à saisir les denrées mises en vente est obligatoire ;
2. Les restaurants, gargotes et autres lieux de consommation ouverts au public doivent être tenus propres. Les verres, assiettes, fourchettes et autres couverts doivent être lavés à l'eau savonneuse après chaque utilisation. Les tables doivent être recouvertes de matériaux imperméables et lisses afin de permettre un nettoyage facile et régulier ;
3. La vente ambulante des boissons, glaces et autres produits laitiers doit être faite en utilisant les glacières ou véhicules (motorisés ou non motorisés) aménagés de façon à protéger les produits contre toute souillure ou altération.

Andininy faha-44.- Ny mpiasa rehetra amin'ny sehatry ny sakafo dia tsy maintsy madio ary miasa anaty tontolo madio mifanaraka amin'ny fitsipika manan-kery.

Ny latabatra fivarotana ary ireo fitaovana mitovy aminy izay mikasika amin'ny sakafo dia tsy maintsy rakofana fitaovana tsy tantera-drano sy malama, ary tazonina ho madio mandrakariva.

Ny rindrina sy ny valindrihana dia tsy maintsy tazonina ho madio. Ny gorodona dia tsy maintsy vita amin'ny akora mafy (simenitra, taila, sns) ary mora diovana. Tsy maintsy sasana farafahakeliny indray mandeha isan'andro izy. Voarara ny fanadiovana amin'ny fomba maina.

Voarara ny fampiasana rano tsy madio ao amin'ny toerana iasana sy andrahoana sakafo.

Sokajy 2 : NY fidiovana momba ny fizarana, fivarotana ary fanjifana sakafo

Andininy faha-45.- Voarara tanteraka ny fizarana, fivarotana na fanjifana sakafo na fanampin-tsakafo izay mety hanimba ny fahasalamana na tsy azon'ny olombelona hanina.

Andininy faha-46.- Ny sakafo sy vokatra avy amin'ny biby nofahanana sakafo misy “*concentrés protéiques essentiels*” voararan'ny fitsipika ara-pahasalamana manan-kery dia heverina ho tsy azo hanina. Voarara ny fivarotana sy ny fampidirana azy ireo manerana ny faritry ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.

Toy izany koa, ny vokatra avy amin'ny biby tratran'ny areti-mifindra mandoza, toy ny tazom-biby na tazom-borona, araka ny fanambaran'ireo manam-pahefana ara-pahasalamana mahefa, dia tsy azo hanina ary voarara ny fivarotana sy ny fampidirana azy ao anatin'ny fari-piadian'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.

Article 44.- Le personnel employé pour le service doit être propre et doit servir dans les conditions de propreté et de salubrité requises par la réglementation.

Les comptoirs de vente et tout matériel analogue en contact avec les denrées alimentaires doivent être revêtus de matériaux imperméables et lisse maintenu en état permanent de propreté.

Les murs et les plafonds doivent être maintenus en parfait état de propreté. Le sol doit être en matériaux durs (ciment, carrelage ou argile stabilisée) et d'entretien facile. Il est lavé au moins une fois par jour. Le balayage à sec est interdit.

L'utilisation d'eau non potable est interdite dans les locaux où sont élaborées ou servies les denrées alimentaires.

Section 2 : De l'hygiène sur la distribution, commercialisation et consommation des denrées alimentaires

Article 45.- Aucune denrée alimentaire, aucun additif alimentaire et aucun complément alimentaire ne peuvent être distribués, commercialisés, consommés s'ils sont dangereux : préjudiciables à la santé et impropres à la consommation humaine.

Article 46.- Les denrées alimentaires et produits d'origine animale ayant été nourris avec des « concentrés protéiques essentiels » interdits par les normes sanitaires en vigueur sont considérés comme impropres à la consommation. Leur commercialisation et leur introduction sont interdites sur l'ensemble du territoire de la Commune Urbaine de Toamasina.

De même, les produits d'origine animale atteints de maladies infectieuses dangereuses ou mortelles, telles que la fièvre aphteuse ou la grippe aviaire, telles que déclarées par les autorités sanitaires compétentes, sont impropres à la consommation et leur vente ainsi

Andininy faha-47.- Ny vokatry avy amin'ny zava-maniry na ara-pambolena izay avy amin'ny Zava-manan'aina novaina fototarazo na « *Organismes Génétiquement Modifiés* » (OGM) ka tsy nahazo fankatoavana ara-dalàna na ara-pahasalamana araka ny fitsipika manan-kery, dia heverina ho mety hampidi-doza amin'ny fahasalaman'olombelona.

Voarara ny fivarotana sy ny fampidirana ireo vokatry OGM tsy nahazo fankatoavana ara-dalàna ao anatin'ny faritry ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.

que leur introduction sont interdites dans le ressort territorial de la Commune Urbaine de Toamasina.

Article 47.- Les produits végétaux ou agricoles issus d'Organismes Génétiquement Modifiés (OGM) qui ne disposent pas d'une autorisation légale ou sanitaire conforme aux réglementations en vigueur sont réputés susceptibles de présenter un risque pour la santé humaine.

La commercialisation et l'introduction des produits OGM non autorisés sont interdits sur le territoire de la Commune Urbaine de Toamasina.



BOKY FAHA-II. MIKASIKA NY FANADIOVANA AN-TANÀN-DEHIBE

LOHATENY 1 : Ny fitantanana ny rano maloto sy ny fako

Toko voalohany : Ny fitantanana ny rano maloto

Sokajy 1 : Ireo fepetra iraisana

Andininy faha-48.- Ny rano dia fananan'ny Fanjakana tsy azo amidy, ary anisan'ny fananam-bahoaka iombonana.

Araka ny voalazan'ny Lalàna laharana 98-029 tamin'ny 20 janoary 1999, momba ny Fehezan-dalàna mifehy ny Rano, dia : “ny fanambarana ny maha-zava-dehibe ho an'ny daholobe ny loharano, ary koa ny fameperana sy ny zo mifandray amin'izany, dia fehezin'ny lalàna manan-kery amin'izany, indrindra ireo fepetra voarakitra ao amin'io lalàna io.”

Ny rano ambany tany dia ahitana ny rano an-kibon'ny tany sy ny loharano. Ireo dia raisina ho toy ny rano ambonin'ny tany, ary anisan'ny fananam-bahoaka ihany koa.

Andininy faha-49.- Ny fanadiovana an-tanàn-dehibe dia rafitra ara-teknika sy ara-dalàna mirindra. Izy io dia mikendry ny hampifanaraka sy hampirindra izay asa fanadiovana rehetra ao amin'ny Kaominina ary hametraka rafitra fiaraha-miasa amin'ireo sehatra rehetra, na an'ny fanjakana na tsy miankina, liana amin'ny fanadiovana.

Andininy faha-50.- Araka ny voalazan'ny andininy faha-20 ao amin'ny Lalàna laharana 98-029 tamin'ny 20 janoary 1999, mifehy ny rano, dia milaza fa: “Anjaran'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana na ny orinasa tsirairay, ny miantoka ny fanariana ny rano maloto rehetra raisiny, amin'ny fomba manaja ny tanjona

LIVRE II : DE L'ASSAINISSEMENT URBAIN

TITRE 1 : De la gestion des eaux usées et des déchets

Chapitre 1 : De la gestion des eaux usées

Section 1 : Dispositions communes

Article 48.- L'eau est un bien public relevant du domaine public, il est interdit de le vendre.

Selon les dispositions de la Loi n°98-029 du 20 Janvier 1999 portant code de l'eau, « la déclaration d'utilité publique des sources, ainsi que les servitudes et les droits qui en découlent, sont régies par les textes en vigueur en la matière, et en particulier par les dispositions de ladite loi ».

Les eaux souterraines sont constituées par les eaux contenues dans les nappes aquifères et les sources. Elles font partie du domaine public au même titre que les eaux de surface.

Article 49.- L'assainissement urbain est constitué d'un ensemble technique et juridique cohérent. Elle vise à harmoniser les opérations d'assainissement de la Ville et établir un protocole de collaboration avec toutes les entités publiques ou privées intéressées par l'assainissement.

Article 50.- Selon les dispositions de l'article 20 de la Loi n°98-029 du 20 janvier 1999 portant Code de l'Eau, « il appartient à toute collectivité, établissement ou entreprise d'assurer l'évacuation des eaux de toutes natures qu'ils reçoivent dans des conditions

napetraka ho fiarovana sy fanatsarana ny kalitaon'ny tontolo iainana mandray izany.”

Na ahoana na ahoana, ny rano maloto avy amin'ny tokantrano sy ny ranon'orana dia tsy maintsy anaovana rafitra fanadiovana iombonana. Ny fanadiovana ireo rano ireo dia isan'ny andraikitra azon'ny Kaominina faritana, araka ny voalazan'ny andininy faha-22 sy faha-23 ao amin'ny Fehezan-dalàna mifehy ny Fahasalamana, mba hiantohana ny fahadiovan'ny tanàna.

Ny fanadiovana iombonana ny rano maloto avy amin'ny tokantrano dia mikasika ny fanangonana sy fanodinana ireo rano maloto ataon'ny mpampiasa azy, aorian'ny fampiasana ny rano avy amin'ny rafitra famatsiana rano fisotro madio.

Andininy faha-51.- Ny fanorenana rehetra ao anatin'ny fari-piadian'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina dia tsy maintsy manana fahazoan-dalana hanorina.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-14 ao amin'ny Lalàna laharana 2015-052, momba ny fandaminana ny tanàna sy ny toeram-ponenana, dia : “ny Ben'ny Tanàna no manome ny fahazoan-dalana hanorina, hizara tany na handrava trano, araka ny fitsipika nasionaly momba ny fandaminana ny tanàna, nefa tsy manilika ny fampiharana ireo fepetra nasionaly sy manokana mifehy faritra sy sehatra sasany.”

Andininy faha-52.- Voarara ny fanatanterahana asa na fanorenana izay manakana ny fikorianan'ny rano ara-dalàna :

1. Ny riaka sy ny rano maloto avy amin'ny rafitra fidiovana iombonan'ny be sy ny maro ;
2. Ny riaka sy rano maloto avy amin'ireo trano fonenana sy trano mifanolo-bodirindrina.

qui respectent les objectifs fixés pour le maintien et l'amélioration de la qualité des milieux récepteurs ».

En tout état de cause, les eaux usées d'origine domestique ainsi que les eaux pluviales doivent faire l'objet d'assainissement collectif. L'assainissement des eaux usées domestiques et des eaux pluviales est au nombre des mesures que la Commune peut affiner selon les dispositions des articles 22 et 23 du Code de la santé en vue d'assurer la salubrité des agglomérations.

L'assainissement collectif des eaux usées domestiques concerne l'évacuation et le traitement des eaux usées par les consommateurs après avoir été distribuées par les systèmes d'approvisionnement en eau potable.

Article 51.- Toute construction sur le territoire de la Commune Urbaine de Toamasina doit faire l'objet d'un permis de construire.

Selon les dispositions de l'article 14 de la Loi n°2015-052 relative à l'Urbanisme et à l'Habitat, « le Maire délivre le permis de construire, le permis de lotir et/ou de démolir en utilisant le règlement national d'urbanisme sans préjudice de l'application des prescriptions nationales et des prescriptions particulières régissant certaines parties du territoire et certains secteurs d'activités ».

Article 52.- Il est interdit d'effectuer des activités ou des constructions obstruant les drainages adéquats :

1. Des eaux pluviales et usées aux ouvrages d'assainissement public ;
2. Des eaux pluviales et usées des habitations et des bâtiments voisins.

Sokajy 2 : Rano maloto avy amin'ny tokantrano

Andininy faha-53.- Araka ny voalazan'ny andininy faha-199 sy ao amin'ny Lalàna laharana faha-2015-052 momba ny fandaminana ny tanàna sy ny toeram-ponenana, dia “ny tompon-trano rehetra dia tsy maintsy manisy foto-drafitrasa fanariana sy famoahana rano maloto ny trano fonenana tsirairay”.

Ireo foto-drafitrasa fanariana sy famoahana rano maloto ireo dia tsy maintsy miasa araka ny tokony ho izy, ary tokony hotehirizina sy hokarakarina araka ny fepetra tokony ho izy.

Andininy faha-54.- Tsy azo avela hisy tambajotra fanadiovana manokana ho an'ny rano maloto ao amin'ny faritra iray raha toa ka voakasiky ny tambajotra fanadiovana iombonana izany. Ny tompony rehetra voakasik'io foto-drafitrasa manokana io dia tsy maintsy mangataka fampifandraisana eny amin'ny sampan-draharaha mahefa ao amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.

Andininy faha-55.- Raha toa ka efa nisy tambajotra fanadiovana rano maloto manokana napetraka tao amin'ny faritra iray talohan'ny fametrahana ny tambajotra fanadiovana iombonana, dia voatery ny tompony na ny mpampiasa hanao fangatahana na fanambarana sy fisoratana anarana ao amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina mikasika ny fampiasana izany foto-drafitrasa izany.

Raha toa ka efa misy tambajotra fanadiovana rano maloto manokana, dia azo avela ny fitohizan'ny fampiasana azy amin'ny alalan'ny fankatoavana ara-panjakana avy amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina, raha toa ka voaporofa fa sarotra ara-teknika na ara-bola ny fametrahana na ny fampifandraisana amin'ny tambajotra fanadiovana iombonana.

Section 2 : Des eaux usées domestiques

Article 53.- Selon les dispositions des articles 199 et suivants de la Loi n°2015-052 relative à l'Urbanisme et à l'Habitat, « tout propriétaire d'habitation pourvoit son habitation de systèmes d'évacuations et/ou de traitement des eaux usées ménagères ».

Des systèmes d'évacuations et de traitement doivent être fonctionnels et hygiéniquement entretenus.

Article 54.- Aucun système d'assainissement individuel des eaux usées ne doit subsister sur une propriété si cette dernière est desservie par un réseau d'assainissement collectif. Tout propriétaire desservi par ce réseau a pour obligation de demander son raccordement auprès du service compétent de la Commune Urbaine de Toamasina.

Article 55.- Lorsqu'un système individuel d'assainissement des eaux usées a été installé dans une zone avant la mise en place du réseau collectif d'assainissement, le propriétaire ou l'utilisateur est tenu de déclarer et de faire enregistrer ce dispositif auprès de la Commune Urbaine de Toamasina.

Lorsqu'un système individuel d'assainissement existe déjà, son maintien peut être autorisé par décision administrative de la Commune Urbaine de Toamasina, s'il est établi que le raccordement au réseau collectif d'assainissement est techniquement ou financièrement difficile.

Les installations et dispositifs individuels d'assainissement doivent être conçus, installés et entretenus conformément aux normes techniques et sanitaires en vigueur, afin d'éviter toute stagnation des eaux susceptible de favoriser la prolifération des moustiques vecteurs de maladies, ainsi que les nuisances olfactives et la pollution de l'environnement.

Ny fametrahana sy fikojakojana ireo tambajotra fanadiovana manokana dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny fenitra teknika sy ara-pahasalamana manan-kery, mba hisorohana ny fitobian'ny rano izay mety hampitombo ny fiparitahan'ny moka mitondra aretina, ary koa ny fofona manelingelina sy ny fandotoana ny tontolo iainana.

Toko faha-2 : Ny fitantanana ireo rano maloto indostrialy

Sokajy 1 : Ireo rano maloto indostrialy na mitovitovy aminy

Andininy faha-56.- Misy fandotoana ny toerana mandray rano rehefa misy fivoahan'ny akora avy amin'ny orinasa mpanodina izay, noho ny toetrany, ny fivangongonany na ny faharetany, dia manimba sy manakorontana ilay toerana mandray rano, miteraka fanelingelenna na loza ho an'ny fahasalaman'ny be sy ny maro, ny fiarovana, ny fahadiovana, manimba ny tontolo iainana anaty rano sy ny faritra mando ary miteraka fahasimban'ny rano an-kibon'ny tany.

Andininy faha-57.- Araka ny fepetra mifehy ny fitantanana ny rano maloto indostrialy na mitovitovy aminy, dia “mihatra amin'ity Fehezan-dalàna monisipaly ity ihany koa ireo fepetra ireo.”

Andininy faha-58.- Ny rano avy amin'ireo toeram-pamokarana indostrialy na mitovitovy aminy dia tsy azo ariana velively ao amin'ny tambajotra fanadiovana iombonana. Tsy maintsy atao fanodinana mialoha izany ary tsy maintsy mifanaraka amin'ny fepetra voafaritra ao amin'ny drafitra takiana ara-tontolo iainana an'ilay toeram-piasana voakasika.

Chapitre 2 : De la gestion des eaux usées industrielles

Section 1 : Des eaux usées industrielles ou assimilés

Article 56.- Il y a pollution du milieu récepteur quand il y a émission de substances provenant de rejets d'installations industrielles qui, par leur nature, leur degré de concentration et leur persistance, déséquilibrent et dégradent le milieu récepteur, créent des inconvénients ou des dangers pour la santé, la sécurité, l'hygiène et la salubrité publiques, altèrent les écosystèmes aquatiques des sites et des zones humides et provoquent la dégradation des eaux souterraines.

Article 57.- Selon les dispositions réglementaires régissant la gestion des eaux usées industrielles ou assimilées, « ces dispositions sont applicables à la présente réglementation municipale ».

Article 58.- Les eaux provenant d'établissements industriels ou assimilés ne peuvent en aucun cas être déversées dans les réseaux d'assainissement collectifs. Elles doivent subir un traitement préalable et se conformer aux recommandations du cahier des charges environnemental et/ou du plan d'engagement environnemental de l'établissement concerné.

Andininy faha-59.- Ho fiarovana ny tontolo iainana, ny fahadiovana ho an'ny daholobe, ary ny fitandrovana ny foto-drafitrasa, dia voarara tanteraka ny manary mivantana na ankolaka, ao amin'ny tambajotra fanadiovana iombonana na amin'ny toerana ho an'ny be sy ny maro, ireto manaraka ireto :

- menaka efa nampiasaina na tsy mbola nampiasaina ;
- ranon-javatra mpandevona sy karazana solika rehetra ;
- menaka sy loko ;
- rano avy amin'ny fanodinana sakafo.

Sokajy 2 : Ny fanadiovana iombonana: fikojakojana ny tambajotra

Andininy faha-60.- Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-19, andalana faha-2 ao amin'ny Lalàna laharana 98-029 tamin'ny 20 janoary 1998, momba ny Rano, dia toy izao ny voalaza: "Ny tambajotra fanadiovana iombonana ny rano maloto avy amin'ny tokantrano dia ny famoahana sy ny fanodinana ny rano maloto avy amin'ny mpanjifa, tao aorian'ny nitsinjarana azy tamin'ny alalan'ny tambajotra famatsiana rano fisotro madio."

Andininy faha-61.- Ny tambajotra fanadiovana dia tsy maintsy amboarina, apetraka ary havaozina amin'ny fomba izay ahafahana mikojakoja azy ary mampihena ny famoahana fofona ratsy.

Ny mpiasan'ny Kaominina sy ny mpiasan'ny sampan-draharaha miandraikitra ny fanadiovana ao ambonivohitra ihany no manan-jo hanao sy hiantoka ny asa fikojakojana ny tambajotra fanadiovana iombonana.

Raha ilaina noho ny hamehana, dia afaka manentana ny vahoaka ny Sefo Fokontany mba hanao asa ilaina hanarenana avy hatrany ny tsy fahatomombanana hita ao amin'ny tambajotra fanadiovana iombonana ;

Article 59. Soucieux sur la protection de l'environnement, de la salubrité publique et de la préservation des installations, il est interdit de déverser dans les réseaux d'assainissement collectifs, ou dans les lieux publics directement ou indirectement :

- Les huiles usagées ou non ;
- Les solvants et les carburants ;
- Les graisses et les peintures ;
- Les eaux issues de transformation alimentaire.

Section 2 : De l'assainissement collectif: entretien des réseaux

Article 60.- Selon les dispositions de l'article 19, alinéa 2, de la Loi n°98-029 du 20 janvier 1998 relative au Code de l'Eau, « l'assainissement collectif des eaux usées domestiques concerne l'évacuation et le traitement des eaux usées par les consommateurs après leur distribution par les systèmes d'approvisionnement en eau potable ».

Article 61.- Les réseaux d'assainissement sont conçus, implantés et réhabilités de façon à ce que leur fonctionnement et leur entretien minimisent l'émission d'odeurs,

Les agents de la Commune ou les agents de l'organisme public chargé de l'assainissement urbain sont seuls habilités à assurer l'entretien des réseaux collectifs d'assainissement ;

Si l'urgence le justifie, le Chef Fokontany peut mobiliser la population pour procéder aux travaux nécessaires en vue de faire cesser les dysfonctionnements constatés sur le réseau d'assainissement collectif ;

Le Chef Fokontany avisera dans les meilleurs délais la Commune ou l'organisme public chargé de l'assainissement urbain de la situation constatée et des travaux qu'ils ont entrepris ;

Ny Sefo Fokontany dia tokony hampandre haingana araka izay tratra ny Kaominina na ny sampan-draharaha tompon'andraikitra amin'ny fanadiovana ao ambonivohitra momba ny zava-misy hita sy ny asa efa natao ;

Raha mitaky izany ny zava-misy, dia azo tanterahina amin'ny alina ny asa fikojakojana sy fanarenana, mba tsy hanelingelina ny fitoniana sy ny fivezivezen'ny mponina.

Andininy faha-62.- Ny tompon-trano sy ny mpanofa trano rehetra dia voatery mandray ny fepetra rehetra ilaina hahazoana antoka fa mivoaka tsara ny rano avy amin'ny fantsona fanariana ny ranon'orana, ka tsy manimba na manelingelina ny tanin'ny hafa.

Andininy faha-63.- Ny fitaovana rehetra ampiasaina amin'ny fivoahan'ny rano (toy ny fantsona, tatatra, lakan-drano, sns.) dia tsy maintsy tandrovana ho madio ary tsy mitete. Tsy maintsy diovina araka izay ilaina ireo fitaovana ireo. Voarara tanteraka ny fanariana mivantana ny rano avy amin'ny tafon-trano na avy amin'ny trano avo rehetra ho any amin'ny lalam-bahoaka.

Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-12 sy faha-19 ao amin'ny Lalàna laharana 98-029 sy ny Didim-panjakana fampiharana azy laharana 2003-943 tamin'ny 9 septambra 2003, momba ny fandatsahana, fikorianana, fanariana na fametrahana mivantana na ankolaka amin'ny rano ambonin'ny tany na ambanin'ny tany, dia toy izao no voalaza :

1. Ny trano vaovao rehetra izay miorina akaikin'ny lalam-bahoaka na toerana iombonan'ny be sy ny maro, ka misy tambajotra fanadiovana iombonana ho an'ny ranon'orana, dia tsy maintsy ampitaovana fantsona famoahana rano mba hahafahana mandefa mivantana ao anatin'izany tambajotra iombonana izany ny rano avy amin'ny orana sy ny rano fampiasana ao an-tokantrano.

Si les circonstances l'exigent, les travaux d'entretien peuvent être effectués pendant la nuit.

Article 62.- Tous propriétaires ou occupants doivent prendre les mesures nécessaires à l'écoulement des eaux pluviales dans les égouts sans porter atteinte ou entrave à la propriété d'autrui.

Article 63.- Tous les ouvrages d'évacuation (gouttières, chéneaux, tuyaux de descente etc.) doivent être maintenus en bon état de fonctionnement et d'étanchéité. Ils doivent être nettoyés autant qu'il est nécessaire. Il est interdit tout rejet direct d'eau pluviale provenant de toiture de tout type d'habitation et d'immeuble sur la voie publique.

Selon les dispositions des articles 12 et 19 de la Loi n° 98-029 et de son Décret d'application n° 2003-943 du 9 septembre 2003 relatif aux déversements, écoulements, rejets, dépôts directs ou indirects dans les eaux superficielles ou souterraines :

1. Toute construction nouvelle à proximité de la voie publique ou d'une servitude publique où existe un réseau collectif d'assainissement des eaux pluviales doit être disposée des canaux d'évacuation de manière à y déverser directement les eaux pluviales et ménagères. Le propriétaire a pour obligation de demander le raccordement à ce réseau collectif auprès de la Commune Urbaine de Toamasina ;

Ny tompon-trano dia manana adidy hanatitra fangatahana any amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina mba hampifandraisana amin'io tambajotra iombonana io ;

2. Ho an'ny trano efa naorina sy ny faritra manodidina azy (tokotany, zaridaina, tany, sns.), dia tsy maintsy tsetseman'ny tompony ireo lavaka sy toerana mitroka rano. Ny tompon-trano na ny mpanofa trano dia manana adidy handray ny fepetra rehetra ilaina mba hiantohana ny fivoahan'ny rano rehetra, mba hisorohana ny rano miandrona avy amin'ny orana, fanasana na riaka.

LOHATENY 2 : Ny fitantanana ny diky sy ny fako mivaingana an-tanàn-dehibe

Toko voalohany: Ny diky

Sokajy 1 : Ireo fepetra ankapobeny

Andininy faha-64.- Araka ny voalazan'ny andininy faha-64 ao amin'ny Lalàna laharana 2011-002 mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny fahasalamam-bahoaka, dia “andraikitry ny manam-pahefana ara-panjakana sy ara-pahasalamana ny miantoka ny fanadiovana ny tontolo iainana sy ny foto-drafitrasa fototra mifandraika amin'ny famatsiana rano fisotro madio, ny fanesorana ny diky sy ny fako ao an- tokantrano”.

Andininy faha-65.- Ireo manam-pahefana ireo dia tsy maintsy miantoka ny fanarahana hentitra ny fitsipika momba ny fahadiovan'ny tontolo iainana sy ny toeram-ponenana, ary ny fahadiovan' ny sakafo amin'ny dingana rehetra : famokarana, fanodinana ary fimarotana.

Andininy faha-66.- Ao anatin'ny fampiroboroboana ny ady amin'ireo areti-mifindra mahafaty sy mora miparitaka, toy ny pesta sy ny kolerà, ny fametrahana trano fidiovana ary ireo fitaovana fitaterana, fanangonana ary fanariana fako manaraka ny fenitra

2. Dans les immeubles bâtis et leurs dépendances (cours, jardins, terrain, etc...), les trous et excavations du sol doivent être comblés par les propriétaires. Dans les terrains bâtis, les propriétaires ou les occupants doivent prendre toutes les dispositions pour assurer l'écoulement des eaux de toute provenance et pour éviter la formation d'eaux stagnantes provenant des pluies, des lavages et des irrigations.

TITRE 2 : De la gestion des excréta et des déchets solides urbains

Chapitre 1 : Des excréta

Section 1 : Des dispositions générales

Article 64.- Selon les dispositions de l'article 64 de la Loi n° 2011-002 portant Code de la Santé, « il appartient aux autorités administratives et sanitaires de veiller à l'assainissement du milieu ainsi qu'à celui des infrastructures de base concernant l'approvisionnement en eau potable, l'évacuation des excréta et des ordures ménagères ».

Article 65.- Les autorités administratives concernées doivent veiller à la stricte observation des prescriptions relatives à l'hygiène du milieu et de l'habitat et à la salubrité des denrées alimentaires à tous les stades : fabrication, transformation, mise en vente.

Article 66.- Dans le cadre de la promotion de la lutte contre les maladies épidémiques mortelles et contagieuses, dont la peste et le choléra, la mise en place des latrines ainsi que des équipements de transport, de collecte et d'élimination des déchets, répondant aux normes d'hygiène exigées dans les villages et les quartiers qui en sont dépourvus, relève des obligations des Communes et des Collectivités concernées.

ara-pahadiovana takiana any amin'ireo vohitra sy faritra izay mbola tsy manana izany, dia andraikitry ny Kaominina sy ireo Vondrom-bahoakam-paritra voakasika

Sokajy 2 : Ny trano fivoahana ao an-trano sy ny trano fivoahana ao amin'ny toerana misokatra ho an'ny daholobe

Andininy faha-67.- Araka ny voalazan'ny andininy faha-23 ao amin'ny Lalàna laharana 2015-052 mikasika ny fandaminana ny tanàna sy ny toeram-ponenana, dia “ny famatsiana rano fisotro madio sy ny fanadiovana ireo trano fonenana rehetra sy ny toerana rehetra azo ampiasaina amin'ny asa, amin'ny antoandro na alina, na amin'ny fakan'aina na fialam-boly, ary koa ny fanalana, fanadiovana ary fanariana ny rano maloto, dia tsy maintsy tanterahina araka ny fepetra mifanaraka amin'ny fitsipika manan-kery sy ny vinavinan'ireo tetikasa famatsiana rano fisotro madio sy tetikasa fanadiovana ”.

Andininy faha-68.- Ny tompon-trano rehetra sy ny tompon'ireo toerana misokatra ho an'ny daholobe dia tsy maintsy mametraka kabone na trano fivoahana manaraka ny fenitra ara-pahasalamana sy ny fepetra ara-teknika apetraky ny Kaominina.

Andininy faha-69.- Miainga amin'ny drafi-pandaminana efa napetraka, ny Kaominina no mamaritra ny karazana toeram-pivoahana hapeetraka araka ny firafitry ny tany, ny halalin'ny rano ambanin'ny tany, ary ny mety hisian'ny tondra-drano eo amin'ilay toerana.

Ny fananganana sy ny fampiasana ny toeram-pivoahana dia tsy maintsy manaraka ny fepetra ara-teknika mikasika ny fitanan-kanaka, ny fahafaha-mitahiry, ny endrika, ny toerana ary ny rivotra miditra sy mivoaka. Ireo fepetra ara-teknika ireo dia voafaritry ao amin'ny boky torolalana navoakan'ny Kaominina, izay azo jerena maimaim-poana ao amin'ny Lapan'ny Tanàna Toamasina.

Section 2 : Des Toilettes domestiques et toilettes dans les bâtiments recevant du public

Article 67.- Selon les dispositions de l'article 23 de la Loi n° 2015-052 portant Code de l'Urbanisme et de l'Habitat, « l'alimentation en eau potable et l'assainissement de toute construction à usage d'habitation et de tout local pouvant servir de jour ou de nuit de travail, au repos ou à l'agrément, ainsi que l'évacuation, l'épuration et le rejet des eaux résiduaires, doivent être assurés dans des conditions conformes aux règlements en vigueur, aux prévisions des projets d'alimentation en eau potable et d'assainissement ».

Article 68.- Tout propriétaire d'habitation et tout propriétaire de bâtiments recevant du public pourvoit son habitation de toilette fonctionnelle, hygiénique et conforme à la réglementation en vigueur.

Article 69.- La Commune, à partir d'un zonage préalablement effectué, définit le type de toilette à installer suivant la structure de sol, la profondeur de la nappe souterraine et le risque d'inondabilité de la zone. Toutes les constructions et extensions doivent suivre les dispositions techniques prédéfinies.

La construction et le fonctionnement des toilettes obéissent à des critères d'étanchéité, de capacité, de forme, de situation et de ventilation. Ces dispositions techniques font l'objet d'un catalogue établi par la Commune. Ce catalogue est disponible et consultable gratuitement au sein de la Mairie de Toamasina.

Andininy faha-70.- Voarara tanteraka ny fanariana mivantana ny diky avy amin'ny trano fivoahana ho any amin'ny fantsona iombonana nefa tsy mandalo amin'ny lavapiringa (fosse septique).

Voarara ny mampiasa trano fivoahana tsy manaraka ny fahadiovana, ary koa ny mampiasa lavapiringa mandra-pahafeno tanteraka na mandra-pisehoan'ny tsy fetezan'ny rafitra.

Andininy faha-71.- Ny trano fivoahana dia heverina ho tsy manara-penitra raha toa ka voamarina ny :

- fandotoana ny tany manodidina ;
- fofona mahery sy maharitra ;
- tsy fahampian'ny fikojakojana araka ny tokony ho izy ;
- fahalotoana amin'ny ankapobeny.

Ireo fanamarinana ireo dia mety ho vokatry ny :

- fanaraha-maso tampoka ataon'ny borigady misahana ny Fanadiovana sy ny Fidiovana;
- na tatitra avy amin'ny mpampiasa na ny Sefo Fokontany, arahin'ny fanamarinana ataon'ny sampan-draharaha mahefa.

Ny lavapiringa dia heverina ho tsy mandeha araka ny tokony ho izy raha tsy mahavita araka ny tokony ho izy ny asany amin'ny fanalana na fanodinana ny rano maloto, indrindra amin'ireo tranga manaraka ireto :

- fisian'ny fofona mahery sy maharitra manodidina ny toeram-pivoahana ;
- fisian'ny tany mando, rano miangona na fiovan'ny lokon'ny tany eo akaikin'ny lavaka ;
- tsy fandehanan' ny rano amin'ny toeram-pivoahana, na fisian'ny fiverenan-drano ao amin'ny fantsona ;
- triatra hita maso na fahasimbana eo amin'ny sarony ;

Article 70.- Tout rejet direct des excréta venant des toilettes ou des pots de chambre dans les canalisations publiques sans passer par une fosse septique est interdit.

Il est interdit d'utiliser une toilette insalubre ainsi que de faire fonctionner des fosses d'aisance jusqu'à complète obstruction ou dysfonctionnement de la fosse.

Article 71.- Une toilette est déclarée insalubre lorsqu'il est constaté, notamment :

- une pollution du sol environnant ;
- des odeurs fortes et persistantes ;
- un défaut d'entretien manifeste ;
- un état général de malpropreté ;

Ces constats peuvent résulter :

- soit d'un contrôle inopiné effectué par la Brigade d'Assainissement et d'Hygiène ;
- soit d'un signalement émanant des usagers ou du Chef de Fokontany, suivi d'une vérification par les services compétents.

Une fosse est déclarée en état de dysfonctionnement lorsqu'elle ne remplit plus correctement sa mission d'évacuation ou de traitement des eaux usées, notamment dans les cas suivants :

- présence d'odeurs fortes et persistantes autour des installations sanitaires ;
- sol humide, eau stagnante ou coloration anormale du sol à proximité de la fosse ;
- mauvaise évacuation des toilettes ou refoulement dans les canalisations ;
- fissures apparentes, débordement ou défaut d'étanchéité au niveau du couvercle ;

- tsy voaodina araka ny tokony ho izy ny vokatra mivoaka avy aminy.

Ny fanambarana fa tsy manara-penitra ara-pahadiovana ny trano fivoahana na misy tsy fetezana ny lavapiringa dia apetraka araka ny tatitra fanamarinana nataon'ny borigady misahana ny Fanadiovana sy ny Fidiovana.

Io fanambarana io dia mety hitarika, raha ilaina, fepetra ara-pitantanana, toy ny fandrarana vonjimaika na maharitra ny hipetraka amin'ilay toerana voakasika, araka ny fepetra manan-kery.

Andininy faha-72.- Ny kabone ivelan'ny trano fonenana dia tsy azo aorina amin'ireo faritra mety hanakorontana ny fahadiovana sy ny fikojakojana ny lalam-bahoaka.

Noho ny rariny, dia avo roa heny ny sazy ho an'ny tompon-trano misokatra ho an'ny daholobe noho ny sazy ho an'ny tompon-trano fonenana.

Sokajy 3 : Momba ny fotaka maloto

Andininy faha-73.- Voarara tanteraka ny fanariana fotaka maloto ao amin'ny hady fitehirizana fotaka rehetra, amin'ny toerana rehetra, raha tsy araka ireto fepetra manaraka ireto :

1. Ny fotaka avy amin'ny fanadiovana dia tehirizina vonjimaika ao anaty sinibe tsy mitete sy voasarona, izay hoentina sy hariana any amin'ny toerana voatokana ho amin'izany;
2. Ny fotaka avy amin'ny fanadiovana dia ariana ao amin'ny toerana fanodinana ny fotaka maloto (STBV), voatokana ho amin'izany ;
3. Ny fotaka avy amin'ny fanadiovana dia ariana any amin'ireo toerana vonjimaika akaiky efa voamana sy natokana ho amin'izany ;

- évacuation de sous-produits insuffisamment traités.

La déclaration d'insalubrité d'une toilette ou de dysfonctionnement d'une fosse est établie sur la base d'un rapport de constatation dressé par la Brigade d'Assainissement et d'Hygiène.

Cette déclaration peut, le cas échéant, entraîner des mesures administratives, notamment l'interdiction temporaire ou définitive d'habiter les lieux concernés, conformément aux dispositions réglementaires en vigueur.

Article 72.- Les toilettes à l'extérieur des bâtiments d'habitation ne sont pas autorisées dans les zones susceptibles de perturber le nettoyage et l'assainissement des voies publiques.

Pour des raisons d'équité, les niveaux de sanctions des propriétaires de bâtiments recevant du public est le double de ceux des propriétaires d'habitation.

Section 3 : Des boues de vidange

Article 73.- Sont interdits les déversements des boues de vidange de tout type de fosses, en quelque lieu que ce soit, sauf s'ils sont effectués dans les conditions suivantes :

1. Les boues de vidange sont temporairement conditionnées dans des citernes étanches et couvertes, qui seront transportées et déversées vers un site prévu à cet effet ;
2. Les boues de vidange sont déversées à la Station de Traitement des Boues de Vidange (STBV) prévu à cet effet ;
3. Les boues de vidange sont déversées dans des sites tampons de proximité aménagés et prévu à cet effet ;

4. Ny fotaka avy amin'ny fanadiovana dia alevina ao amin'ny toerana fanariana izay voamarina sy neken'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina, araka ny fepetra manokana voafaritra ao anatin'ny drafitrasa fanadiovana.

Andininy faha-74.- Raha tsy araka ireo fepetra mazava voarakitra ao anatin'ny fahazoan-dalana ara- tontolo iainana an'ny tompon'asa na mpandraharaha, dia voarara tanteraka ny fanariana ao amin'ny toerana fanodinana ny fotaka maloto ireto karazana loto manaraka ireto :

- ireo loto avy amin'ny fanadiovana tambajotra;
- ireo loto avy amin'ny fanadiovana na fanesorana misy akora toy ny hidirôkarbiora, karazana asidra, solifara, ;
- ireo zavatra sy akora mivaingana, ranon-javatra na entona mampidi-doza na mora mirehitra ;
- ireo fako an-tokantrano, na dia efa nototoina aza ;
- ireo fako an-tokantrano, raha tsy misy fepetra mialoha noraizin'ny tompon'andraikitra na ny mpitantana, mifanaraka amin'ny fahazoan-dalana ara-tontolo iainana amin'ny asa fanodinana;
- ireo fako indostrialy ;
- ireo fako avy amin'ny asa fitsaboana ;
- ireo rano maloto indostrialy.

Andininy faha-75.- Ny orinasa sy fikambanana rehetra manao asa fanalana fotaka maloto dia voatery manary izany ao amin'ny toerana fanodinana ny fotaka maloto, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-73 amin'ity Fehezan-dalana ity.

1. Ny asa fikaofana ny karazana lavapiringa rehetra dia tsy azo tanterahina afa-tsy amin'ny alalan'ny olona na orinasa na fikambanana nahazo alalana avy amin'ny Ben'ny Tanàna.

4. Les boues de vidange sont enfouies à la parcelle de vidange, technique préalablement agréée par la Commune Urbaine de Toamasina suivant les conditions spécifiques de son plan d'assainissement

Article 74.- Sauf disposition préalable du permis environnemental du maître d'ouvrage ou de l'exploitant, sont interdits les déversements dans les stations de traitement des boues de vidange :

- Les produits de curage des réseaux ;
- Les produits de vidange ou de curage contenant des hydrocarbures, des acides, des cyanures, des sulfures ;
- Les corps et matières solides, liquides ou gazeux nocifs ou inflammables ;
- Les déchets ménagers, même après broyage préalable ;
- Les ordures ménagères, sauf disposition préalable du maître d'ouvrage ou de l'exploitant en conformité avec son permis environnemental pour les activités de co-compostage ;
- Les déchets industriels ;
- Les déchets d'activités de soins ;
- Les eaux usées industrielles.

Article 75.- Toutes les entreprises et les sociétés de vidange sont soumises à l'obligation de déverser les boues vidangées au niveau de la station de traitement des boues de vidange et doivent respecter les dispositions citées dans l'Article 73 précité du présent Code.

1. Les opérations de vidange de tout type de fosses ne doivent être effectuées que par des personnes ou des entreprises ou des sociétés autorisées par le Maire.

Ny Kaominina dia mametraka lisitry ny mpanadio lavapiringa nahazo alalana hanao izany asa izany ao an-tanàna ary mampahafantatra izany amin'ny Fokontany. Noho izany, na ny tokantrano sy ireo tsy tokantrano mampiasa mpanadio lavapiringa tsy ao anatin'io lisitra io, na ireo mpanadio lavapiringa miasa nefa tsy voasoratra ao anatin'izany lisitra izany, dia saizana. Raha misy fanampiana na fanatsarana atao amin'io lisitra io, ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina dia manazava sy mampahafantatra ireo fanovana mifandraika amin'izany ;

2. Ny fikaofana lavapiringa dia tsy azo atao mandritra ny ora fisakafoana; ilaina ny mandray ny hevitr'ireo mpanadio lavapiringa momba ny ora marina. Arakaraka ny filàna ary ivelan'ireo ora ireo, dia azo atao amin'ny hariva sy amin'ny alina izany.

Andininy faha-76.- Araka ny fepetra voalazan'ny fahazoan-dalana ara-tontolo iainana an'ny tompon'asa na mpitantana ny toerana fanodinana ny fotaka maloto, dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny torolalana napetraky ny Fikambanana Iraisam-pirenena misahana ny Fahasalamana (OMS) ireo vokatry na akora azo avy amin'ny fanodinana ireo fotaka ireo, indrindra ireo torolalana momba ny fampiasana indray ny diky ho an'ny fambolena.

Andininy faha-77.- Ny fanodinana sy ny fanariana ny fotaka maloto ao amin'ny toerana fanodinana tantanan'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina, na notolorana amin'ny mpandraharaha, dia iharan'ny fandoavana sara raikitra na sara isaky ny metatra toratelo, araka ny taha voafaritry sy voasoratra ao anatin'ny fifanarahana fanolorana na ny fahazoan-dalana efa napetraka mialoha.

Elle met à disposition la liste de ces vidangeurs autorisés à effectuer ces activités dans la ville et communique celle-ci auprès des Fokontany. Ainsi, autant les ménages et non-ménages faisant appel à des vidangeurs en dehors de cette liste, que les vidangeurs opérant de la vidange ne figurant pas dans cette liste sont pénalisés. Si des ajouts ou des améliorations sont exécutés à cette liste, la Commune Urbaine de Toamasina clarifie et communique les changements correspondants.

2. Les vidanges ne peuvent pas s'effectuer pendant les heures de repas. L'avis des vidangeurs sont nécessaires concernant les horaires exacts. En fonction des besoins et en dehors de ces horaires, celles-ci pourront se faire durant les soirs et les nuits.

Article 76.- En corrélation avec le permis environnemental du maître d'ouvrage ou de l'exploitant de la station de traitement des boues de vidange, les caractéristiques des sous-produits issus de ces stations à valoriser par lui-même ou pour la vente doivent être conformes au moins aux directives de l'Organisation Mondiale de la Santé pour la réutilisation de l'excréta pour l'agriculture.

Article 77.- L'exploitation et le déversement des boues de vidange à la station de traitement des boues de vidange gérée ou déléguée par la Commune Urbaine de Toamasina donne lieu au paiement de redevance forfaitaire ou au mètre cube selon un tarif fixé et stipulé dans la convention de délégation ou de l'autorisation préétabli.

Toko faha-2 : Momba ny fako mivaingana an-tanàndehibe

Sokajy 1 : Momba ny fako avy amin'ny tokantrano sy ireo mitovy aminy

Andininy faha-78.- Ireto manaraka ireto dia heverina ho fako avy amin'ny tokantrano na mitovy aminy :

- Fako organika :
 - Ambina voankazo sy legioma ;
 - Ambin-tsakafo ;
 - Sakafo efa lany daty ;
 - Hoditry ny voankazo na legioma ;
 - Potin kafe ;
 - Akoran'atody.
- Fonosana :
 - Plastika sisa tavela (tavoahangy, harona, sarena plastika) ;
 - Baoritra sy fonosana vita amin'ny baoritra ;
 - Metaly (boaty, kapoaka) ;
 - Vera (tavoahangy, boaty).
- Fako sisa tavela :
 - Fako an-tokantrano toy ny taratasy mitroka sy servieta taratasy;
 - Fako ara-pahasalamana (mosara, fitaovana fidiovana).
- Fako avy amin'ny zaridaina :
 - Ravina maina ;
 - Voninkazo malazo;
 - Ahitra voatapaka.
- Zavatra isan-karazany :
 - Akanjo efa tonta ;
 - Kilalao simba ;

Chapitre 2 : Des déchets solides urbains

Section 1 : Des déchets ménagers et assimilés

Article 78.- Sont assimilés déchets ménagers :

- Des déchets organiques :
 - Restes de fruits et légumes ;
 - Restes d'alimentation ;
 - Déchets alimentaires périmés ;
 - Épluchures ;
 - Marc de café ;
 - Coquilles d'œufs.
- Des emballages :
 - Plastiques résiduels (bouteilles, sacs, films) ;
 - Cartons et emballages en carton ;
 - Métaux (canettes, boîtes de conserve) ;
 - Verre (bouteilles, bocaux).
- Des déchets résiduels :
 - Déchets ménager comme les papiers absorbants et serviettes en papier ;
 - Déchets sanitaires (mouchoirs, hygiène).
- Des déchets de jardin :
 - Feuilles ;
 - Fleurs fanées ;
 - Herbe coupée.
- Des objets divers :
 - Vêtements usagés ;
 - Jouets cassés ;

- Tapaka hazo, metaly na plastika.
- Fako tsy azo averina ampiasaina toy ny plastika sasany, tatinjaza, salaka am-behivavy.

Andininy faha-79.- Arakaraka ny halalahan'ny tokotany amin'ny tokantrano iray, ny fako avy amin'ny tokantrano dia azo alevina anaty tany; Raha toa ka tsy manimba ny fahadiovana sy ny fidiovan'ny manodidina izany.

Andininy faha-80.- Raha misy fitarainana avy amin'ny manodidina, dia ny Borigady misahana ny Fanadiovana sy ny Fidiovana (BAH) ihany no manan-jo hanamarina sy hanasazy araka ny tokony ho izy izay olona voakasika.

Andininy faha-81.- Ny fako tsy azo averina ampiasaina intsony (toy ny tatinjaza, plastika sasany, salaka) dia tsy maintsy fonosina anaty harona plastika alohan'ny hanangonana sy hanariana azy ao anaty dabam-pako.

Andininy faha-82.- Ny fako rehetra dia tsy maintsy ariana ao anaty dabam-pako ary angonin'ireo sampan-draharahan'ny fanadiovana "KALESA", amin'ny fotoana voafaritra napetraky ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.

Heverina ho fandikan-dalana ny fanariana fako ivelan'ny dabam-pako na amin'ny toerana tsy voatokana. Ireo fako ireo dia tsy maintsy ariana any amin'ny toerana fanariana ofisialy, ivelan'ny tokotany.

- Petits morceaux d'objets en bois ou en métaux ou en plastiques.
- Produits résiduels non recyclables (couches, certains plastiques), serviettes hygiéniques

Article 79.- Selon l'espace disponible auprès des ménages, les déchets ménagers peuvent être enfouis dans la parcelle. Cette technique ne doit toutefois pas gêner l'assainissement et l'hygiène du voisinage.

Article 80.- En cas de réclamation ou de plainte, la Brigade de l'Assainissement et de l'Hygiène est seule compétente pour trancher et sanctionner le responsable en question.

Article 81.- Tous Produits résiduels non recyclables (couches, certains plastiques), serviettes hygiéniques, doivent être emballés dans du sac en plastique avant d'être collectés et jetés dans les bacs à ordures.

Article 82.- Les ordures doivent être déposées dans les bacs à ordures et collecté par ses services « KALESA » prévus et aux horaires fixés par la Commune Urbaine de Toamasina.

Cependant, bien qu'acheminé sur le lieu, tout dépôt en dehors du bac à ordures est considéré comme une infraction. Ils sont déposés dans les décharges hors parcelle.

Andininy faha-83.- Ny fako an-tokantrano rehetra dia tsy tokony hisy vokatra na zavatra mety:

- hipoaka na handrehitra ny fako ;
- hanimba ny fitoeram-pako ;
- handratra ireo mpiasa misahana ny fanangonana fako ;
- hampidi-doza na hanasarotra ny fampidirana azy ao anatin'ny rafitra fitantanana fako.

Voarara ny mampifangaro ny diky na ny amany amin'ny fako an-tokantrano.

Andininy faha-84.- Ny fako rehetra izay mety handoto ny rano na hampidi-doza ny fahasalamam-bahoaka dia tsy maintsy esorina sy kajina mba hisorohana ny fandotoana ny rivotra, ny rano, ary ny tontolo iainana.

Anjaran'ny olona tsirairay na fikambanana izay mamokatra fako mivaingana ny mampiditra izany ao anatin'ny rafitra miantoka ny fiarovana ny tontolo iainana. Midika izany fa tsy maintsy sarahana aloha ny fako, avy eo fantenina, alohan'ny fanomezana lanja hafa azy amin'ny alalan'ny fanodinana, famadihana ho zezika na famokarana entona natoraly. Ny ambiny rehetra tsy ilaina dia apetraka any amin'ny fanariam-pako.

Andininy faha-85.- Voarara ny manipy:

- Eny amin'ny lalana sy ny manodidina azy, toy ny sisin-dalana, lakandrano, fantsona na tambajotra fandehanan'ny rano maloto, fako isan-karazany, fotaka, fako an-tokantrano, diky, fako avy amin'ny lakoza na zavatra hafa mety hiteraka fahasimbana, hanakana ny fikorianan'ny rano avy amin'ny orana, hanakorontana ny fivezivezena na hanimba ny fahadiovana sy ny filaminam-bahoaka;

Article 83.- Tous déchets ménagers ne doivent contenir aucun produit ou objet susceptible :

- d'exploser, d'enflammer les détritux ;
- d'altérer les récipients ;
- de blesser les préposés chargés de l'enlèvement des déchets ;
- de constituer des dangers ou une impossibilité pratique pour leur intégration dans le circuit des déchets.

Il est interdit tout mélange des matières fécales ou urinaires aux ordures ménagères.

Article 84.- Tous déchets qui sont de nature à polluer les eaux et, d'une manière générale, à menacer ou à porter atteinte à la santé de l'homme, doivent être éliminés afin de réduire la pollution de l'air, de l'eau ainsi que la dégradation de l'environnement.

Il appartient aux personnes physiques ou morales dont les activités sont à l'origine des déchets solides de les remettre dans le circuit garantissant la protection de l'environnement. C'est-à-dire qu'ils sont triés, puis collectés de manière sélective avant d'être valorisés par le biais du recyclage, du compostage ou de la production de biogaz. Tous les restes sont déposés à la décharge.

Article 85.- Il est interdit de jeter :

- Sur les voies et leurs dépendances tels que trottoirs, canaux et égout/caniveau d'évacuation d'eaux usées, des eaux insalubres, des immondices, boues, ordures ménagères, matières fécales, déchets de cuisine ou tout autre objet, susceptibles de causer des dégradations, d'entraver l'écoulement des eaux de pluie, de gêner la circulation ou de nuire à l'hygiène ou à la sécurité publique.

- Ao anatin'ny lakandrano, renirano, farihy na eny amin'ny morony dia voarara ny mandatsaka loto sy fako isan-karazany, anisan'izany ny diky sy ny rano misy menaka;
- Voarara ny mametraka ivelan'ny dabam-pako ireo fako avy amin'ny fanodinana letisy sy ireo voankazo amin'ny vanimpotoana hafa toy ny mananasy sy manga (garaba, ravinala ary fako avy amin'ny fanasokajiana).

Andininy faha-86.- Ny olona rehetra manao asa fivarotana, asa tanana na raharaha dia tsy maintsy mametraka rafitra manokana fitantanana ny fakony mifanaraka amin'izany asa izany. Ny mpamokatra fako ara-barotra na asa tanana dia tsy maintsy miantoka ny fahadiovan'ny toerana sy ny fitoeran'ny fako amin'ny alalan'ny fepetra mifanaraka amin'ny toetran'ny fako vokarina.

Andininy faha-87.- Ny Kaominina dia miantoka ny fametrahana, ny fahafahana mampiasa ary ny fikojakojana ny dabam-pako, araka ireto fepetra manaraka ireto :

1. Ny fahafahan'ny fiara mpanangona fako miditra, ny halavirana amin'ny trano fonenana, ny toerana ho an'ny daholobe, ny trano fandraisam-bahiny ary ny hôtely, raha azo atao;
2. Ny tsy fisian'ny fanelingelenana ho an'ny mponina sy ny mpandalo. Ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Fokontany dia miandraikitra ny fisafidianana ny toerana hametrahana ny dabam-pako mba hamaliana tsara ny filàn'ny fanangonana fako.

Sokajy 2 : Momba ny fako manokana (fako indostrialy, avy amin'ny fitsaboana, avy amin'ny biby, sns

Andininy faha-88.- Heverina ho fako manokana ireo fako tsy tafiditra ao anatin'ny sokajy voalazan'ny andininy faha-78 amin'ity Fehezan-dalàna ity ary mitaky fitantanana manokana noho ny toetrany, ny habeny na ny loza mety aterany amin'ny fahasalamam-bahoaka sy ny tontolo iainana.

- Dans les canaux, rivières, étangs ou déposer sur leurs berges des immondices, des détritux de toutes sortes y compris les matières fécales et les eaux grasses ;
- Hors des bacs à ordures, les déchets de traitement de litchis ainsi que les autres fruits saisonniers tels que ananas, mangue (garaba, ravalala et déchet de tri).

Article 86.- Toute personne exerçant une activité commerciale, artisanale ou de service doit prévoir une chaîne de gestion de ses déchets spécifique à cette activité. Le producteur de déchets à caractère artisanal ou commercial doit veiller à maintenir la propreté et la salubrité des locaux et conteneurs de stockage par les mesures appropriées à la nature des déchets produits.

Article 87.- La Commune assure la mise en place, la disponibilité et l'entretien des bacs à ordures, en tenant compte de :

1. De l'accessibilité par des véhicules de type camion ; la distance des lieux d'habitation, des lieux et espaces publics, des hôtels, des établissements de vente de denrées alimentaires si les circonstances le permettent ;
2. De l'absence de gêne pour les riverains et les passants. Les responsables au niveau des Fokontany sont chargés de proposer l'emplacement des bacs à ordures de manière à répondre efficacement aux attentes des mesures de la pré-collecte et la collecte.

Section 2 : Des déchets spéciaux (déchet industriel, médical, animal, ...)

Article 88.- Sont considérés comme déchets spéciaux les déchets ne relevant pas des catégories définies à l'article 78 du présent Code et nécessitant un mode de gestion particulier en raison de leur nature, de leur volume ou des risques qu'ils présentent pour la santé publique ou l'environnement.

Voarara ny mametraka ireo fako manokana ireo ao anatin'ny dabam-pako natokana ho an'ny fako an-tokantrano.

Ny tompony, ny mpampiasa na ny mitazona azy dia tsy maintsy mampiasa tolotra manokana nahazo alalana amin'ny fanangonana azy ireo na mitondra azy mivantana any amin'ny fanariam-pako monisipaly nahazo alalana handray izany.

Anisan'ny heverina ho fako manokana :

- ireo fitaovana elektrika sy elektronika efa tsy ampiasaina intsony (solosaina, finday isan-karazany, fitaovana an-tokantrano, jiro, bateria azo averina ampiasaina na ariana, sns.);
- ireo fitaovana ara-pidiovana vita amin'ny bakoly (WC tiorka na WC vita anglisy, fitaovam-pisehana, sns.) ;
- ireo fako maitso avy amin'ny zaridaina (rantsan-kazo, vatan-kazo, sisan-javamaniry) ;
- ireo fanaka isan-karazany ;
- ny fatim-biby fiompy, izay tsy maintsy ambara amin'ny Birao monisipaly misahana ny Fidiovana (BMH) ary dorana na aodina mifanaraka amin'ny fepetra ;
- ireo sisana fiara.

Ankoatra ny fepetra ato amin'ity Fehezan-dalàna ity, ireo orinasa na toeram-piasana mamokatra fako manokana na mampidi-doza (indostrialy, avy amin'ny fitsaboana, sns.) dia tsy maintsy manaraka ny lalàna sy ny boky fepetra manokana mifehy ny asany.

.

Il est interdit de les déposer dans les bacs à ordures destinés aux déchets ménagers.

Les propriétaires, occupants ou détenteurs sont tenus de recourir à un service spécialisé autorisé pour leur collecte ou de les déposer directement dans une décharge municipale habilitée à les recevoir.

Sont notamment considérés comme déchets spéciaux :

- Les équipements électriques et électroniques usagés (ordinateurs, téléphones, tablettes, appareils électroménagers, ampoules, batteries rechargeables ou jetables, etc.) ;
- Les appareils sanitaires en porcelaine (WC turcs ou à l'anglaise, receveurs de douche, lavabos, etc.) ;
- Les déchets verts issus des jardins (branches, troncs, résidus végétaux volumineux) ;
- Les meubles de toute nature ;
- Les cadavres d'animaux domestiques, lesquels doivent être déclarés auprès du Bureau Municipal d'Hygiène (BMH) et faire l'objet d'une incinération ou d'un traitement approprié ;
- Les épaves de véhicules.

Sans préjudice des dispositions du présent Code, tout établissement produisant des déchets spéciaux ou dangereux, notamment de nature industrielle ou médicale, est tenu de se conformer aux textes et cahiers des charges spécifiques régissant son activité.

.

BOKY FAHA-III. MOMBA NY FISOROHANA NY FANAKORONTANANA NY FILAMINAM-BAHOAKA SY NY FANDOTOANA

LOHATENY 1 : Ny fisorohana ny tabataba sy ny fandotoana isan-karazany

Toko voalohany : Momba ny tabataba sy ny fandotoana isan-karazany

Sokajy 1 : Momba ny fanelingelenana sy ny tabataban'ny manodidina

Andininy faha-89.- Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-218 ao amin'ny Lalàna momba ny Teoria Ankapoben'ny Adidy, dia :

1. Voarara ny fanakorontanana eo amin'ny mpifanolo-bodirindrina toy ny tabataba, fofona na fanelingelenana isan-karazany vokatry ny asa indostrialy, ka mahatonga fandraisan'andraikitra ho an'izay nahatonga izany na nampitombo izany. Raha misy fanakorontanana na fanelingelenana mihoatra ny mahazatra eo amin'ny fiarahamonina, dia tompon'andraikitra amin'izany ilay nahatonga izany, na dia tsy misy hadisoana aza;
2. Voarara ny fanaovana asa mampisy tabataba mafy akaikin'ny sekoly, hôpitaly, tobim- pahasalamana, toerana fivavahana, fasana, toby miaramila, faritra fonenana, ary ary ireo sampan-draharaha ara-panjakana hafa ;
3. Voarara ihany koa ny fampiasana tafahoatra na tsy ara-potoana ny fanamafisam-peo na fitaovana maneno mafy ao an-tanàndehibe, raha tsy misy alalana manokana avy amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina, izay mamaritra ny fepetra sy ny ora ahafahana mampiasa izany ;

LIVRE III. DE LA PRÉVENTION DES TROUBLES A LA TRANQUILITÉ PUBLIQUE ET DES POLLUTIONS

TITRE 1 : De la prévention contre les nuisances et les pollutions diverses

Chapitre 1 : Des nuisances et pollutions diverses

Section 1 : Des nuisances et troubles de voisinage

Article 89.- Selon les dispositions de l'article 218 de la loi sur la Théorie Générale des Obligations,

1. Il est interdit les troubles de voisinage tels que bruits, odeurs, nuisances de toutes sortes ayant pour origine une activité industrielle, engageant la responsabilité de celui qui les a provoqués ou aggravés par sa faute. En cas de troubles ou nuisances anormales excédant les inconvénients ordinaires du voisinage, celui qui les a causés en est responsable même en l'absence de faute ;
2. L'installation d'activités bruyantes ou de toute autre source de bruit intense est interdite à proximité des établissements scolaires, hôpitaux, centres de santé de base, formations sanitaires, lieux de culte, cimetières, casernes, zones d'habitation et autres services administratifs ;
3. L'usage abusif ou intempestif de haut-parleurs, avertisseurs sonores ou toute activité bruyante est interdit dans les agglomérations, sauf autorisation spéciale de la Commune Urbaine de Toamasina qui en fixe les modalités pratiques.

4. Ny olona rehetra mampiasa, ao anatin'ny asany, na ao anaty trano na eny an-kalamanjana, eny amin'ny lalana ho an'ny daholobe na ao amin'ny toerana manokana, fitaovana na milina mety hiteraka tabataba na hovitrovitra mahery manakorontana ny filaminan'ny mpifanolo-bodirindrina, dia tsy maintsy mampiato ny asany eo anelanelan'ny amin'ny 12 ora atoandro ka hatramin'ny 2 ora tolakandro, eo anelanelan'ny amin'ny 10 ora alina ka hatramin'ny 5 ora maraina, ary mandritra ny andro alahady sy andro fety rehetra, raha tsy amin'ny tranga tsy azo ialana.;
5. Ny mpitantana toeram-pandihizana dia voatery manaraka ny fepetra voalazan'ny fahazoan-dalana nomena azy, ireo momba ny fepetra mifanaraka amin'ny fanorenana sy ny fahasalamana, ny ora fisokafana sy fidiana, ary ny fitantanana ny mpanjifa, mba hiantohana ny fahadiovana sy ny filaminam-bahoaka.

Sokajy 2 : Momba ny fandotoana ara-peo

Andininy faha-90.- Voarara tanteraka ny tabataba mahery loatra eny amin'ny lalana sy toerana azon'ny olona rehetra idirana, toy ny

- feo avy amin'ny fanamboarana motera (afa-tsy fanamboarana fohy vokatry ny fahasimbana tampoka) ;
- feo avy amin'ny dokambarotra amin'ny alalan'ny horakoraka na hirahira ;
- dokambarotra manohintohina ny fahamendrehana sy ny fitondran-tena mendrika ;
- feo avy amin'ny fanamafisam-peo, raha tsy ampiasaina miaraka amin'ny fitaovam-pihainoana manokana ireo fitaovana ireo.

Azo omena fahazoan-dalana manokana ny olona tsirairay na fikambanana amin'ny fampiasana fanamafisam-peo, araka ny fepetra apetraky ny Ben'ny Tanàna, izay mamoka taratasy fahazoan- dalana isaky ny tranga.

4. Toute personne utilisant, dans le cadre de ses activités professionnelles, à l'intérieur de locaux ou en plein air, sur la voie publique ou dans des propriétés privées, des outils ou appareils susceptibles de produire un bruit ou des vibrations intenses perturbant la tranquillité du voisinage, doit interrompre ses travaux entre 12h -14h et entre 22h - 5h, ainsi que toute la journée les dimanches et jours fériés, sauf en cas d'intervention urgente.
5. Tout exploitant tenant des discothèques est tenu de respecter les prescriptions de l'autorisation qui lui a été délivrée, notamment celles concernant les horaires d'ouverture, les normes de construction relatives à l'isolement des lieux et à l'hygiène, ainsi que les mesures nécessaires à la gestion de la clientèle afin de garantir la salubrité et la tranquillité publique.

Section 2 : De la pollution sonore

Article 90.- Sont interdits tous bruits gênants par leur intensité sur la voie publique et dans les lieux publics ou accessibles au public, notamment les sons :

- Des réparations ou réglages de moteur (à l'exception des réparations de courte durée par une avarie fortuite en cours de circulation) ;
- Des publicités par cris ou par chants ;
- Des publicités qui portent atteinte aux bonnes mœurs ;
- De l'emploi d'appareils et de dispositifs de diffusion sonore par hautparleur, à moins que ces appareils ne soient utilisés exclusivement avec les écouteurs.

Des dérogations peuvent être accordées par le Maire, qui en fixe les conditions d'usage et délivre les autorisations nécessaires pour chaque cas.

LOHATENY 2 : Ny fisorohana ny fandotoana isan-karazany

Toko voalohany : Ireo fepetra iombonana

Sokajy 1 : Ireo fepetra ankapobeny

Andininy faha-91.- Araka ny andininy faha-66 ao amin'ny Lalàna laharana faha 98-029 tamin'ny 20 janoary 1999 momba ny Rano, dia “izay mandoto no manefa ny fandanianana ateraky ny asa fandotoana ataony”, izany hoe foto-kevitra “izay mandoto manonitra”.

Andininy faha-92.- Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-12 ao amin'io Lalàna io ihany sy ny andininy faha-16 ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha-2003-943 tamin'ny 09 septambra 2003 momba ny fanariana na fametrahana mivantana na ankolaka ao anaty rano ambonin'ny tany, « ny olona tsirairay na fikambanana, na miankina na tsy miankina, izay manao asa mandoto na mety hampidi-doza ho an'ny loharano sy ny ny tontolo iainana, dia tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra ilaina mba hampitsaharana na hisorohana ny loza hita na ahiana hitranga »

Andininy faha-93.- Raha tsy hajaina ireo fepetra voalazan'ny andalana teo aloha, ny mpandoto dia voatery mandoa vola araka ny foto-kevitra hoe “izay mandoto manonitra”, ka ny sandan'izany dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika manan-kery, arakaraka ny haavon'ny fandotoana naterany. Ny BAH dia afaka manao tatitra sy fampandrenesana amin'ny manampahefana mahefa.

Sokajy 2 : Ny fahalotoan'ny rivotra

Andininy faha-94.- Misy fahalotoana amin'ny rivotra rehefa misy fandefasana akora mandoto ao anaty rivotra, toy ny setroka, vovoka, entona misy poizina na manimba, fofona, poti-javatra madinika, gazy solifara ary oksida azota, izay mety hanimba ny fahasalamana sy ny tontolo iainana.

TITRE 2 : De la lutte contre les pollutions diverses

Chapitre 1 : Des dispositions communes

Section 1 : Des dispositions générales

Article 91.- Selon les dispositions de l'article 66 de la Loi n° 98-029 du 20 janvier 1999 portant Code de l'Eau, « tout pollueur doit supporter les coûts de ses activités polluantes », ce qui constitue le principe de pollueur-payeur.

Article 92.- Selon les dispositions de l'article 12 du même code et de l'article 16 du Décret n° 2003-943 du 09 septembre 2003 relatif aux déversements, écoulements, rejets et dépôts directs ou indirects dans les eaux superficielles, « toute personne physique ou morale, publique ou privée, exerçant une activité source de pollution ou pouvant présenter des dangers pour la ressource en eau et l'hygiène du milieu, doit prendre toutes mesures propres à enrayer ou prévenir le danger constaté ou présumé ».

Article 93.- En cas de non-respect des prescriptions du paragraphe précédent, l'auteur de la pollution est astreint au paiement, conformément au principe du pollueur payeur, d'une somme dont le montant est déterminé par voie réglementaire, en rapport avec le degré de pollution causée. Le BAH peut procéder à la dénonciation auprès des autorités compétentes.

Section 2 : De la pollution atmosphérique

Article 94.- Il y a pollution atmosphérique quand il y a émission dans l'air de substances polluantes, fumées, poussières, gaz toxiques ou corrosifs, odeurs, particules fines, dioxyde de soufre et oxydes d'azote, pouvant porter atteinte à la santé de l'homme et à l'environnement.

Andininy faha-95.- Ny fivarotana entana izay mamoka vovoka mandritra ny fikarakarana azy, ka mety handoto ny rivotra, dia tsy maintsy maka fahazoan-dalana.

Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray fepetra hiarovana amin'ny vovoka, ary takina ny tsy maintsy hamonosana ireo entana amidy.

Andininy faha-96.- Ny fandikana ireo fepetra ireo dia mitarika avy hatrany amin'ny fanakatonana ny toeram-pivarotana, tsy misy fampitandremana mialoha, ary fanasaziana ara-bola araka ny voalazan'ity Fehezan-dalàna ity.

Toko faha-2 : Momba ny fepetra manokana

Sokajy 1 : Momba ireo biby fiompy

Andininy faha-97.- Voarara ny fiompiana akoho amam-borona mihoatry ny 20 manerana ny faripiadian'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.

Voarara ny fiompiana kisoa, soavaly, omby ary osy manerana ny faripiadian'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina, raha tsy nahazoana alalana.

Andininy faha-98.- Ny fahazoan-dalana dia mamaritra ireo fepetra ara-teknika takina, anisan'izany ny elanelana tsy maintsy hajaina amin'ireo trano efa misy, ary koa ny adidy momba ny fahadiovana sy ny filaminam-bahoaka, araka ny lalàna manan-kery.

Ny tompony dia tompon'andraikitra tanteraka amin'ny fahasimbana sy ny loza mety hitranga, indrindra ireo vokatry ny fandotoana na ny fiparitahan'ny aretina avy amin'ny biby fiompiny.

Article 95.- Toute vente des produits ou matières créant des poussières dans leur manipulation pouvant polluer l'atmosphère des habitations ou édifices voisins est soumise à autorisation. Les marchands doivent prendre toutes les mesures utiles pour empêcher la propagation des poussières provenant de la manipulation de ces marchandises. La mise en sac ou en sachet autorisé s'impose obligatoirement.

Article 96.- La violation de cette disposition entraîne la fermeture immédiate de la boutique ou du lieu de vente sans préjudice des sanctions administratives pécuniaires prévues par le présent code.

Chapitre 2 : Des mesures spéciales

Section 1 : Des animaux domestiques

Article 97.- L'élevage des volailles de plus de 20 unités, sont interdits sur tout le territoire de la Commune Urbaine de Toamasina.

L'élevage des porcs, chevaux, bovins, caprins est interdit sur tout le territoire de la Commune Urbaine de Toamasina, sauf autorisation.

Article 98.- L'autorisation détermine les modalités techniques, notamment les distances à respecter par rapport à d'autres édifices existants et les obligations d'hygiène et de tranquillité publique et doit se conformer aux dispositions des textes en vigueur. Le propriétaire est entièrement responsable du dommage occasionné ou de la source de pollution et de contamination de maladie par l'effet de divagation de ses animaux.

Andininy faha-99.- Voarara tanteraka ao amin'ny faripiadidian'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina ny fivezivezen'ny biby fiompy sy ireo biby fiompy an-trano eny amin'ny lalana sy toerana ho an'ny daholobe.

Heverina ho mivezivezy tsy ara-dalàna ny biby avelan'ny tompony tsy voafehy na avelany handeha irery.

Andininy faha-100.- Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalaza etsy ambony, miaraka amin'ny fisian'ny fitarainana avy amin'ny mpifanolo-bodirindrina voamarina ara-dalàna, dia mety hiteraka fanafoanana ny fahazoan-dàlana sy fampiharana ny sazy voalazan'ity didy ity, nefa tsy manakana ny fitoriana sivily sy heloka bevava azon'ireo niharam-boina atao.

Andininy faha-101.- Araka ny Didim-panjakana laharana 95-291 tamin'ny 18 aprily 1995, novaina sy nohavaozina tamin'ny Didim-panjakana laharana 96-583 tamin'ny 17 jolay 1997 momba ny fandaminana ny fampidirana ambalantsazy, « raha avelan'ny tompony hivezivezy tsy voafehy eny amin'ny lalana ho an'ny daholobe, tsena na kianja, ireo biby voatanisa ao amin'ny andininy faha-97, ary mandà ny tompony tsy haka azy, dia raisin'ny Kaominina izy ireo ka entina any ambalantsazy, izay itehirizana azy mandritra ny 10 andro fiasana feno ».

Andininy faha-102.- Araka ny Didim-panjakana voalaza etsy ambony, ireo biby tsy takin'ny tompony ao anatin'ny folo 10 andro dia heverina ho nilaozana ary azo amidy araka ny fitsipika mifehy izany.

Sokajy 2 : Momba ny mpivarotra

Andininy faha-103.- Ny mpivarotra rehetra, na inona na inona karazana entana amidiny, dia tsy maintsy manana kifafa sy

Article 99.- La divagation des animaux domestiques et des animaux destinés à l'élevage est interdite dans la Commune Urbaine de Toamasina.

Est considéré comme en état de divagation tout animal abandonné, livré à son seul instinct.

Article 100.- L'inobservation des prescriptions de la présente section et l'existence des doléances ou plaintes des voisins dûment constatées peuvent entraîner le retrait de l'autorisation et l'application des sanctions énumérées dans le présent arrêté sans préjudice des actions civiles et pénales exercées par les victimes.

Article 101.- Selon les dispositions du Décret n°95-291 du 18 avril 1995, modifié et complété par le Décret n°96-583 du 17 juillet 1997 portant organisation de la fourrière, « si le propriétaire des animaux énumérés à l'article 97 laisse ses animaux en divagation sur les voies publiques, marchés, places publiques ou dépôts d'ordures et refuse de les reconnaître, la Commune Urbaine procède à leur ramassage et les conduit à la fourrière, où ils sont gardés pendant un délai de dix jours francs ouvrables ».

Article 102.- Selon les dispositions du Décret n°95-291 du 18 avril 1995 précité, « les animaux mis en fourrière et non réclamés par leurs propriétaires dans le délai de dix jours sont considérés comme abandonnés et peuvent être mis en vente ».

Section 2 : Des commerçants

Article 103.- Tout commerçant, quel que soit la nature de ses marchandises, doit posséder un balai

dabam-pako manokana, izay ametrhany ny fako rehetra avy amin'ny asany. Ny fanariana ireo fako ireo ao anaty dabam-pako iombonana dia tsy maintsy ataon'ny mpivarotra ihany, amin'ny ora voafaritra napetraky ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.

Tsy maintsy manaja ihany koa ny ora fisokafan'ny fivarotana amin'ny enina ora maraina sy ny ora fikatonana amin'ny enina ora ariva.

Andininy faha-104.- Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-23 ao amin'ny Lalàna laharana faha-2011-002 momba ny fahasalamana, « ny Ben'ny Tanàna dia mandray, araka ny tolo-kevitra iaraha-midinika avy amin'ny Fokontany sy aorian'ny hevitra avy amin'ny Filan-kevitra Monisipaly, Didy izay mikasika fepetra manokana heveriny fa ilaina, nefa tsy manitsakitsaka ny fitsipika ara-pahasalamana iraisam-pirenena na ny fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity, mba hiantohana ny fiarovana ny fahasalaman'ny mponina ao anatin'ny faritry ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina ».

Sokajy 3 : Momba ny aretina mifindra

Andininy faha-105.- Ny olona rehetra mahalala fisian'ny tranga iray amin'ireo aretina mifindra dia tsy maintsy mampandre avy hatrany, na amin'ny Borigady misahana ny Fidiovana (BMH) ao amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina, na amin'ny Tobim-pahasalamana fototra akaiky indrindra. Raha vao mahafantatra tranga iray amin'ireo aretina tsy maintsy ambara ny manam-pahefana ara-pahasalamana, dia mandray sy mampihatra ireo fepetra rehetra heveriny fa ilaina izy arakaraka ny karazan'aretina hita

1. Raha tranga pesta, dia atao araka ny toromarika avy amin'ny manam-pahefana ara-pahasalamana ny famonoana voalavo ao amin'ilay trano sy ny manodidina azy, ary koa ny famonoana

et une poubelle individuelle dans laquelle il doit déposer tous les déchets provenant de l'exercice de son métier. Le déversement de ces ordures et déchets dans les bacs à ordures doit être effectué par les marchands eux-mêmes, dans les heures fixées par la Commune Urbaine de Toamasina.

Il doit également respecter les horaires d'ouverture du commerce à six heures (6h00) du matin et de fermeture du commerce à dix-huit heures (18 h).

Article 104.- Selon les dispositions de l'article 23 de la Loi n°2011-002 portant Code de la Santé, « le Maire prend, sur proposition participative des Fokontany et après avis du Conseil Municipal, des Arrêtés ayant pour objet des dispositions particulières qu'il juge utiles, sans préjudice du règlement sanitaire international ni des dispositions du présent Code, en vue d'assurer la protection de la santé à l'intérieur de la circonscription de sa Commune Urbaine de Toamasina ».

Section 3 : Des maladies contagieuses

Article 105.- Toute personne ayant connaissance d'un cas de l'une des maladies contagieuses dont la déclaration est obligatoire doit en faire impérativement et sans délai la déclaration soit au Bureau Municipal d'Hygiène de la Commune Urbaine de Toamasina, soit au Centre de Santé de Base le plus proche. Dès que l'autorité sanitaire a connaissance d'un cas de maladie à déclaration obligatoire, elle ordonne et applique les mesures qu'elle juge nécessaire, suivant la nature de la maladie constatée.

1. Pour le cas de la peste, il est procédé suivant l'ordre de l'autorité sanitaire à la dératisation de l'immeuble et ses environs immédiats et à la désinsectisation et

- bibikely sy fanadiovana amin'ny alalan'ny fanafody ireo fanaka, akanjo ary lamba rehetra ao.
2. Ny fitaterana ireo marary mifindra dia tsy azo atao raha tsy amin'ny alalan'ny fiara manokana natokana ho amin'izany, ary tsy maintsy diovina amin'ny fanafody (désinfection) izany fiara izany rehefa tonga.
 3. Ny fanadiovana amin'ny alalan'ny fanafody ny fiara (fiara manokana na fitateram-bahoaka) dia tsy maintsy atao ihany koa raha misy tranga aretina mifindra miseho mandritra ny dia.
 4. Raha misy fahafatesana, dia tsy maintsy hamarinina amin'ny alalan'ny taratasy fanamarinana fahafatesana nataon'ny dokotera izany. Tsy mahazo manome fahazoan-dàlana handevina ny mpiasan'ny fanjakana misahana ny sora-piankohonana raha tsy misy izany taratasy izany.
 5. Raha fahafatesana vokatry ny pesta na kolerà, ny fandevenana, ny famadihana ary ny famindrana faty dia tsy maintsy manaraka ny toromarika omen'ny manam-pahefana ara-pahasalamana.

Sokajy 4 : Momba ny fanorenana amin'ny sisin-dalana sy ny lalam-bahoaka

Andininy faha-106.- Ny fahazoan-dàlana hampiasa ny lalana ho an'ny daholobe, hanangana toeram-piasana na tohatra fanorenana eny amin'ny sisiny, ho fanatanterahana ny asa, dia heverina ho fahazoan-dàlana momba ny lalana, ka tsy maintsy angatahana mialoha. Na izany aza, ny fampiasana ny lalana ho an'ny daholobe sy ny manodidina azy dia tsy tokony hihoatra ny fe-potoana voafaritra ao anatin'ny fahazoan-dàlana.

Andininy faha-107.- Voarara ny mametraka, eny amin'ny lalana ho an'ny daholobe sy ny manodidina azy, toerana ho an'ny fanangonana sy fanomanana akora fanorenana toy ny fasika, vato,

désinfection de tous les mobiliers, vêtements, linges qui s'y trouvent.

2. Le transport des malades contagieux ne pourra être effectué que par voiture spéciale prévue à cet effet. La voiture sera obligatoirement désinfectée à l'arrivée.
3. La désinfection d'une voiture (voiture particulière, ou transport en commun) est également obligatoire lorsqu'un cas de maladie contagieuse se déclare en cours de route.
4. En cas de décès, sa vérification par une fiche de constatation de décès établie par le médecin vérificateur est obligatoire. L'Officier d'état civil ne peut délivrer le permis d'inhumer qu'en possession de cette fiche de constatation de décès.
5. En cas de décès par suite de peste ou de choléra, l'inhumation, l'exhumation et le transfert de corps doivent suivre les instructions de l'autorité sanitaire

Section 4 : De la construction aux abords des voies publiques

Article 106.- Les autorisations d'occuper la voie publique, d'établir des chantiers et échafaudages en bordure de cette voie, en vue de l'exécution des travaux sont assimilées aux permissions de voirie, lesquelles doivent faire l'objet d'une demande d'autorisation préalable. Dans tous les cas, l'occupation de la voie publique et ses dépendances ne doit pas dépasser le délai prescrit dans l'autorisation.

Article 107.- Il est interdit d'établir sur la voie publique et ses dépendances, des chantiers ou ateliers pour l'approvisionnement et la préparation des matériaux de construction tels que sable, moellons,

vato kely, na ny mametraka potipoti-javatra sy fako avy amin'ny fandravana trano, raha tsy misy fahazoan-dàlana mialoha avy amin'ny Ben'ny Tanànan'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.

Andininy faha-108.- Ny mpanamboatra na ny mpanofa asa dia tsy maintsy miantoka ny fahamarinan'ny « échafaudage » sy ny fiarovana ny mpandeha amin'ny lalana. Izy ireo sy ny tompon-trano dia mitondra andraikitra mitovy amin'ny fahavoazana mety ateraky ny asa fanorenana

Andininy faha-109.- Ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina dia afaka manao fanesorana an-tery ireo fako sy potipoti-javatra avy amin'ny asa fanorenana. Raha ilaina, dia afaka mangataka fanampiana amin'ny mpitandro filaminana izy.

Ny lavaka sy hady dia tsy maintsy voahodidina fefy vita amin'ny tsato-kazo sy tady na rafitra hafa nahazo alalana.

Tsy maintsy apetraka eo anoloan'ny asa rehetra, toeram-piasana sy toerana ametravana fitaovana eny amin'ny lalana ho an'ny daholobe, ny famantarana mazava na mirehatra hita maso tsara

Andininy faha-110.- Ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina dia mitazona ihany koa ny zo hanery, raha ilaina, ny fametrahana mpiambina amin'ny toeram-piasana, ka ny fandaniana rehetra amin'izany dia zakain'ny mpanatanteraka asa.

Andininy faha-111.- Ny Ben'ny Tanàna dia afaka mandidy ny fandravana ireo trano fonenana na fanorenana manamorina ny lalana ho an'ny daholobe, araka ny tatitra nataon'ny mpiasam-panjakana voatendry, izay manamarina fa mampidi-doza ho an'ny daholobe izany fanorenana izany.

Raha misy loza ahiana iseho, ny Ben'ny Tanàna dia manendry teknisiana manam-pahaizana hanomana tatitra momba ny toetry ny

gravillons, ou d'y déposer des décombres, gravois, provenant de démolition, sans l'autorisation préalable du Maire de la Commune Urbaine de Toamasina.

Article 108.- Tous entrepreneurs autorisés ne peuvent échafauder et étré sillonner sans avoir pris toutes les mesures propres à assurer la solidité des échafaudages et étré sillons, à empêcher la chute des matériaux et gravois comme il est dit à l'alinéa précédent et à ne pas compromettre la sécurité ou la commodité de la circulation sur la voie publique. Les propriétaires et les entrepreneurs sont solidairement responsables des dommages causés par les travaux.

Article 109.- La Commune Urbaine de Toamasina peut recourir à l'enlèvement forcé des déblais. En cas de besoin, elle peut requérir les agents de la force publique pour lui prêter main forte.

Les tranchées doivent être toujours entourées de barrière en pieux et cordes ou installation similaire autorisée.

Un panneau de signalisation ou un dispositif lumineux doit être placé, bien visible, devant tous les travaux, chantiers et dépôts laissés sur la voie publique.

Article 110.- La Commune Urbaine de Toamasina se réserve, en outre, le droit de prescrire, quand il le juge nécessaire, le gardiennage des chantiers par des hommes de veille aux propres frais de l'entrepreneur

Article 111.- Le Maire peut prescrire la démolition des maisons d'habitation ou ouvrages longeant la voie publique sur le vu d'un procès-verbal de l'agent commis à cet effet constatant que ces constructions constituent un danger pour le public.

En cas de péril imminent, le Maire nomme un technicien spécialiste pour dresser un rapport sur l'état de l'ouvrage dans les 24 heures.

fanorenana ao anatin'ny 24 ora. Raha manamafy ny maha-maika na maha loza izany tatitra izany, dia mampandre avy hatrany ny tompony io manam-pahefana io ary afaka miroso avy hatrany, amin'ny fanatanterahana ireo fepetra ilaina mba hiantohana ny filaminam-bahoaka, ka ny tompon'asa no miantoka ny lany amin'izany.

Andininy faha-112.- Tsy misy olona mahazo manimba na manohintohina ireo foto-drafitrasa isan-karazany (toy ny lakan-drano, fantsona, sns.) efa napetraky ny sampan-draharaha isan-karazany na ny olon-tsotra, raha tsy misy fahazoan-dàlana manokana avy amin'ny Ben'ny Tanànan'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.

Ny tompony sy/na ny mpanatanteraka asa dia tsy maintsy mamerina amin'ny toetry ny teo aloha ireo foto-drafitrasa simba vokatry ny asany.

Ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina dia manan-jo hanatanteraka mivantana ny fanamboarana ireo foto-drafitrasa ananany amin'ny alalan'ny fitaovany manokana, nefa ny fandaniana rehetra amin'izany dia zakain'ny tompony.

.

Si le rapport confirme l'urgence ou le péril grave et imminent, cette autorité avertira sans délai le propriétaire et pourra faire exécuter d'office, aux frais de celui-ci, les mesures indispensables pour la préservation de la sécurité publique.

Article 112.- Nul n'est autorisé à endommager ou à perturber les diverses infrastructures (telles que les canaux, les canalisations, etc.) déjà mises en place par les différents services administratifs ou par des particuliers, sans autorisation spéciale délivrée par le Maire de la Commune Urbaine de Toamasina.

Le propriétaire et/ou l'entrepreneur sont tenus de rétablir dans leur état primitif ceux qui sont dégradés par ses travaux.

La Commune Urbaine de Toamasina reste libre de faire exécuter la réparation des ouvrages lui appartenant par ses propres moyens mais aux frais du propriétaire.



BOKY FAHA-IV : MOMBA NY FEPETRA MIKASIKA NY FILAMINANA SY NY FANDRIAM-PAHALEMAM- BAHOAKA

LOHATENY 1 : Momba ny filaminana sy ny fandriam-pahalemam-bahoaka

Andininy faha-113.- Ny lalana ho an'ny daholobe sy ny manodidina azy dia tsy azo ampiasaina ho amin'ny tombontsoa manokana, toy ny fanaovana garazy, varotra, asa fanamboarana vy, fitahirizana vokatra mora simba, lalao, fanamainana vary, fivarotana fasika sy vato kely, ary koa fivarotana akora fanorenana hafa rehetra, raha tsy izany dia ho alaina ho an'ny Kaominina ireo entana. Raha misy fandikan-dalàna, ny tompon'andraikitra dia tsy maintsy mandoa sazy araka ny voalazan'ity Fehezan-dalàna ity.

1. Ny fanahazana lamba eny amin'ny lalana ho an'ny daholobe sy ny manodidina azy dia saizana amin'ny fanesorana avy hatrany izany, arahana fandoavana lamandy ;
2. Ireo vokatra mora simba voasambotra, raha mbola azo hanina, dia hatolotra ireo toeram-piahiana ara-tsosialy sy/na toeram-pitsaboana ;
3. Voarara ny fanasana fiara sy zavatra hafa eny amin'ny lalana ho an'ny daholobe sy ny manodidina azy.

Andininy faha-114.- Araka ny Lalàna laharana faha-2017-002 tamin'ny 6 jolay 2017 momba ny fivezivezena an-dalambe eto Madagasikara, dia voarara ny mijanona na mametraka fiara eny amin'ny lalana ho an'ny daholobe sy ny manodidina azy, na mandeha tsara ilay fiara na simba.

Voarara ihany koa ny mandao fiara simba eny amin'ny lalana ho an'ny daholobe na eny amin'ny toerana fiantsonan'ny fiara misokatra ho an'ny daholobe.

LIVRE IV : DES MESURES RELATIVES A LA SECURITÉ, A LA SURETÉ PUBLIQUE

TITRE 1 : De la sécurité et sûreté publique

Article 113.- Les voies publiques et leurs dépendances ne doivent pas être utilisées à des fins personnelles, telles que garages, brocantes, ouvrage métallique, matières périssables jeux (babyfoot, billard), le séchage de riz, la vente de sable et de gravillons ainsi que la vente de tous autres matériaux de construction sous peine de confiscation au profit de la Commune. Dans le cas contraire, l'auteur est astreint de payer les sanctions administratives conformément au présent code.

1. Le séchage de linge sur la voie publique et ses dépendances est sanctionné de leur enlèvement immédiat suivi du paiement de l'amende ;
2. Les matières périssables saisies, si elles sont consommables, seront remises aux établissements sociaux et/ou hospitaliers ;
3. Il est interdit tout lavage de voiture, et autres sur les voies publiques et leurs dépendances.

Article 114.- Conformément à la Loi n° 2017-002 du 6 juillet 2017 relative à la circulation routière à Madagascar, il est interdit d'arrêter ou de stationner un véhicule sur la voie publique et ses abords, qu'il soit en état de marche ou en panne.

Il est également interdit d'abandonner un véhicule hors d'usage sur la voie publique ou dans les aires de stationnement ouvertes au public.

Le propriétaire ou le détenteur légal du véhicule est tenu de procéder à son enlèvement immédiat dès notification ou mise en demeure par l'autorité compétente.

Ny tompony na ny mpihazona ara-dalàna ny fiara dia tsy maintsy manala azy avy hatrany raha vantany vao nahazo fampahafantarana na baiko avy amin'ny manam-pahefana mahefa.

Raha tsy manaraka izany izy, dia azo esorina sy alefa any ambalatsazin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina ilay fiara, ary amin'ny fandaniany manokana ny fandefasana sy ny fitahirizana azy.

Ny fiara voatazona ao ambalantsazy dia haverina amin'ny tompony ara-dalàna rehefa avy nandoa ny saram-pitaterana sy ny saram-pitehirizana, ary ny lamandy araka ny didy aman-dalàna manan-kery.

LOHATENY 2 : Ny fisorohana ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola

Toko voalohany : Momba ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola

Andininy faha-115.- Ankoatra ireo toerana na trano voatokana ho amin'izany, dia voarara tanteraka ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola, ary izay mandika izany dia hosaziana handoa onitra.

Andininy faha-116.- Ny mpamatsy zava-pisotro misy alikaola ho an'ireo mpivarotra mivarotra amin'ireo toerana voalaza ao amin'ny andalana teo aloha dia saziana ihany koa.

Andininy faha-117.- Ny mpivarotra zava-pisotro misy alikaola, ho sotroina eo an-toerana na entina, dia tsy maintsy manaja ny ora fisokafana sy fikatonan'ny toeram-pivarotana araka ny fitsipika manan-kery..

À défaut d'exécution, le véhicule peut être enlevé et placé à la fourrière de la Commune Urbaine de Toamasina, aux frais du propriétaire.

Le véhicule retenu en fourrière est restitué à son propriétaire légal après paiement des frais d'enlèvement et de garde ; ainsi que des amendes prévues par les dispositions légales en vigueur.

TITRE 2 : De la prévention en cas de vente des boissons alcooliques

Chapitre 1 : De la vente des boissons alcooliques

Article 115.- En dehors des locaux spécialement réservés, il est interdit de vendre des produits alcooliques sous peine de sanction administrative pécuniaire.

Article 116.- Le fournisseur des produits alcooliques aux commerçants qui exercent la vente sur les lieux cités dans l'alinéa précédent sera sanctionnée.

Article 117.- Le vendeur des produits alcooliques à consommer sur place ou à emporter, est tenu de respecter les heures d'ouverture et de fermeture des débits de produits alcooliques fixés par la réglementation en vigueur.

Toko faha-2 : Momba ny fivarotana entana na zavatra amin'ny toerana tsy voatokana na tsy ara-dalàna

Andininy faha-118.- Voarara ny fivarotana entana na zavatra hafa rehetra ivelan'ireo toerana natokana na nahazo alalana avy amin'ny manam-pahefana mahefa, indrindra eny amin'ny sisin-dalana sy ny lalana ho an'ny daholobe izay mety hiteraka sakana amin'ny fivezivezen'ny olona sy ny fiara, ka mandoa lamandy ny mpandika izany.

Chapitre 2 : De la vente marchandises ou autres objets en dehors des lieux réserves et autorises

Article 118.- Il est interdit toute vente de marchandises ou de tout autre objet en dehors des lieux réservés ou autorisés par les autorités compétentes, notamment sur les trottoirs et voies publiques susceptibles d'entraîner des entraves à la circulation des personnes et des voitures sous peines de sanction administrative pécuniaire.



BOKY FAHA-V : MOMBA NY FANAMARIHANA SY NY FAMPIHARANA SAZY AMIN'NY FANDIKANA NY FAHADIOVANA SY NY FAHASALAMANA IOMBONANA

LOHATENY 1 : Ireo sazy aloa vola

Toko voalohany : Momba ny fampidirana ambalantsazy

Andininy faha-119.- Araka ny voalazan'ny Didim-panjakana laharana faha-95-291 tamin'ny 18 aprily 1995 momba ny fandaminana ambalantsazy, ary mifanaraka amin'ny Lalàna laharana faha-2017-002 tamin'ny 31 mey 2017 momba ny Kaodin'ny Fifamoivoizana, « ny fametrahana ao ambalantsazy dia ny famindrana, izay ny tompony no miantoka ny lany, biby, vorona, fiara na zavatra rehetra voasambotra na notazonina, any amin'ny toerana fitehirizana voatendrin'ny manam-pahefana ara-panjakana, noho ny fahasimbana, trosa, fandikan-dalàna na antony hafa, mandrapivoahan'ny fanapahan-kevitry ny manam-pahefana na ny fitsarana».

Andininy faha-120.- Araka ny fepetra voalazan'ny Didim-panjakana laharana faha-96-583 tamin'ny 17 jolay 1997 izay manitsy ny Didim-panjakana laharana faha-95-291 tamin'ny 18 aprily 1995 :

1. Ny fampidirana ambalantsazy ireo zavatra voatanisa ao amin'ny andininy teo aloha dia tanterahin'ny mpiasan'ny polisy monisipaly roa ;
2. Ny fandoavana ny sarany sy ny fomba fivarotana dia tanterahina araka ny fepetra voalazan'ilay didim-panjakana etsy ambony.

LIVRE V : DE LA CONSTATATION ET REPRESSION DES ATTEINTES A L'HYGIENE ET A LA SALUBRITÉ

Titre 1 : Des sanctions pécuniaires

Chapitre 1 : De la mise en fourrière

Article 119.- Selon les dispositions du Décret n°95-291 du 18 avril 1995 portant organisation de la fourrière, et conformément à la Loi n°2017-002 du 31 mai 2017 relative au Code de la Route, « la mise en fourrière consiste au transfert, aux frais du propriétaire, vers un lieu de dépôt désigné par l'autorité administrative, d'un animal, d'une volaille, d'un véhicule ou de tout objet saisi ou immobilisé pour cause de dégât, de dette, de contravention ou pour tout autre motif, jusqu'à l'intervention d'une décision de ladite autorité ou de l'autorité judiciaire ».

Article 120.- Selon les dispositions du Décret n°96-583 du 17 juillet 1997 modifiant certaines dispositions du Décret n°95-291 du 18 avril 1995 :

1. La mise en fourrière des objets énoncés à l'article précédent est effectuée par deux agents de la police municipale ;
2. Le paiement des frais ainsi que la procédure de mise en vente se font conformément aux dispositions du décret susmentionné.

3. Ny fe-potoana fitazonana ao ambalantsazy dia voafaritra toy izao :
 - a. 90 andro ho an'ny omby ;
 - b. 10 andro ho an'ny osy, ondry ary kisoa;
 - c. 10 andro ho an'ny soavaly ;
 - d. 72 ora ho an'ny alika ;
 - e. 24 ora ho an'ny akoho amam-borona.
4. Ho an'ny entana mety simba sy ireo zavatra hafa, ny fotoana fitehirizana dia faritan'ny manam-pahefana tompo'andraikitra.

Andininy faha-121.- Raha mikasika ny fiara, « ny faharetan'ny fametrahana ao ambalantsazy dia faritana amin'ny isan'ny andro itazonana azy : ny fe-potoana farany ambany dia telo andro ary ny farany ambony dia folo andro ». Na izany aza, « raha mandoa avy hatrany ny lamandy ny tompony, dia tsy tokony ho latsaky ny sarany mifanaraka amin'ny telo andro »

Toko faha-2 : Momba ny fanafoanana na fanomezana fahazoan-dalana

Andininy faha-122.- Araka ny fepetra voalazan'ny Didim-pitondrana laharana faha-8333/2001 tamin'ny 30 jolay 2001 mifehy ny fepetra fahadiovana ampiharana amin'ny toeram-panomanana, fanodinana, famonosana, fitehirizana na fizarana sakafo avy amin'ny biby na manana fiaviana avy amin'ny biby natokana ho an'ny tsena anatin'ny, sy ny Lalàna laharana faha-2017-048 tamin'ny 08 febroary 2018 mifehy ny fiarovana ara-pahasalamana ny sakafo sy ny sakafom-biby, ny mpitantana ireo toerana ireo dia voatery manaraka ireto fepetra ireto :

1. Mitazona ny toerana ho madio, ao anatin'ny fikojakojana tsara, ary naorina mba hisorohana ny fahalotoana rehetra ;
2. Manana famatsiana rano fisotro madio ampy ;

3. Les délais de détention en fourrière sont fixés comme suit :
 - a. 90 jours pour les bovidés ;
 - b. 10 jours pour les caprins, ovins et porcins ;
 - c. 10 jours pour les chevaux ;
 - d. 72 heures pour les chiens ;
 - e. 24 heures pour les volailles.
4. Pour les matières périssables et autres objets, le délai est fixé souverainement par l'autorité responsable de la fourrière.

Article 121.- En ce qui concerne les véhicules, « la durée de mise en fourrière est fixée en nombre de jours d'immobilisation : la durée minimale est de trois (3) jours et la durée maximale de dix (10) jours ». Toutefois, « si le propriétaire s'acquitte immédiatement des frais de fourrière, le montant y afférent ne doit pas être inférieur aux frais correspondants à trois (3) jours ».

Chapitre 2 : Du retrait d'agrément ou d'autorisation

Article 122.- Conformément aux dispositions de l'Arrêté n°8333/2001 du 30 juillet 2001 portant réglementation des conditions d'hygiène applicables aux établissements de préparation, de transformation, de conditionnement, d'entreposage ou de distribution des denrées alimentaires animales ou d'origine animale destinées au marché local, ainsi qu'à la Loi n°2017-048 du 08 février 2018 régissant la sécurité sanitaire des denrées alimentaires et de l'alimentation animale, tout exploitant de tels établissements est tenu de respecter les conditions d'hygiène suivantes :

1. Maintenir les locaux propres, en bon état d'entretien, et conçus de manière à prévenir toute contamination ;
2. Disposer d'une alimentation en eau potable en quantité suffisante ;

3. Mitahiry sy miaro ny sakafo mba hisorohana ny fahalotoana, indrindra avy amin'ny voalavo, bibikely ary biby rehetra mitondra mikraoba mampidi-doza ;
4. Manala ireo vokatra sisa tsy azo hanina sy ny fako avy amin'ny sakafo mandritra ny dingana fanodinana ;
5. Mampiasa fitaovam-pitaterana tsy mitondra loto, ary tazonina ho madio mandrakariva ;
6. Mahazo fankatoavana ara-pahasalamana avy amin'ny manam-pahefana mahefa alohan'ny fampiasana ny toerana.

Andininy faha-123.- Ny fandikan-dalàna mikasika ny fepetra momba ny fahadiovana voafaritry ao amin'ny andininy faha-41 amin'ity Fehezan-dalàna ity dia mitarika ny fanafoanana ny fahazoan-dalana.

3. Stocker et conserver les denrées alimentaires de manière à éviter toute contamination, notamment de la part des rongeurs, des insectes et de tout animal vecteur de germes pathogènes ;
4. Évacuer les sous-produits non comestibles et les déchets alimentaires au cours des opérations de transformation ;
5. Utiliser des moyens de transport conçus de façon à ne pas constituer une source de contamination, et maintenus en état de propreté ;
6. Obtenir un agrément sanitaire auprès de l'autorité compétente avant toute mise en exploitation.

Article 123.- Le non-respect des prescriptions en matière d'hygiène prévues à l'article 41 du présent Code est passible du retrait de l'agrément.

BOKY FAHA-VI : MOMBA NY FOMBA FANAO RAHA MISY FANDIKANA NY FAHADIOVANA SY NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

LOHATENY 1 : Fepetra iraisana

Andininy faha-124.- Mikasika ireo fandikan-dalàna madinika na miseho indraindray ao anatin'ny sokajy voalohany amin'ity Fehezan-dalana ity, alohan'ny fampiharana sazy, ny mpiasan'ny Kaominina dia tsy maintsy manao fampahafantarana ofisialy izay ahafahan'ny mpampiasa manitsy ny fitondran-tenany.

Ny fampitandremana dia mety ho an-tsoratra na am-bava. Ny baiko fanerena miaraka amin'ny fampahafantarana fa hisy sazy raha tsy hajaina, dia didy mazava mba hampitsaharana ny fandikan-dalàna. Ity baiko fanerena ity dia omen'ny manam-pahefana monisipaly mahefa amin'ny raharaha mikasika ny fahadiovana, ny fanadiovana ary ny fampiasana tsy ara-dalàna ny lalana ho an'ny daholobe, izany hoe ny Ben'ny Tanàna na ireo mpiasan'ny Kaominina eo ambany fahefany.

Ny rahom-bola dia sazy ara-bola mitombo tsikelikely raha tsy manaraka ny baiko fanerena ny mpampiasa; kajina isan'andro na isaky ny fandikan-dalàna mitohy izany mandra-pahatanterahan'ny fanitsiana.

LOHATENY 2 : Momba ny fitaterana sy fitoriana ny fandikan-dalàna

Andininy faha-125.- Raha misy tsy fanarahana ny fitsipika momba ny fahadiovana sy ny fidiovana, araka ny fepetra voasoratra amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia azo atao amin'ny olom-pirenena rehetra ny mitatitra izany amin'ny sampan-draharaha misahana ny Fidiovana ao amin'ny Kaominina, na amin'ny Fokontany misy azy. Ny Fokontany dia mandefa izany tatitra izany any amin'ny Kaominina. Ny fampahafantarana dia atao an-tsoratra na am-bava,

LIVRE VI : DE LA PROCÉDURE EN CAS D'ATTEINTES A L'HYGIENE ET A LA SALUBRITÉ

Titre 1 : Des dispositions communes

Article 124.- Concernant les infractions mineures ou ponctuelle dans la première catégorie du présent code, avant toute sanction, les agents municipaux doivent faire un signalement officiel qui permet à l'usager de corriger son comportement sans pénalité immédiate. L'avertissement peut être écrit ou verbal.

L'injonction accompagnée de menace de sanction en cas de non-respect, elle constitue un ordre formel de faire cesser. L'injonction est donnée par l'autorité municipale compétent dans les infractions sur l'hygiène, l'assainissement et l'utilisation abusive des voies publiques en l'occurrence le Maire ou les agents municipal qui sont sous sa subordination hiérarchique.

L'astreinte est une sanction pécuniaire progressive si l'usager ne respecte pas l'injonction, elle est calculée par jour ou par infraction persistante jusqu'à la mise en conformité.

Titre 2 : Du signalement et dénonciation de l'infraction

Article 125.- En cas de manquements ou infractions à la réglementation en matière d'hygiène et d'assainissement par lui constatés aux règles d'hygiènes prévues par le présent code, tout citoyen peut signaler l'atteinte à la salubrité publique au niveau de la Direction chargée de l'hygiène au niveau de la Commune ou au niveau de son *Fokontany* qui transmettra le signalement à la Commune. Le signalement se fait par écrit ou verbal et

ary tokony hazava, araka izay azo atao, ny karazana sy ny toerana nitrangan'ny fandikan-dalàna, ary ny anaran'ny meloka, raha fantatra.

Andininy faha-126.- Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-14 ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha-2009-890 mamaritra ny fandaminana, ny fomba fiasan'ny Fokontany ary ny andraikiny, « ny Sefo Fokontany dia manatanteraka ireo andraikitra manokana omena azy avy amin'ny Ben'ny Tanàna. Anisan'ny andraikiny, eo amin'ny sehatry ny fahadiovana sy ny fidiovana, ny mampahafantatra ny fandikan-dalàna amin'ny manam-pahefana monisipaly ».

Toy izany koa ny andraikitry ny tompon'andraikitra rehetra eo anivon'ny Fokontany.

LOHATENY 3 : Momba ny fanamarinana ny fandikan-dalàna

Andininy faha-127.- Mba hanamarinana sy hanaporofoana ireo fandikan-dalàna ireo, ny sefo Fokontany sy/na ny Komity ao amin'ny Fokontany dia manao fitsidihana matetika na tampoka ao amin'ny faritra iandraiketany.

Misy fanaraha-maso atao mialoha mba hijerena ny fampiharana araka ny tokony ho izy ny fitsipika momba ny fahadiovana sy ny fidiovana ary koa ny fandikana ny fahadiovan'ny be sy ny maro.

Ny fanaraha-maso rehetra dia tsy maintsy tanterahin'ny mpiasam-panjakana nianiana, mpiasan'ny Kaominina nahazo alalana na polisy ara-pitsarana, na amin'ny fiaraha-miasan'ireo.

Andininy faha-128.- Ny fanamarinana dia azo atao :

- eny an-toerana amin'ny alalan'ny fanoratana fandikan-dalàna mivantana ;

doit préciser la nature et le lieu du manquement ou de l'infraction dans la mesure du possible ainsi que le nom du contrevenant s'il est connu.

Article 126.- Selon les dispositions de l'article 14 du Décret n°2009-890 fixant l'organisation, le fonctionnement et les attributions du Fokontany, « les Chefs de Fokontany assurent les attributions d'ordre particulier qui leur sont confiées par le Maire. Ils ont pour mission, en matière d'hygiène et d'assainissement, de signaler tout manquement ou infraction auprès des autorités municipales.

Il en est de même pour tout responsable au niveau du Fokontany.

Titre 3 : De la constatation de l'infraction

Article 127.- Afin de vérifier et constater ces manquements ou ces infractions, Les Chefs de Fokontany et/ou les Comités du Fokontany effectuent des descentes régulières ou inopinées dans leur circonscription.

Des inspections sont menées a priori pour constater la bonne application des règles d'hygiène et d'assainissement ainsi que les atteintes à la salubrité publique.

Toute inspection doit être effectuée par des agents assermentés, agents municipaux habilités ou agents de police judiciaire, ou conjointement par ces derniers.

Article 128.- Le constat peut se faire :

- Sur place par verbalisation directe

- na aorian'ny fitoriana na fampahafantarana ny fandikan-dalàna.

Andininy faha-129.- Ny fanamarinana dia tsy maintsy ampidirina ao amin'ny firaketana an-tsoratra na PV (araka ny modely hita ao amin'ny Tovana), ka voafaritra ao :

- ny toetry ny fandikan-dalàna amin'ny antsipiriany ;
- ny daty sy ny ora ;
- ny toerana nitrangan'ny fandikan-dalàna ;
- ny mombamomba sy ny adiresin'ny mpadika lalàna;
- ary ny anaran'ny mpiasa nanatanteraka ny fanamarinana.

Andininy faha-130.- Ny fanajana ny zon'olombelona sy ny zo hiaro tena, ary koa ny tsy fahazoana miditra an-keriny amin'ny fananana manokana, dia mijanona ho foto-kevitra iorenan'ny fampiharana ity Fehezan-dalàna monisipaly ity.

Ny Borigady misahana ny Fanadiovana sy ny Fidiovana (BAH) dia tsy mahazo manao ny asany raha tsy manao fanamiana ary mitondra taratasy iraka. Ny mpiasa tsirairay dia tsy maintsy mitondra antontan-taratasy ahafahany mandrakitra ny fanamarinana rehetra natao teny an-kianja sy ny fepetra noraisina.

Andininy faha-131.- Ny asa fanaraha-maso sy fitsirihana rehetra ataon'ireo mpiasa ireo dia voarakitra antsoratra ary voasonia ara-dalàna miaraka amin'ny tompony na ny mpampiasa, na ny olona voakasika. Ny asa atao ao an-trano fonenana dia tsy maintsy misy ny faneken'ny tompony na ny mpampiasa ary atao mandritra ny ora ara-dalàna (manomboka amin'ny 5 ora maraina ka hatramin'ny 7 ora ariva). Ny modely amin'ireo antontan-taratasy ireo dia hita ao amin'ny tovana amin'ity Fehezan-dalàna ity

Andininy faha-132.- Raha tsy misy vokatry tsara aorian'ny fanentanana sy/na fampitandremana an-tsoratra na am-bava, na

- Suite à une dénonciation ou signalement de l'infraction

Article 129.- Le constat doit être matérialisé sur le procès-verbal (modèle dans les annexes), en précisant :

- la nature exacte de l'infraction,
- la date et l'heure,
- le lieu de l'infraction,
- l'identité et l'adresse de l'usager,
- et l'agent qui a procédé le constat.

Article 130.- Le respect des droits humains et du droit de défense, ainsi que l'inviolabilité des propriétés individuelles restent le principe dans l'application du présent Code municipal.

Les agents du Brigade de l'Assainissement et de l'Hygiène ne sont autorisés à faire leur travail qu'avec uniforme et munis d'un Ordre Mission. Chaque agent doit se munir d'une documentation permettant d'enregistrer chaque constatation effectuée sur le terrain et les mesures qui ont été prises.

Article 131.- Toutes les opérations de contrôle et d'inspection effectuées par ces agents sont consignées dans un Procès-Verbal dûment signé avec le propriétaire ou l'occupant, ou la personne concernée.

Les opérations effectuées dans les domiciles doivent avoir l'assentiment du propriétaire ou des occupants et pendant les heures légales (de 5 heures à 19 heures). Les modèles de tous ces actes figurent en annexe du présent arrêté.

Article 132.- Après sensibilisation et/ou avertissement écrit ou verbal sans résultat positif ou

raha tsy eo ny olona nandika lalàna na ny tompon'andraikitra, dia miroso avy hatrany amin'ny fampiharana ny sazy voalazan'ity Fehezan-dalàna ity ny mpiasan'ny Borigady misahana ny Fanadiovana sy ny Fidiovana ao amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toamasina.

Andininy faha-133.- Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-77 ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 momba ny fitantanana ara-bola sy ara-teti-bola ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, « ny Ben'ny Tanàna, amin'ny maha mpandrindra fototra ny teti-bolan'ny Kaominina azy, dia miandraikitra ny fampandehanan' ny vola miditra. Manana fahefana feno izy amin'ny fanamarinana ny trosa, ny fisandana ny fandania, ny famoahana didy handoavana ary ny fampidirana izany ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana »

Andininy faha-134.- Raketina an-tsoratra ny fandikan-dalàna ireo fitsipika monisipaly. Ny lamandy dia angonina rehefa omena taratasy fanamarinana fandoavana avy amin'ny mpiasan'ny Kaominina nianiana.

Ny vola azo avy amin'ny lamandy dia ampidirina ao amin'ny kitapom-bola monisipaly. Ny lamandy voaangona, na dia amin'ny alalan'ny polisy nasionaly aza, amin'ny fanatanterahana ny fahefana ara-pilaminan'ny Ben'ny Tanàna, dia miditra amin'ny teti-bolan'ny Kaominina, nefa tsy manitsakitsaka ny zon'ireo mpiasa. Raha misy fandavana na tsy fandoavana ny lamandy, dia ampiharina ny rahombola, izay sazy ara-bola mitombo tsikelikely raha tsy manaraka ny baiko fanerena ny mpandika; kajina isan'andro na isaky ny fandikan-dalàna mitohy izany mandra-pahatanterahan'ny fanitsiana

Andininy faha-135.- Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-78 ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 momba ny fitantanana ara-bola sy ara-teti-bola ny

en l'absence de la personne infracteur ou responsable, les agents de la Bureau d'Assainissement et d'Hygiène de la Commune Urbaine de Toamasina procèdent immédiatement à l'application des sanctions prévues par le présent Code.

Article 133.- Selon les dispositions de l'article 77 du Décret n°2015-959 du 16 juin 2015 relatif à la gestion budgétaire et financière des Collectivités territoriales décentralisées, « le Maire, en sa qualité d'ordonnateur principal du budget de la Commune, est chargé de l'exécution des recettes. Il dispose ainsi du plein pouvoir de constater les créances, de procéder à la liquidation, d'ordonnancer et de mettre en recouvrement. »

Article 134.- Des procès-verbaux sont dressés en cas d'infraction aux règlements municipaux. Les amendes sont recouvrées contre délivrance d'une quittance par les agents assermentés de la Commune.

Le produit des amendes est versé à la régie de recette municipale. Les amendes perçues, même par les agents de police nationale, dans l'exercice des pouvoirs de police du Maire sont acquises au budget de la Commune sans préjudice des droits des agents. En cas de refus ou non-paiement des sanction administratives pécuniaires, l'astreinte sera la sanction pécuniaire progressive si l'utilisateur ne respecte pas l'injonction, elle est calculée par jour ou par infraction persistante jusqu'à la mise en conformité.

Article 135.- Selon les dispositions de l'article 78 du Décret n°2015-959 du 16 juin 2015 relatif à la gestion budgétaire et financière

Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, « ny mpitantam-bola dia miandraikitra, ny fanatanterahana ny vola miditra, amin'ny

- fandraisana sy fangalana ireo baikom-pidiram-bola avy amin'ny Ben'ny Tanàna ;
- fandraisana ny vola miditra izay efa vita kajy sy efa namoahana baiko.

Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-13 ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha-2005-003 tamin'ny 4 janoary 2005 momba ny fitsipika ankapobeny amin'ny fitantanam-bola amin'ny fanatanterahana ny teti-bola amin'ireo rafitra ara-panjakana, « ny mpitantam-bola dia tsy maintsy manao fanaraha-maso:

- ny fahazoan-dalana handray vola miditra araka ny lalàna sy ny fanapahan-kevitra ny Filan-kevitra monisipaly ;
- ny fanangonana ny trosan'ny Kaominina sy ny fahamarinan'ny fihenam-bidy na fanafoanana ny taratasy fidiram-bola, araka ny antontan-kevitra ananany ;
- ny fahamarinan'ny kajy sy ny trosa tsy ara-ketra. »

Andininy faha-136.- Ny fandoavana ny lamandy dia tsy maintsy atao ao anatin'ny adiny iray aorian'ny fampahafantarana ny sazy. Na izany aza, ny mpiasan'ny Borigady misahana ny Fanadiovana sy ny Fidiovana (BAH) izay mandray an-tsoratra ny fandikan-dalàna dia afaka manalava na mampihena io fe-potoana fandoavana io

Andininy faha-137.- Ny sazy ara-bola voalazan'ity Fehezan-dalàna ity dia aloa amin'ny alalan'ny fanolorana taratasy fanamarinana fandoavana misy tahony avy amin'ny bokin-tsazy voamarika sy voasonia ara-dalàna avy amin'ny Lehiben'ny Borigady misahana ny Fanadiovana sy ny Fidiovana, ary koa amin'ny alalan'ireo rafitra ara-pitantanana hafa napetraky ny Kaominina.

des Collectivités territoriales décentralisées, « le comptable est chargé, en matière d'exécution des recettes, de :

- Prendre en charge et recouvrer les ordres de recettes qui lui sont remis par le Maire ;
- Encaisser les recettes ainsi liquidées et ordonnancées. »

Selon les dispositions de l'article 13 du Décret n°2005-003 du 4 janvier 2005 portant règlement général sur la comptabilité de l'exécution budgétaire des organismes publics, « le comptable est tenu d'exercer le contrôle :

- De l'autorisation de percevoir la recette dans les conditions prévues par la loi et la délibération du Conseil municipal ;
- De la mise en recouvrement des créances de la Commune et de la régularité des réductions et des annulations des ordres de recettes, dans la limite des éléments dont il dispose ;
- De l'exactitude des calculs de liquidation des créances non fiscales. »

Article 136.- Le règlement des amendes doit être effectué dans l'heure suivant la notification de la sanction. Toutefois, les agents verbalisateurs du Bureau de l'Assainissement et de l'Hygiène (BAH) sont habilités à prolonger ou à réduire ce délai de paiement.

Article 137.- Les sanctions administratives pécuniaires prévues dans le présent arrêté sont payables sur présentation des quittances à souche du carnet de sanction dûment cotées et paraphées par le Commandant de la Brigade de l'Assainissement et de l'Hygiène et autres dispositifs administratifs prévus par la Commune.

Andininy faha-138.- Ny sazy voalazan'ity Fehezan-dalàna ity dia zaraina ho sokajy dimy (5), dia ireto manaraka ireto :

- SOKAJY VOALOHANY : 20.000 Ariary sy mihoatra ;
- SOKAJY FAHAROA : 30.000 Ariary hatramin'ny 40.000 Ariary ;
- SOKAJY FAHATELO : 50.000 Ariary sy mihoatra ;
- SOKAJY FAHEFATRA : 100.000 Ariary, 200.000 Ariary sy mihoatra;
- SOKAJY FAHADIMY : 5.000.000 Ariary.

Article 138.- Les sanctions du présent code sont classées en cinq (5) catégories suivantes :

- 1ère CATÉGORIE :20.000 Ariary et plus ;
- 2ème CATÉGORIE : 30.000AR à 40.000 Ariary ;
- 3ème CATÉGORIE :50.000AR Ariary et plus ;
- 4ème CATÉGORIE :100.000, 200.000 Ariary et plus ;
- 5ème CATÉGORIE :5 .000.000 Ariary.

BOKY FAHA-VII : MOMBA NY TOROLÀLANA FAMPIHARANA SY FANENJEHANA

Andininy faha-139.- Ny sazy momba ireo fandikan-dalàna araka ity Fehezan-dalàna ity dia voafaritra ao amin'ny tabilao etsy ambany. Ny fanenjarahana araka ny lalàna dia ataon'ny sampan-draharaha misahana ny fifanolanana mahefa.

N°	<i>Andininy voakasika</i>	<i>Fandikan-dalàna</i>	<i>Sazy</i>	<i>Lamandy (Ariary)</i>	<i>Raha misy tsy fandoavana</i>
MOMBA NY FANADIOVANA					
1	And. 24, 25, 26, 27, 28	Tsy fahadiovan'ny trano fonenana sy ny manodidina	Didy hanadio, na fandravana ny trano, hampitsahatra mandritra ny fotoana voafetra, hampitsahatra na hiala amin'ny toerana (fanerena)	100 000	fanenjarahana araka ny Lalàna manan-kery
2	And. 12, 13, 18	Tsy fahadiovan'ny lalana sy lakan- drano eo anoloan'ny trano	Didy hanadio (fanerena)	50 000	fanenjarahana araka ny lalàna manan-kery

LIVRE VII : DU MANUEL DE PROCÉDURE ET DE MODE DE POURSUITE

Article 139.- Les sanctions relatives à toutes les infractions constatées aux dispositifs du présent code sont fixées dans le tableau ci-dessous. Les poursuites judiciaires y afférentes sont engagées et suivies par le service contentieux compétent.

<i>N°</i>	<i>Articles concernés</i>	<i>Infractions</i>	<i>Sanctions administratives</i>	<i>Amendes en Ariary</i>	<i>Refus de paiement d'amendes</i>
ASSAINISSEMENT					
1	Art. 24, 25, 26, 27, 28	Insalubrité des lieux d'habitation et ses environs	Nettoyage ou Démolition ou interdiction temporaire, interdiction définitive Expulsion (injonction)	100 000	Poursuite judiciaire
2	Art. 12, 13, 18	Insalubrité de la voie publique ou des canaux devant les habitations	Nettoyage, (injonction)	50 000	Poursuite judiciaire

3	And.52	Asa na fanorenana manakana ny fanadiovana sy fidiovan'ny hafa	Didy handrava na hampitsahatra ny asa sy hanarina (fanerena)	200 000	fanenjehana araka ny lalàna manan-kery
